


# *FANONTANIANA SY VALINY*

## *MIKASIKA NY FANAHY MASINA*

 Ary taorian'ny omaly hariva dia feno tanteraka mihitsy isika. Nandre tatitra tsara aho androany avy amin'ny maro izay nandray ny Fanahy Masina. Ary faly isika ny amin'izany.

<sup>2</sup> Faly isika manana an-dRahalahy Graham miaraka amintsika izao hariva izao, iray amin'ireo mpiara-miasa amintsika eto amin'ny tabernakla, ny pasiteran'ny fiangonan'ny fahamasinana any Utica. Ary Rahalahy Jackson, tato izy, omaly hariva, mino aho fa izany ilay izy, na any aoriana ato amin'ny mpanatrika any ho any izy ankehitriny, olona iray no nilaza, ao. . . Eny, mahita an-dRahalahy Jackson aho iry aoriana iry ato amin'ny mpanatrika ankehitriny. Ary—ary Rahalahy Ruddell, eto ve izy izao hariva izao? Izany no iray hafa amin'ireo mpiaramiasa amintsika eto any amin'ny “62.” Faly isika manana an'izy ireo ato. Ary miaraka amin'ny. . . Oh, Rahalahy Pat, sy ireo rahalahy hafa rehetra, izahay dia—ary ao amin'ny mpanatrika. Faly izahay manana anareo rehetra eto izao hariva izao.

<sup>3</sup> Ankehitriny, raha te-hanamarina an'ilay zavatra aho, dia hitondra ny sasany amin'ireo mpitory teny tsara hiakatra eto hiresaka ho anareo, satria farim-peo mihitsy aho nohon'ny nananana fotoana goavana iray omaly hariva.

<sup>4</sup> Ankehitriny, ny vadiko, izy no mpanitsy ahy; fantatrareo, rahalahy, izay resahako. Nilaza izy fa tsy afaka nandre ahy ireo olona teny aoriana omaly hariva, satria niteny tamin'ity zavatra ity aho. Ary ankehitriny, alohan'ny hanombohako, dia hanandrana zavatra iray aho. Ankehitriny, manontany aho raha tsaratsara kokoa izao. Tsaratsara kokoa ve izao ny any amin'ny farany aoriana any? Sa izao no tsaratsara kokoa? Izao ve no tsaratsara kokoa? Ankehitriny, ry Malala, izao no fotoana iray nahavitako marika iray nanohitra anao. Ankehitriny, milaza izy ireo fa izao no tsaratsara kokoa. Eny àry. Oh, oadray! Izany no vehivavy iray. Izany no anankiray tsara, satria efa ela izay no tsy nahavitako anankiray. Izy foana no marina mazàna.

<sup>5</sup> Eny, nanana fotoana lehibe tokoa isika teo amin'ireo fivoriana hariva telo ireo; izaho dia nanana. Ary ankehitriny, ireo horonam-peo, ny rehetra afa-tsy ny omaly hariva. . . Niantso an-dRahalahy Goad aho ary niteny taminy mba ho tonga hanao ny horonam-peo ho an'ny tabernakla. Fa izao no nitranga raha azoko hoe naka ny fiarany i Billy Paul ka lasa, noho izany dia tsy vita ny horonam-peo araka ny fantatro. Noho izany dia tsy ananantsika io anankiray io. Tiako ho tehirizina ato amin'ny

fiangonana izany nohon'ny amin'ny fiangonana mba—hilazana amin'ny olona iray—izay inoantsika.

<sup>6</sup> Ankehitriny, hiresaka eo amin'ny *Ilay Kanferansa Lehibe* aho izao hariva izao, raha afaka mahavita ara-potoana an'ireo fanontaniana. Ary avy eo, rahampitso maraina dia asam-panasitranana iray. Ary hivavaka ho an'ny marary isika. Noho izany, isika dia tsy afaka mizara—na mandeha fotsiny ka manao hoe, “Ankehitriny, haka anao aho, sy ianao, ary ianao.” Tsy ho tsara izany. Fa mizara vondron-karatra iray isika, ary any ho any amin'ireo karatra ireo, dia miantso vitsivitsy aho hiakatra eto amin'ny lampihazo. Ary amin'izay fotoana izay, raha manomboka manambara ny Fanahy Masina, amin'izay fotoana izay dia mandeha manerana ny mpanatrika Izy ka manondro ny olona ao amin'ny mpanatrika ho an'ny asam-panasitranana. Ary noho izany, rahampitso maraina, dia hiresaka aho, raha sitraky ny Tompo, alohan'ny asam-panasitranana mihitsy.

<sup>7</sup> Mahita ny vadiko mihomehy aho. Ry Malala, tsy afaka mandre ahy mihitsy ve ianao? Oh, mandre ahy ianao. Eny, tsara izany. Mipetraka ery amin'ny farany aoriana izy ary raha ilay izy—tsy afaka mandre ahy, dia manetsiketsika ny lohany izy hoe, “Ianao . . . Tsy afaka mandre anao, tsy afaka mandre anao.”

<sup>8</sup> Koa noho izany rahampitso—rahampitso hariva dia asa fitoriana filazantsara iray miaraka amin'ny asa fanaovana batisan'ny rano. Ary avy eo, vantany vao avy mitory teny aho rahampitso hariva, dia hosintonintsika ny lamban'efitra ary hanana batisan'ny rano eto rahampitso hariva. Raha sitraky ny Tompo, raha sitraky ny Tompo, ny maraina dia tiako—na rahampitso hariva aho dia te-hiresaka eo amin'ny lohahevitra hoe: *Ny—Famantarana Iray No Nomena*. Ary avy eo, raha eto isika ny Alarobia hariva, raha mamela ahy ho eto ny Tompo ny Alarobia hariva, dia te-hiresaka aho eo amin'ny lohahevitra hoe: *Nahita Ny Kintany tany Atsinanana Izahay ka Tonga mba Hanompo Azy*. Ankehitriny, izany dia alohan'ny alin'ny Krismasy.

<sup>9</sup> Ary avy eo, aorian'ny Krismasy avy hatrany dia ny herinandro fialan-tsasatry ny Krismasy. Eo no andraisanay ny taratasy rehetra . . . Rahalahy Mercier sy izy ireo mazàna no manangona azy rehetra. Ary apetrakay izy rehetra ireo, dia mivavaka eo amin'ireo taratasy ireo izahay ka mangataka ny Tompo mba hitarika anay hoe aiza ho aiza eran'izao tontolo izao no handehanany.

<sup>10</sup> Ankehitriny, izy ireo, Christian Business Men, dia manana fandaharana lehibe iray, izany dia ho any Florida avy hatrany ho an'ny kanferansan'izy ireo. Mandeha avy eo mankany Kingston, avy eo dia mankany Haiti, ary midina mankany Puerto Rico, any Amerika Atsimo, miverina mandalo an'i Mexico.

<sup>11</sup> Nefa toy ny hoe hitarika ahy ho any Norvege ny Tompo. Tsy fantatro hoe nahoana. Fantatrareo ve ilay boky kely antsoina hoe *Lehilahy Nirahina Avy Tamin'Andriamanitra*? Izany no famoaham-boky goavana indrindra any Norvege. Eritrreto izany, izay nataon'ny Tompo tany. Ary rehefa tany aho, dia tsy namela ahy nametra-tànana teo amin'ny marary izy ireo. Tany aho nandritry ny hariva telo. Fa tsy namela ahy nametra-tànana teo amin'ny marary izy ireo. Noho izany dia hitanareo izay azon'Andriamanitra atao. Tena goavana ilay vahoaka hany izy ireo ka naka ny polisy nitaingina, soavaly, namoaka an'ireo olona teny an-dàlambe mba hahafahako ho tonga teo amin'ilay toerana. Ary tsy nametra-tànana teo amin'ny marary aho. Nivavaka ho azy ireo aho na izany aza; namela azy ireo hifametra-tànana.

<sup>12</sup> Noho izany. . . [Misy olona iray miresaka amin-dRahalahy Branham—Mpand.] Hia, azoko antoka fa hanao aho, raha izany. Ankehitriny, rahampitso maraina. . . Ankehitriny, izao hariva izao, dia hiditra fotsiny ao amin'ireto fanontaniana ireto angamba isika, satria manana sasantsasany tena tsara isika. Ary tsy fantatro hoe mandra-pahoviana no hihazonan'ny Tompo antsika eo amin'izany. Ary avy eo, rahampitso maraina na i Billy Paul, Gene, na Leo, ny anankiray, no ho tonga eto hizara karatra fangataham-bavaka amin'ny valo ka hatramin'ny valo sy sasany. Ankehitriny, ireo olona ivelan'ny tànana, mamelà ahy hamerina an'ilay izy indray mba tsy hanadinoinareo. Raha te-hiditra ao amin'ilay laharana ianareo, dia tianay kokoa ny hahazo ny olona ivelan'ny tanàna raha azo atao.

<sup>13</sup> Ankehitriny, matetika ato amin'ny fiangonana dia tonga eo amin'ny toerana iray izahay izay ilazan'izy ireo hoe, “Eny. . .” Maka an'ireo olona ivelan'ny tanàna izahay, mitondra azy ireo miakatra. . . Hisy olona iray hanao hoe, “Eny, tsy fantatro izay tsy mety amin'izy ireo. Mety niteny zavatra diso izy ireo.” Avy eo dia mitondra an'ireo olona eto amin'ny tanàna ianareo; hoy izy ireo hoe, “Oh, mety efa fantatrareo izy ireo.” Noho izany. . . Avy eo dia milaza izy ireo—izao no efa voalaza hoe, “Eny, ho lazaiko anareo, izany dia ireo karatra fangataham-bavaka.” Eny, ahoana ny amin'ireo izay tsy manana karatra fangataham-bavaka. Nefa efa isan'andro isan'andro rehefa izany no. . .

Ahoana hoe? [Nangatahana mba hanalavitra ny fanamafisam-peo Rahalahy Branham—Mpand.] Hanalavitra ny fanamafisam-peo? Eny, fantatrareo, mitory foana eo amin'ny afovoan'ilay làlana aho. Noho izany dia hataoko tahaka an'izao fotsiny ilay izy. Tsaratsara kokoa ve izao? Tsaratsara kokoa izao. Tsara izany. Ho lazaiko anareo hoe inona ilay izy. Ny—ny fitaovanay fampitam-peo eto dia tena ratsy, tena ratsy. Ary tsy miezaka ny hahazo tsaratsara kokoa izahay ankehitriny, satria mila tabernakla vaovao voarina avy hatrany. Ary amin'izay fotoana izay rehefa hanana efitra maro izahay (hitanareo?),

raha afaka manana izahay manodidina eto ka hanitatra an'ity toerana ity halalaka kely kokoa, sy hametraka toerana vitsivitsy amboniny, ary vonona ho an'ireo fivoriana rehefa manana azy ireo izahay eto.

14 Ary ankehitriny, tsarovy, ny maraina ireo zazalahy, iray na telo amin'izy ireo dia hizara karatra eo anelanelan'ny amin'ny valo sy sasany, na, amin'ny valo sy amin'ny valo sy sasany. Manome anjara iray ho an'ny olona rehetra mba ho tafapetraka izany. Ary niresaka aho ny amin'ny hoe ahoana no izaran'izy ireo ny karatra, nahoana izahay no manao an'izany. Izany dia mba hihazonana ny filaminana. Hitanareo? Ankehitriny, ahoana moa raha tonga teto aho, tahaka an'izao ankehitriny izao mihitsy ka nanao hoe, “Aoka *ity* vehivavy ity, *ity* vehivavy ity, ary *itsy* lehilahy itsy, sy *ity* vehivavy ity. . . ?” Hitanareo, izany dia karazany—karazany ho sarotra izany. Hitanareo? Ary avy eo, raha ianareo. . . Matetika dia izao no nataoko. Ary raha tsy be loatra izy ireo ny maraina, dia mety hanao an'ilay zavatra iray ihany aho. Hilaza aho hoe, “Olona firy ato avy any ivelan'ny tanàna izay manana zavatra tsy mety aminareo, mitsangàna ianareo.”

15 Rahalahy Mercier, tonga hamonjy ahy ianao. Tonga hanampy ahy ve ianao? [Mamaly Rahalahy Mercier—Mpand.] Oh, tonga ianao. . . Tonga ho an'ny famonjeny manokana izy. Niresaka tamin'ny sakaizanao vavy aho androany. Ankehitriny, tsaratsara kokoa ho anao ny ho tena tsara amiko. Hitanao? Eny àry. Tsara izany. Izaho—mankasitraka an'ilay herim-po aho Rahalahy Leo. Rehefa tsy tsara ilay izy, dia ndao isika—ndao isika hanao an'ilay izy ho tsara arak'izay fantatsika hoe ahoana no hanaovana azy, ny tsara indrindra izay vitantsika.

16 Koa noho izany ankehitriny, mangataka fotsiny an'ireo olona avy any ivelan'ny tanàna hanangana ny tànany izay misy zavatra tsy mety amin'izy ireo. Ary avy eo dia mitsangana eto fotsiny, manokan-tena eo amin'ny olona anankiray mandra-panomboky ny Fanahy Masina, ka mandray an'ilay mpanatrika manontolo. Firy no efa teto rehefa nahita an'izany vita tato izy ireo? Azo antoka! Hitanareo, hitanareo? Noho izany dia tsy mampaninona izay fanao misy. Ilay izy fotsiny dia. . .

17 Tiako ianareo hahatsiaro an'izao, ary hiezaka aho ny hiverina amin'izany indray ny maraina. Ireo Jentilisa, ny Filazantsara izay nomena azy ireo dia Filazantsaran'ny finoana, fa tsy ireo asa mihitsy. Hitanareo? Ary tahaka ny nolazaiko omaly hariva. Rehefa nilatsaka ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekosta, rehefa nandeha nankany amin'ireo Jiosy izy ireo (Asa 19:5), dia tsy maintsy nametra-tànana teo amin'izy ireo mba handraisany Azy. Ary rehefa nandeha nankany amin'ireo Samaritana izy ireo, dia tsy maintsy nametra-tànana teo amin'izy ireo. Fa rehefa tonga teo amin'ireo Jentilisa izy ireo tao

amin'ny ankohonan'i Kornelio, "Raha mbola niteny an'ireo teny ireo i Petera . . ." Tsy nisy fametrahan-tànana.

<sup>18</sup> Rehefa maty ilay zazavavy kely, ny zanakavavin'i Jairo, ilay mpisorona, dia nanao hoe, "Avia mametraha tànana eo aminy, dia ho velona izy." Fa rehefa ilay mpifehy zato Romana, ilay Jentilisa, no niteny. "Tsy mendrika ny Idiranao eo ambanin'ny tafon-tranoko aho, teneno ny teny." Izay ilay izy. Hitanareo?

<sup>19</sup> Ilay vehivavy Syrofoinisiana, Grika tokoa izy, rehefa izy—rehefa nilaza taminy Jesosy, nanao hoe, "Tsy mety Amiko ny maka ny mofon-jaza ka manome an'izany ho an'ny alika."

Hoy izy hoe, "Marina izany, Tompo; saingy ireo alika eo ambanin'ny latabatra dia mihinana an'ireo sisan-jaza."

Hoy Izy hoe, "Noho izany filazana izany, dia niala tamin'ny zanakavavinao ny devoly." Milazà zavatra tsara arak'izany. Milazà zavatra tsara mikasika olona iray. Miresaha ny amin'i Jesosy. Milazà zavatra mahatoky, zavatra tena misy. Izany no fomba ialana amin'ireo devoly. Izy tsy nilaza mihitsy—Izy tsy nivavaka ho an'ilay zazavavy mihitsy. Tsy nilaza zavatra iray mihitsy Izy mikasika ny hoe sitrana izy; hoy fotsiny Izy hoe, "Noho izany filazana izany, noho izany filazana izany . . ."

<sup>20</sup> Hattie Wright, indray andro, tsy nangataka na inona na inona izy. Nipetraka teo fotsiny izy, saingy nilaza an'ilay zavatra tsara, izay nahafaly ny Fanahy Masina. Ary namaly ny Fanahy Masina ka nanao hoe, "Hattie, angataho izay zavatra tianao, na inona na inona mahazo anao sy ilainao. Ho hitanao raha tena misy izany na tsia. Mangataha zavatra (ny fahasitranan'ny rahavavy keliny kilemaina nipetraka teo nalemy tanteraka; iray alina dolara mba hisakana azy tsy hangady teo amin'ireo havoana teo ireo; ny hatanorana hiverina amin'ny vatany tena trotraka); na inona na inona tianao angatahina, angataho izao ankehitriny izao izany. Raha tsy tonga Izy ka hanome anao an'izany izao ankehitriny izao, amin'izay fotoana izay dia mpaminany sandoka iray aho." Izany no—izany no izany no zavatra iray, sa tsy izany?

<sup>21</sup> Hoy Jesosy hoe, "Mitenena amin'io tendrombohitra io . . ." Ary efa renareo ny—mikasika an'izany niseho; izany ilay asampanompoana izay idirantsika. Lasa lavitra eo amin'ilay lâlana isika ankehitriny. Tsy ho ela ny Fihavian'ny Tompo Jesosy. Ary tsy maintsy manana ny finoan'ny fampakarana isika ao amin'ny Fiangonana iray izay afaka hiova vetivety ao anatin'ny indray mipi-maso mba handeha, raha tsy izany dia tsy handeha isika. Fa aza manahy, ho eo izany. Ho eo izany. Ary rehefa mitombo ny herin'ity fiangonana ity, dia izany no hitondra an'ireo rahalahiny; mitombo ny herin'itsy fiangonana itsy, dia izany no hitondra an'ireo rahalahiny; ny herin'itsy fiangonana itsy no hitondra an'ireo rahalahy hafa; avy eo dia hisy ny fitsanganana faobe iray. Ary manantena an'izany isika.

<sup>22</sup> Ankehitriny, aza adino, ireo karatra fangataham-bavaka dia amin'ny maraina amin'ny valo ka hatramin'ny valo sy sasany. Avy eo dia mangataka amin'izy ireo aho na inona na inona no misy, amin'izay fotoana izay dia mijanona tsy mizara karatra fotsiny, ary miverina, ka mipetraka (hitanareo?), satria ho efa voazaran'izy ireo daholo angamba izy ireo amin'io ora io na ahoana na ahoana, na arak'izay ho voasintontsika avy any ho any eo. Ho avy ireo zazalahy, hampifangaro an'ireo karatra rehetra eo anatrehanareo mihitsy, avy eo raha mila anankiray ianareo, mila anankiray ianareo, na mbola inona koa tahaka an'izany. . . . Noho izany rehefa tonga aho, izaho fotsiny dia. . . . Na avy aiza na aiza no lazain'ny Tompo hiantsoana. . . . Ary raha hoy Izy hoe, "Aza miantso mihitsy," dia tsy hiantso azy ireo mihitsy aho (hitanareo?), na inona na inona fotsiny ilay izy.

<sup>23</sup> Ary izaho dia. . . . Io asam-panompoana io dia efa saiky mihalevona mihitsy na ahoana na ahoana; misy zavatra lehibe kokoa ho tonga. Tsarovy, izany no antony hoe isaky ny voalaza avy eto amin'ity lampihazo ity na avy eto amin'ity polipitra ity ilay izy, dia tsy mbola diso mihitsy izany. Tsaroanareo ve ilay asam-panompoana mikasika ny tãnana? Hitanareo ve hoe inona no nataon'izany? Ireo fisainan'ny fo, hitanareo ve izay nataon'izany? Ankehitriny diniho ity: teneno ny Teny, ary jereo izay Ataony. Hitanareo? Niteny taminareo aho teto taona maro lasa izay—ny fiangonana (miresaka amin'ny tabernakla aho)—taona maro lasa izay, telo na efa-taona lasa, nisy zavatra natao ho tanteraka; natao hiseho izany. Ary indro izany fa eo ampitrangana mihitsy mba. . . . Eo am-panamboarana ny tenany ilay izy. Ankehitriny, dia mankasitraka isika ny amin'izany. Oh, toy ny ahoana no ankasitrahantsika. Tena faly fotsiny.

<sup>24</sup> Ankehitriny, dia manana fanontaniana sasany tena sarotra isika eto, ary tiantsika ny hiditra avy hatrany amin'izy ireo. Nisy olona nijery an'ireto boky izay nananako ireto. Hoy aho hoe, "Eny, anankiray ihany no ilain'ny lehilahy mahay iray." Fa tsy lehilahy mahay iray aho. Tsy maintsy mila betsaka amin'izy ireo aho hijery. Eny, ity ny Diaglott, ary ity dia Baiboly iray, ary ity dia konkordansa iray. Noho izany ilay izy dia. . . . Hangataka ny Tompo fotsiny isika hanampy antsika sy hitarika antsika hamaly an'ireto fanontaniana ireto araka ny Sitrapony Masina mihitsy sy Ny Teniny.

<sup>25</sup> Noho izany ankehitriny, ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny ho an'ny vavaka. Tompo, mankasitraka Anao avy amin'ny tena halalin'ny fonay izahay ny amin'izay Nataonao ho anay tao amin'ireo hariva telo farany ireo. Oh, ny mahita an'ireo mpitoriteny nihaona tao ambadiky ny efitra tao ka nifandray tãnana, ary finoana navaozina, sy-sy dingana vaovao iray hatao. Niantso tao amin'ny telefona. . . . Koa faly ny fonay, ary ny olona dia nandray ny Fanahy Masina izy ireo rehefa avy—nahita Ny Teninao, ahoana no Itenenany

marina tokoa isaky ny dingana hoe ahoana no andraisana Ny Fanahinao Masina. Tena mankasitraka izahay ny amin'izany, Tompo.

<sup>26</sup> Manao an'ireo zavatra ho tena tsotra aminay Ianao, satria vahoaka tsotra iray izahay. Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba—mba Hamelanao anay hanao ny tenanay ho tsotra tanteraka isan'andro. Fa izany dia . . . Fa ilay karazana manetry ny tenany no hasandratra. Ary ny fahendren'izao tontolo izao dia fahadalana amin'Andriamanitra; fa ny fahadalan'ny fitorian-teny no mahafaly an'Andriamanitra hamonjena an'ireo izay very.

<sup>27</sup> Ary ankehitriny, Ray, misy fanontaniana maro eto amiko izay nanontaniana avy amin'ireo fo tsotra izay voakasika. Ary mety handefa an'ilay olona any amin'ny lalan-diso ny iray amin'ireo diso valiny, ny mandefa an'ilay hazavana tsy izy eo amin'ireo fanontaniany izay manelingelina azy ireo. Noho izany Tompo Andriamanitra, dia mivavaka aho mba ho tonga eo amboninay Ny Fanahinao Masina ka hanambara an'ireo zavatra ireo, satria izao no voasoratra ao amin'ny Soratra hoe, “Mangataha dia hahazo ianareo; ary mitadiava dia hahita ianareo; dondony dia hovohana ianareo.” Koa izany no ataonay ankehitriny, Tompo, mandondona eo amin'ny Varavaran'ny famindramponao. Mitsangana ao amin'ny aloky ny Fahamarinanao Masina, dia miangavy ny Ràn'ilay Kristin'Andriamanitra sy ny Fanahy Masina izahay.

<sup>28</sup> Ary tsy tonga izahay izao hariva izao satria fotsiny hoe nahavita an'ireo hariva telon'ny fitoriana teo amin'ny Fanahy Masina, tonga miaraka amin'ny halalin'ny fanajana sy fahatsoram-po indrindra izahay. Tonga izahay toy ny hoe ity no hariva farany izay hany hisy anay eto an-tany. Tonga izahay eo am-pinoana fa hamaly ny vavakay Ianao. Ary Tompo, mangataka Anao izahay ankehitriny hanome fahafaham-po anay amin'Ny Fiainanao Mandrakizay. Ary eo am-pamaliana Ny Teninao, dia enga anie ny Fanahy Masina . . . Oh Andriamanitra, satria hitanay fa ny Tenanao eo anivonay izany, dia mivavaka izahay mba Hanambarany aminay izao hariva izao an'ireo zavatra izay irianay. Ary naniry fotsiny izahay mba hahatonga ny fanahinay eo amin'ny fitsaharana, sy ny sainay eo amin'ny fiadanana, ka hanana finoana an'Andriamanitra mba handroso hitaky an'ireo fitahiana izay Nampanantenainy. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

<sup>29</sup> Ankehitriny, manana an'ireo fanontaniana rehetra izay nomena ahy aho, afa-tsy anankiray. Ary efa namaly andRahalahy Martin kely aho izay nametraka fanontaniana iray tamiko ny hariva talohan'ny farany, anankiray fotsiny. Nisy maro teto omaly hariva, saingy fangataham-bavaka izany. Ary nametraka fanontaniana tamiko Rahalahy Martin mikasika ny Jaona 3:16—na Jaona 3, mino aho, mikasika ny hoe, “Raha tsy

ateraky ny rano sy ny Fanahy ny olona, dia tsy afaka mahita ny Fanjakana izy,” ary nampitaha an’izany tamin’ny horonam-peo iray izay nalefako mikasika ny Hebreo. Koa nihaona taminy aho tao amin’ny efitra ambadika teto omaly hariva, ary—talohan’ny nananako anjara iray hamaliana azy, dia nataoko tao ilay izy tamin’izay fotoana izay, teo amin’ilay lohahevitra.

<sup>30</sup> Ankehitriny, misy ve eto izay tsy teto omaly hariva, aoka ho hitanay ny tãananareo, izay tsy teto omaly hariva. Oh, izahay, dia azo antoka fa naniry anareo hiaraka taminay. Nanana fotoana iray tena be voninahitra izahay. Ny Fanahy Masina . . .

<sup>31</sup> Izaho dia mety, mandritry ny iray minitra fotsiny . . . Tsy handratra aho. Raisim-peo izao. Ary raha sendra misy mpitoriteny iray mba—na olona izay sendra tsy mifanaraka eo amin’izay kasaiko ho lazaina ankehitriny, na dia ao amin’ireo fanontaniana aza, dia mangataka aho, rahalahy, mba tsy hiheveranareo an’izany ho hafahafa, fa izany—tsarovy fa atao ato amin’ny tabernaklanay eto ity horonam-peo ity. Mampianatra ny olonay izahay. Mpitoriteny maro avy amin’ny finoana samihafa no mipetraka manodidina. Ary tiako ny hiditra indray ao amin’ilay lohahevitra, satria misy ny sasany amin’ireo olonay tsy afaka niditra omaly hariva ka hitako fa ato izao hariva izao. Ary tiako ny hiverina vetivety fotsiny, raha hamela an’izany ianareo, eo amin’izay noresahako omaly hariva; ary izany dia teo amin’ny Pentekosta, teo amin’ny fandraisana ny Fanahy Masina.

Ankehitriny, mamaky avy ao amin’ny *Emphatic Diaglott* an’ny fandikana Grika, izay nisy ahy omaly hariva, izay mipetraka eto anoloako ankehitriny. Izany dia ny fandikana tany am-boalohany avy amin’ny Grika mankany amin’ny Anglisy. Tsy nandalo tamin’ny mpandika hafa izany, izany dia—sy dikan-teny hafa, avy amin’ny Grika avy hatrany mankany amin’ny Anglisy izany. Ankehitriny, ireo teny Anglisy, matetika dia manana ny tena dikany amin’izy ireo, ohatra raha nilaza aho ankehitriny hoe, *board*. Raiso io teny *board* io. Hilaza ianareo hoe, “Eny, ny tiany ho lazaina dia hoe *nahasorena* [Amin’ny teny Anglisy dia *boring*.—Mpand.] azy isika.” Tsia! “Oh, izy—izy dia nandoa ny *vidin-tsakafony*.” [Amin’ny teny Anglisy dia *board*.] Tsia! Eny, izy . . . “Izany dia *hazo fisaka* [Amin’ny teny Anglisy dia *board*.] iray eo amin’ny sisin’ny trano.” Eny, hitanareo? Na iray amin’ireo . . . Misy teny efatra na dimy samihafa azo ampiasaina; mila mijery an’ilay fehezanteny ianareo. Ny teny hoe *see*. *See* dia midika hoe “mahazo,” amin’ny Anglisy. *Sea* dia midika hoe “vatan-drano iray.” *See* dia midika hoe “mijery.” Hitanareo? Saingy eo amin’ireo fandikana ireo, ny teny ampiasaina eto, izay noresahako omaly hariva tao amin’ny Asa ny toko faha-2, izay ilazana hoe, “Lela afo no nipetraka teo ambonin’izy ireo . . .” Ankehitriny, te-hiverina mihitsy vetivety fotsiny aho. Ho tianareo ve ny hiverina, vetivety



fotsiny, ka somary hijery an'izany indray vetivety alohan'ny handehanantsika lavidavitra kokoa?

<sup>32</sup> Ankehitriny, mamadiha, ianareo ao amin'ny King James anareo na inona na inona fandikana izay hamakianareo... Ary te-hamaky an'izany aho. Ary tena mihainoa tsara ankehitriny. Aza diso fahazoana. Maro androany, na dia ny anabaviko aza, maro tamin'izy ireo no niantso, nilaza... Rtoa. Morgan... Maro tamin'izy ireo no teto omaly hariva. Rtoa. Morgan dia iray amin'ireo anabavintsika izay nilaozana; ary tao anatin'ny lisitry ny maty tao Louisville izy nandritry ny enina amin'ny folo, fito amin'ny folo taona lasa izay niaraka tamin'ny homamiadana. Heveriko fa mipetraka eto aoriana eto indray izy izao hariva izao. Tsy afaka nandre izy, hoy izy, satria niteny nivantana tao amin'ilay fanamafisam-peo aho. Ary nohon'ny amin'izy ireo dia te-hiverina eo amin'izany vetivety aho.

<sup>33</sup> Ankehitriny, hamaky avy ao amin'ity Soratra an'ny Asa 2 ity aho:

*...nony tonga ny andron'ny Pentekosta, izy rehetra dia tao amin'ny fisainana iray... (Ankehitriny, izany no tiako kokoa nohon'ny iray saina: satria afaka ny ho iray saina ianareo eo amin'ny lohahevitra lehibe rehetra, saingy eto dia nitovy ny fisainan'izy ireo)... iray fisainana ary tao amin'ny toerana iray ihany.*

*Ary tampoka teo dia nisy feo iray tonga avy tany an-danitra tahaka ny rivotra mahery iray nifofofoto, ary izany dia nameno...ny trano manontolo izay nipetrahan'izy ireo. (Tsy nandohalika, tsy nivavaka, fa nipetraka)... .*

*...Lela nizarazara... (L-e-l-a—lela. “Nizarazara” midika hoe, “voatsinjara”)... Lela... niseho teo amin'izy ireo...tahaka...ny afo, ary anankiray... (“Anankiray,” tokana)...nijanona teo ambonin'ny tsirairay tamin'izy ireo.*

*Ary izy rehetra dia feno... (“Ary,” fanohizan-teny)... ny rehetra dia feno ny Fanahy Masina, ka nanomboka niteny tamin'ny fiteny hafa, araka ny nampitenenin'ny Fanahy azy ireo.*

*Ankehitriny dia nisy Jiosy nitoetra tao Jerosalema, lehilahy mpivavaka tsara, avy tany amin'ny firenena rehetra ambanin'ny lanitra.*

*...rehefa nisy izany...ka niely izany tatitra izany, dia tonga niaraka ny olona maro, ary dia very hevitra, satria...ny tsirairay avy dia nandre ny...azy niteny tamin'ny fiteniny manokana.*

<sup>34</sup> Mariho ankehitriny! Rehefa tonga ilay afo, dia lela izany; rehefa niteny izy ireo, dia fiteny izany. Ankehitriny, misy

fahasamihafana makadiry eo amin'ny lela sy fiteny. Amintsika dia iray ihany izy rehetra. Fa, amin'ny Grika, “lela” dia midika an'*ity*. [Manao kisarisary Rahalahy Branham—Mpand.] Ny sofina dia *ity*. Hitanareo? Tsy midika izany hoe fiteny iray; izany dia midika ny ampahan'ny vatanareo izay lela iray. Raha mahamarika ianareo, izany dia voadika hoe *lela afo* izay midika hoe “mitovy amin'ny lela,” mitovy mihitsy amin'ny lelan'afo iray, fidedadedan'ny afo lava iray. Ankehitriny, diniho ilay tsindrimpeo ankehitriny. Ary ny tsirairay avy amin'ireo toerana ireo ankehitriny, aza adino izany.

<sup>35</sup> Ankehitriny, hanome tantara an-tsehatra kely iray isika izao hariva izao. Ary hapetrako hiankina aminareo izany. Tsarovy ankehitriny, raha misy zavatra mifanohitra, dia miankina aminareo izany. Fa amin'ny alàlan'ny finoana no fomba tokana izay hany ahafahan'ny olona iray mahazo zavatra avy amin'Andriamanitra. Ary alohan'ny ahafahanareo. . .

<sup>36</sup> Tsy maintsy fantatro izay hataoko alohan'ny ahafahako manana finoana ao amin'izay hataoko. Nahoana ianareo no nanambady ny vadinareo? Nanana finoana azy ianareo. Nizaha toetra azy ianareo, nandinika azy, nahita hoe avy taiza izy, iza izy. Tahaka an'izany koa ny amin'ny Soratra, ny amin'Andriamanitra. Izany no manao an'ireo fahitana ireo, ny—ity Andry Afo ity, ireo zavatra rehetra ireo, satria nampanantena an'izany Andriamanitra. Niteny an'izany Andriamanitra. Efa nizaha toetra Azy tamin'ny alàlan'Ny Teniny aho ka mahafantatra fa Izany no Fahamarinana. Ary arahonareo Ny Teniny. Noho izany raha misy fifanjevoana kely any ho any, amin'izay fotoana izay dia misy zavatra tsy mety any ho any. Satria Andriamanitra (henoy!)—Andriamanitra dia tsy niasa mihitsy na hiasa mihitsy ivelan'ny Azy manokana—na mifanohitra amin'ireo Lalàny manokana. Tsy ho tonga amin'ny ririnina ny fahavaratra, ary ny fahavaratra tsy ho tonga amin'ny ririnina. Tsy hihintsana amin'ny lohataona ireo ravina ary tsy hitsiry indray amin'ny fararano. Tsy afaka manao an'izany mihitsy ianareo.

<sup>37</sup> Araka ny nolazaiko omaly hariva mikasika ny fantsakana mamoa rano, manondraka ny vokatrareo. Na raha mitsangana eto afovoan'ny saha iray eto ianareo, ary maizin-kitroka ny andro, ka hilaza ianareo hoe, “Oh, ry herinaratra lehibe, fantatro fa eto amin'ny saha ianao. Ankehitriny, very aho, tsy fantatro izay halehako. Manomeza hazavana, mba ahafahako mahita hoe ahoana no handehanana! Misy herinaratra betsaka hanazava tanteraka an'ilay saha.” Marina izany. Eny, tompoko! Misy herinaratra betsaka ato amin'ity efitra ity hanazava azy na dia tsy misy an'ireo jiro ireo aza, tsy misy an'ity. Fa tsy maintsy mifehy azy ianareo. Ankehitriny, mety mikiakiaka amin'io ianareo mandra-pahatonganareo tsy ho afaka hikiakiaka intsony, tsy hanazava mihitsy izy. Fa raha miasa arak'ireo

lalàn'ny herinaratra ianareo, amin'izay fotoana izay dia hahazo hazavana.

<sup>38</sup> Eny, tahaka an'izany ny amin'Andriamanitra. Andriamanitra no ilay Mpamorona lehibe ny lanitra sy ny tany, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mbola Andriamanitra Izy. Fa araka ny anarahanareo an'ireo Lalàn sy toro-marikany fotsiny ihany no Hiasany. Ry sakaiza, milaza an'izao aho: tsy mbola nahita an'izany diso mihitsy aho, ary tsy ho diso izany.

<sup>39</sup> Ankehitriny, ndao isika hanamarika. Jesosy ao amin'ny Lioka 24:49 dia naniraka an'ireo apostoly rehefa avy novonjena sy nohamasinina araka ny Teny izy ireo; nohamarinina tamin'ny finoana an'ny Tompo Jesosy; nohamasinina ao amin'ny Jaona 17:17 rehefa nilaza Jesosy hoe, “Amasino izy ireo, Ray, amin'ny Fahamarinana. Ny Teninao no Fahamarinana.” Ary Izy no Teny.

<sup>40</sup> Ankehitriny, nomeny azy ireo ny fahefana hanasitrana ny marary, handroaka devoly, hanangana ny maty; ary niverina izy ireo nifaly. Ary teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaran'izy ireo. Tsaroanareo hoe toy ny ahoana no nandalovantsika teo amin'izany ankehitriny. Saingy tsy mbola niova fo izy ireo. Jesosy dia niteny tamin'i Petera ny alin'ny fanohomboana Azy; hoy Izy hoe, “Rehefa avy niova fo ianao, amin'izay fotoana izay dia ampaherezo ny rahalahinao.”

<sup>41</sup> Ny Fanahy Masina no...Mino ny Fiainana Mandrakizay ianareo, saingy rehefa tonga ny Fanahy Masina dia Izy no Fiainana Mandrakizay. Ianareo dia mino ny...Nozanahan'ny Fanahy tao amin'ny fanamasinana ianareo, saingy tsy nateraky ny Fanahy mihitsy raha tsy miditra ny Fanahy Masina. Marina izany. Manana aina ny zazakely iray ao an-kibon'ilay reny, mangovitra ireo hozatra kely; aina iray izany. Saingy aina hafa iray izany rehefa misintona an'ilay fofon'aina ao amin'ireo lavak'orony izy. Hafa iray izany. Izany ilay izy, izany dia...

<sup>42</sup> Ry rahalahy Metodista malalako, sy Mpivahinin'ny Fahamasinana, ary Nazareana, ny batisan'ny Fanahy Masina dia samihafa amin'ny fanamasinana. Fanadiovana ny fanamasinana, izay fanomanana ho an'ny Fiainana. Fa rehefa tonga ny Fanahy Masina, dia Izy no Fiainana. Ny fanomanana dia manadio an'ilay vazy; ny Fanahy Masina no famenoana an'ilay vazy. *Fanamasinana* dia midika hoe “nodiovina ary napetraka mitokana ho an'ny asa.” Ny Fanahy Masina no mametraka azy ao amin'ny asa. Ianareo no vazy izay nodiovin'Andriamanitra.

<sup>43</sup> Ary hitantsika fa Andriamanitra Izy tenany ao anatinareo ny Fanahy Masina. Teo amboninareo Andriamanitra tao anatin'ilay Andry Afo niaraka tamin'i Mosesy. Niaraka taminareo Andriamanitra tao amin'i Jesosy Kristy. Ankehitriny dia ao

anatinareo Andriamanitra ao amin'ny Fanahy Masina. Tsy andriamanitra telo, Andriamanitra iray miasa amin'ny asa telo.

44 Andriamanitra izay nanaiky hidina, nidina teo ambonin'ny olona. Tsy afaka nikasika Azy izy, satria nanota izy tao amin'ny sahan'i Edena ka nanasarako ny tenany tamin'ny Fiombonany. Noho izany dia inona no nitranga? Tsy maintsy teo amboniny Izy. Ny ràn'ombilahy sy osy dia tsy namela Azy hiombona amin'ny olona indray; fa tamin'ny alàlan'ireo lalàna sy didy, izay nanao aloka mialoha an'io fotoana ho avy io, amin'ny fanaterana omby, sy ny sisa, sy ondry. . . Nidina Andriamanitra avy eo ka nonina tao anatin'ny vatana iray nohamasinina, nateraky ny vehivavy virijiny iray, ka Andriamanitra Izy tenany. . . Fantatreo ve izay nataon'Andriamanitra? Izy—Izy dia tsy nanao fotsiny afa-tsy. . . Nametraka Ny Tranolainy teo anivon'ny antsika Izy. Nonina tao anatin'ny Tranolay nantsoina hoe Jesosy Kristy Andriamanitra. Nanangana fotsiny Ny Tranolainy niaraka tamintsika Izy, lasa. . . (Izaho dia—hitory eo amin'izany amin'ny maraina, noho izany dia tsaratsara kokoa ho ahy ny hamela an'izany.) Ankehitriny, fa—ahoana fa Andriamanitra dia nilasy na nonina niaraka tamintsika. . .

45 Ary ao anatintsika Andriamanitra ankehitriny. Jesosy no nilaza ao amin'ny Jaona 14 hoe, “Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Ray, ny Ray ato Amiko, ary Izaho ao aminareo, ary ianareo ato Amiko.” Andriamanitra ao anatintsika. Inona ilay tanjona? Hanatanteraka ny Drafiny.

46 Nanana drafitra iray Andriamanitra. Te-hiasa teo anivon'ny olona Izy, ka Nentiny tao anatin'ny Andry Afo izany, izay Afo mahagaga iray izay nihantona teo ambonin'ny zanak'Isiraely. Avy eo dia io Afo iray io ihany no tonga voaseho tao anatin'ny vatana iray an'i Jesosy. Ary Izy no nilaza fa Izy io Afo io, “Talohan'ny nisian'i Abrahama, dia IZAHO NO IZY.” Izy io Afo io. Hoy Izy hoe, “Avy tamin'Andriamanitra Aho, ary hiverina amin'Andriamanitra Aho.” Ary taorian'ny Fahafatesany, fandevenany, ary fitsanganany, dia nihaona Taminy teny amin'ny lalàna i Masindahy Paoly—fony mbola Saoly ny anarany—teny amin'ny lalàna mankany Damaskosy, ary nivadika ho io Andry Afo io indray Izy. Hazavana iray no nahapotika ny masonry. Marina izany.

47 Ary indro Izy androany, ilay Andry Afo iray ihany, Andriamanitra iray ihany manao an'ireo famantarana iray ihany, ireo asa iray ihany. Nahoana? Miasa eo anivon'ny Olony Izy. Ao anatintsika Izy. Izaho. . . Miaraka aminareo Izy ankehitriny, “fa ho ao anatinareo Aho. Homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny faran'ny fahafonganana,” ny faran'izao tontolo izao. Homba antsika Izy.

48 Ankehitriny, mariho. Naniraka azy ireo handeha hiakatra any Jerosalema Jesosy ka hiandry. Ny teny hoe *mijanona* dia

midika hoe “miandry,” tsy midika hoe mivavaka, midika hoe “miandry.” Tsy mbola natao hitory teny izy ireo, satria tao amin’ny maha-Olona Azy fotsiny no nahafantaran’izy ireo ny Fitsanganany, tamin’ny fahitana Azy tety ivelany. Izy—Izy no nandidy azy ireo tsy hitory teny intsony, tsy hanao na inona na inona raha tsy efa nofenoina ny Hery avy any amin’ny avo aloha.

Tsy mino aho fa nirahin’Andriamanitra ny mpitory teny iray na afaka ny ho voatendry marina... Satria tsy manampetra Andriamanitra. Ary izay ataon’Andriamanitra indray mandeha, dia Ataony hatramin’ny farany. Ankehitriny, raha tsy navelan’Andriamanitra hitory teny izy ireo mandrapahatongan’izy ireo teo amin’ny Pentekosta ka nahazo ny fahatsapana Pentekotista, dia tsy misy olona, raha tsy hoe faniriana lalina iray avy amin’ny azy manokana na rafi-pandaminana iray no naniraka azy, manana zô hiditra eo amin’ny polipitra iray raha tsy efa feno ny Fanahy Masina izy. Marina tokoa izany. Satria mitarika azy ireo amin’ny alàlan’ny hevitra ara-tsaina iray an’ny rafi-pandaminana iray izy mandrapaha-feno azy ny Fanahy Masina; ary amin’izay fotoana izay, izy vao manome azy ireo ny sakafo-m-boromailala; *Ny Voromailala sy ny Zanak’ondry*, araka ny noresahantsika omaly hariva.

<sup>49</sup> Mariho ankehitriny. Hoy Izy hoe, “Miakara any Jerosalema ary mijanôna ao; miandraza fotsiny mandra-Pandefasako ny teny fikasan’ny Ray.” Ary tamin’izay fotoana izay, inona no nataon’izy ireo? Nisy roapolo amby zato izy ireo tao, lehilahy sy vehivavy. Nandeha tao amin’ny efitra ambony tao an-tempoly izy ireo.

Ankehitriny, akaikin’ny andron’ny Fetin’ny Pentekosta tamin’izay, nanomboka tamin’ny fanadiovana ny toerana masina, ny famonoana ny zanak’ondrin’ny paska hatramin’ny—ny fahatongavan’ny Pentekosta, dia ireo voaloham-bokatry ny fijinjana, ny jobily, ny jobily Pentekotista. Ary teo ambonin’ireo tranobe... .

<sup>50</sup> Ankehitriny, efa tany amin’ireo firenena aho. Ireo firenena tatsinanana indraindray dia manana tohatra iray ao anatiny. Tany ivelany ilay tohatra. Tany ivelan’ny tempoly, nolazaina taminay, dia nisy tohatra iray izay mitondra miakatra mankao amin’ny efitra kely anankiray; miakatra, sy miakatra, ary miakatra, mandra-pahatonganareo ao amin’ny efitra kely iray ao ambony ao, tahaka ny efitra fitehirizan-javatra anankiray ao an-tampon’ilay tempoly, karazana efitra kely iray, ary efitra ambony. Ary nilaza ny Baiboly fa tao anatiny tao izy ireo ary nikatona ny varavarana, satria natahotra an’ireo Jiosy izy ireo, satria ho potehiny izy ireo nohon’ny fanompoana ny Tompo Jesosy, rehefa i Kaiafa ilay mpisoronabe, sy Pontio Pilato, ary izy ireo no avy namono Azy ho faty. Noho izany dia hanala an’ireo rehetra mody nantsoina ho Kristiana izy ireo. Ary nikatona ny varavarana, dia niandry izy ireo.

51 Ankehitriny, ao amin'ireo efitra tahaka an'izany, dia tsy misy varavarankely. Ny varavarankely dia zavatra kely misy fefy mitovy amin'ny varavarana, sintoninareo hivoha. Ao anatin'ireo efitra ireo dia misy fanilo kely izay mihantona ary mirehitra. . . Raha efa tany California ianareo tao amin'ny Clifton's Cafeteria, midina any ambany rihana, dia ahita anankiray tena mitovy karazana mihitsy ianareo, an'ilay efitra ambony. Efa mba tany ve ianareo? Firy eto no efa tany? Mahita olona manatokatoka ny lohanareo aho. Eny, fantatrareo izay resahako. Eny àry. Midina ao, dia ahita ny Sahan'i Getsemame ianareo; alohan'ny ahitanareo, dia hiditra ao amin'ny iray amin'ireo efitra tatsinanana ianareo. Tena marina tokoa izany. Mahita fanilo kely iray feno diloilon'oliva ianareo miaraka amin'ny lahan-jiro volon'ondry kely iray mipetraka ao anatiny, mirehitra.

52 Ankehitriny, ndao ataontsika hoe tao ambony tao izy ireo, niakatra teo amin'io ivelany io. Niakatra tao izy ireo ary nanafina ny tenany, satria natahotra an'ireo Jiosy. Jesosy dia tsy niteny tamin'izy ireo nandeha ao amin'ny efitra ambony. Hoy fotsiny Izy hoe, "Miandrasa ao Jerosalema." Raha tao anatin'ny trano iray izy ireo eto, dia sarotra ny hiteny hoe inona no mety niseho. Hiditra izy ireo ary haka azy ireo. Noho izany dia nandeha tao amin'ny efitra tranainy kely iray izy ireo tao ambony, tao amin'ny tampony ambony tao, ary tao, dia nanisy fefy an'ilay efitra mba tsy ahafahan'ireo Jiosy miditra ao amin'izy ireo. Ary nipetraka tao izy ireo niandry nandritry ny folo andro.

53 Ankehitriny, ankehitriny, ao amin'ny Asa 1 isika. Ankehitriny, henoy tsara ankehitriny. Azonareo ve ilay sary? Nisy tohatra kely iray niakatra tao ivelan'ilay tranobe, ary niditra tao amin'io efitra kely io izy ireo. Ny tao an-tempoly dia nanana ny Fetin'ny Pentekosta izy ireo. Oh, nisy fotoana lehibe nandeha teo. Ankehitriny, nony tonga ny andron'ny Pentekosta, dia iray fisainana izy rehetra, iray fisainana, nino fa handefa an'ilay teny fikasana Andriamanitra. Aoka ny olona rehetra ato hiditra ao amin'io fisainana iray io ihany izao hariva izao ka ahita izay miseho. Tsy maintsy hiverina izany. Teny fikasana iray mitovy amin'izay nananan'izy ireo mihitsy izany. Hitanareo?

54 Inona no nataon'izy ireo? Nanaraka an'ireo toro-marika, nanaraka an'ireo—ireo—ireo lalàn'Andriamanitra hoe: "Miandrasa mandra-paha. . ."

55 Ankehitriny, natahotra an'ireo Jiosy izy ireo. Ankehitriny, tsarovy izany. Natahotra an'ireo Jiosy izy ireo. Ankehitriny, tampoka teo dia nisy feo iray tonga tahaka ny rivotra nifofofoko. Tsy rivotra nifofofoko ilay izy; ilay izy dia tahaka ny rivotra nifofofoko. Hamaky an'ireo fitantarana mihitsy aho afaka minitra vitsy eo amin'ilay mpandika. Ilay izy dia tahaka ny

rivotra nifofofoho. Amin'ny teny hafa, dia rivotra ivelan'ny voajanahary iray izany (oh!), zavatra izay azon'izy ireo notsapaina. Tao anatin'izy ireo ilay rivotra. Indro tonga ny—ny rivotra nifofofoho, tahaka ny rivotra nifofofoho. Tsy nifofofoho ilay rivotra, fa naneno fotsiny tahaka ny rivotra nifofofoho ilay izy, tahaka ny zavatra nanao hoe: Fioo! Efa mba nahatsapa an'izany ve ianareo? Oh, oadray! Tahaka ny rivotra nifofofoho. Ankehitriny diniho. Ary izany dia nameno . . . Ankehitriny, izao no voalaza eto hoe “ny rehetra,” saingy ao amin'ny Grika dia izao no voalaza hoe “ny Manontolo (Sora-baventy M-a-n-o-n-t-o-l-o), ny Trano Manontolo,” na taiza na taiza tao. Ny triatra rehetra, zoron-trano, sy kilavadavaka dia toy ny hoe feno an'izany. Tsy manao hoe, “Hono ho'aho, Rahalahy, mahatsapa an'izay tsapako ve ianareo?” Tsia! Nanerana ilay izy, tahaka ny rivotra nifofofoho. Ankehitriny diniho. “Nisy feo iray tonga tahaka ny rivotra mahery nifofofoho ary (fanohizanten-teny. Diniho ankehitriny ireo “ary.” Raha tsy mandinika ianareo, dia hanao Azy hilaza zavatra iray izay tsy Lazainy. Hitanareo?)—ary tahaka (izany no niseho voalohany dia feo iray, zavatra tahaka ny—ny rivotra nifofofoho no tonga teo amin'izy ireo)—ary (tsaroanareo, nandeha nankao amin'ny tsenakely aho omaly hariva ka nividy mofo ary hena iray. Zavatra iray niaraka taminy izany. Ilay mofo dia zavatra iray, ilay hena dia hafa iray. Ary ilay feo dia zavatra iray izay nandona azy ireo)—ary indro niseho teo amin'izy ireo, (teo anatrehan'izy ireo) ireo lela—lela nizarazara.”

<sup>56</sup> Efa nisy olona mba nahita an'*Ireo Didy Folo* an'i Cecil DeMille ve? Efa voamarikareo ve rehefa voasoratra ireo Didy? Ahoana no nandraisany an'izany, tsy mahafantatra aho. Nisy zavatra roa na telo izay hitako tao amin'izany izay tena tiako tokoa. Ny zavatra voalohany dia ilay hazavana emeralda, mitovy marina tokoa amin'izany Izy. Hitanareo? Ny zavatra hafa iray dia rehefa voasoratra ireo Didy, ary rehefa tapitra izany, efa voamarikareo ve fa nanidina avy tao amin'io Andry Afo goavana io, dia nisy lelan'afo kely nanidina? Efa voamarikareo ve izany? Ankehitriny, izany no heveriko an'ity nisy tamin'ny Pentekosta ity. Indro niseho teo amin'izy ireo . . . Noho izany dia afaka nahita an'izany izy ireo. Izany dia tsy nilaza hoe, “Indro nilatsaka teo amin'izy ireo.” Fa indro niseho teo amin'izy ireo ny lelan'afo (izany no hiantsoantsika azy), lela, lela tahaka an'ity lela eto ity, [Mampiseho Rahalahy Branham—Mpand.], endrika lela, lelan'afo. Ankehitriny, ny sofina—araka ny nolazaiko, ny sofina dia sofina; ny rantsan-tànana dia rantsan-tànana. Ny rantsan-tànana dia tsy midika fa nahatsapa azy ianareo; midika izany fa nitovy tamin'ny rantsan-tànana iray ilay izy. Ary raha sofina iray izany, dia tsy nidika hoe nandre an'izany izy ireo; tahaka ny sofina iray ilay izy. Ity dia afo izay tahaka ny lela iray, tsy hoe olona anankiray niteny, afo iray izay tahaka ny lela iray.

57 Ankehitriny, henoy. Diniho hoe ahoana no amakian'ny Grika azy eto:

*Ary tampoka teo dia indro tonga ny feo iray. . . tahaka ny rivotra mahery nifofofoto. . .* (Ny faha-3—ny andininy faha-3.)

Ary lela nizarazara no *niseho* tamin'izy ireo, . . . (Tsy hoe lela nizarazara no tao anatin'izy ireo, na niteny tamin'ny lela nizarazara izy ireo; izany dia lela nizarazara no *niseho* tamin'izy ireo. Ankehitriny, diniho. Tsy mbola teo ambonin'izy ireo ilay izy. Tao anatin'ilay efitra tao izany, nihodinkodina tao anatin'io rivotra io.) . . . tamin'izy ireo . . . *tahaka. . . afo. . . lela* nizarazara . . . *niseho tamin'izy ireo. . .* (izany hoe teo anatrehan'izy ireo) *tahaka. . . afo*, (lela tahaka ny afo) *ary* ny iray (tokana) dia nijanona teo ambonin'ny *tsirairay* avy tamin'izy ireo. (Tsy hoe niditra tao anatin'izy ireo; fa nijanona teo ambonin'izy ireo.)

58 Ankehitriny, jereo hoe ahoana no nandisoan'ny King James an'izany: “Ary lela voazarazara no tonga teo ambonin'izy ireo, na nijanona (ahoana no anoratan'ny King James azy eo?) nipetraka teo ambonin'izy ireo.” Hitanareo? Ankehitriny, tsy afaka niakatra izany ary nipetraka. Fantatsika izany. Fa ny tany am-boalohany dia nanao hoe, “Izany dia nijanona teo ambonin'izy ireo,” mino aho; sa tsy izany? Mamelà ahy hamerina an'ilay izy marina tokoa. Hia! “. . . nijanona teo ambonin'ny tsirairay avy tamin'izy ireo.” Lela afo iray no nijanona teo ambonin'ny tsirairay avy tamin'izy ireo. Hitanareo ve eo? Azonareo ve ilay izy? Izany ilay zavatra faharoa niseho. Ny voalohany dia rivotra iray, avy eo dia ny fisehoan'ireo lela afo.

59 Tao amin'ity efitra kely eto ity izany niaraka tamin'ireo fanilo kely nirehitra. Eritrereto izy ireo nipetraka tao. Ary hoy ny anankiray hoe, “Oh!” Nijery nanerana an'ilay tranobe izy; nanerana an'ilay tranobe rehetra izany. Avy eo dia hoy izy ireo hoe, “Jereo!” Nanomboka tonga nanodidina an'ilay tranobe ireo lela afo. Ankehitriny diniho. Ary indro fa niseho ireo lela afo ireo.

Ankehitriny diniho ny manaraka:

*Ary* (Fanohizan-teny hafa iray; nisy zavatra hafa nitranga.) *feny ny Fanahy Masina izy rehetra. . .* (Zavatra faharoa niseho.)

60 Ankehitriny jereo, te-hamadika an'izany isika manao hoe, “Nahazo lela afo izy ireo, ary indro fa ninananana; ary avy eo dia nivoaka ka nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra.” Tsy misy zavatra tahaka an'izany ao amin'ny Soratra, ry sakaiza. Ny olona iray izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra eo ampandraisana ny Fanahy Masina dia manao an'izany mifanohitra amin'ny Baiboly. Ary hasehoko anareo afaka minitra vitsy sy



ho porofoiko aminareo fa mino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra aho, saingy tsy fandraisana ny Fanahy Masina. Fanomezan'ny Fanahy Masina izany. Ny Fanahy Masina dia Fanahy iray.

<sup>61</sup> Ankehitriny diniho. Tao anatin'ny efitra ireo lela ireo tahaka ny afo, ary nipetraka teo ambonin'ny tsirairay izany. Avy eo dia feno ny Fanahy Masina izy ireo (zavatra faharoa), ary tamin'izay fotoana izay, rehefa avy feno ny Fanahy Masina izy ireo, vao niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, fa tsy tamin'ny lela, tamin'ny fiteny. Efa voamarikareo ve izany? Nanomboka niteny tamin'ny fiteny hafa izy ireo arak'izay nomen'ny Fanahy azy ireo hitenenana. Ankehitriny, niely io tabataba io.

<sup>62</sup> Ankehitriny diniho. Ankehitriny, ndao isika hanao an'ilay kisarisary indray mba tsy hanadinoinareo azy ankehitriny. Araka ny Soratra, niandry tao amin'ny efitra ambony, tampoka teo ny feo iray tahaka ny rivotra nifofofoto, izay teo ambonin'izy ireo; ny Fanahy Masina izany. Firy no mino fa izany no fisehon'ny Fanahy Masina? Tahaka ny rivotra iray, rivotra ivelan'ny voajanahary iray. Avy eo dia nahamarika izy ireo. Ary tao anatin'ny tao dia nisy lela afo kely, ny roapolo amby zato tamin'izy ireo, ary nanomboka nidina ka nipetraka teo ambonin'ny tsirairay tamin'izy ireo. Inona izany? Inona izany? Ilay Andry Afo, izay Andriamanitra Izy tenany nizarazara ny Tenany teo anivon'ny Olony, niditra tao amin'ny olona. Jesosy no nanana an'ilay zavatra manontolo; nanana ny Fanahy tsy nisy fetra Izy; isika no manana Azy misy fetra (Hitanareo ve izay tiako lazaina?), satria zanaka natsangana isika. Ny Fiainany—Ny Fiainany Mandrakizay dia niditra. Ankehitriny, inona no nitranga? Tamin'izay fotoana izay dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra.

<sup>63</sup> Ankehitriny, te-hanontany zavatra aminareo aho. Oviana no nanomboka ilay tsaho? Raha tsy maintsy nivoaka avy tao amin'io efitra ambony io izy ireo mba hidina tamin'io tohatra io na nandeha tao amin'ireo kianjan'ny lapa—na tao amin'ny—nankeo amin'ny kianjan'ny tempoly, izay angamba vondron-tanàna iray avy teo amin'ny nisy azy ireo, tao ambony dia nidina, nankeo amin'ny kianja izay niangonan'ny olona rehetra niaraka. . . . Ary nivoaka avy tao izy ireo tahaka ny mamon'ny Fanahy. Satria hoy ny olona hoe, “Feno divay vaovao ireo lehilahy ireo.” Tsy mbola nahita zavatra tahaka an'izany mihitsy izy ireo.

<sup>64</sup> Ary ny tsirairay avy dia niezaka nanao hoe, “Tonga ny Fanahy Masina. Eo amiko ny teny fikasan'Andriamanitra. Izaho—efa feno ny Fanahy aho.” Ary izy izay Galiliana iray, ilay lehilahy izay niresahany, Arabo iray na Persiana, dia nandre azy tamin'ny fitenin'ny manokana.

<sup>65</sup> “Ahoana no andrenesantsika (tsy hoe fiteny tsy fantatra iray)—ahoana no andrenesantsika ny olona rehetra ao amin'ny

fiteny izay nahaterahantsika. Tsy Galiliana ve ireo rehetra izay miteny ireo?” Ary niteny Galiliana angamba... Fa rehefa nandre an'izany izy ireo, izany dia tao amin'ny fiteny izay nahaterahan'izy ireo. Raha tsy izany ilay izy, dia tiako ianareo hanontany ahy—hamaly ahy an'ity fanontaniana ity: Ahoana no nandehanan'i Petera teo ka niteny Galiliana, ary nandre an'izay nolazainy ilay andiany manontolo? Fanahy telo arivo no nanatona an'i Kristy avy hatrany teo nefa niteny tamin'ny fiteny anankiray i Petera. Azo antoka! Izany no Andriamanitra manao fahagagana iray. Petera, ho an'ilay mpanatrika iray ihany izay nifangaroan'ny mponina avy any Mesopotamia, sy vahiny, sy proselyta, sy ny sisa avy tany amin'izao tontolo rehetra izao izay nitsangana teo... Fa nitsangana i Petera ka nitory teny tamin'ny fiteny anankiray, ary nandre azy ny olona rehetra, satria telo arivo no nibebaka ary natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy teo no ho eo. Ahoana izany?

<sup>66</sup> Hitanareo, ry sakaiza, izaho dia tsy manantena ny rahalahiko ara-anaram-piangonana, Pentekotista hanaiky an'izany izao ankehitriny izao. Saingy araho manerana ny Baiboly izany ka teneno amiko ny fotoana iray izay hany nandraisan'izy ireo ny Fanahy Masina sy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra iray ka tsy fantatr'izy ireo hoe tamin'ny inona no nitenenan'izy ireo. Ary raha izany no fomba nahazoan'izy ireo Azy teo, dia ilay Andriamanitra masi-mandidy... Tsy maintsy hitranga amin'ilay fomba iray ihany foana izany.

<sup>67</sup> Ankehitriny, izaho dia tsy afaka... Ankehitriny, tao an-tranon'i Korne... Tsaroantsika, rehefa nidina nankany Samaria isika, omaly hariva, dia hitantsika fa tsy nisy zavatra iray voalaza teo mikasika ny nandrenesana azy ireo tao amin'ny fiteny hafa iray, tsy misy na inona na inona voalaza mikasika an'izany. Fa rehefa nandeha tao an-tranon'i Kornelio izy ireo, izay nisy olom-pirenena telo samihafa, dia niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra. Ary rehefa niteny izy ireo, raha niteny izy ireo, dia nahazo Azy, Petera no nilaza, tamin'ny fomba iray ihany izay nahazoan'izy ireo Azy tany amin'ny voalohany. Ary fantatr'izy ireo fa nandray fahasovana avy tamin'Andriamanitra ireo Jentilisa, satria nandray ny Fanahy Masina tahaka azy ireo tamin'ny voalohany izy ireo. Manana fanontaniana iray aho eto, zavatra iray eo amin'izany afaka minitra vitsy. Te-hametraka an'ilay fototra aho, mba hahitanareo hoe inona ilay izy.

<sup>68</sup> Ankehitriny, izaho dia tsy afaka manantena olona izay efa nampianarina hafa... Ary henoy aho, ry rahalahy malalako, sarobidy, Pentekotista. Tsy hampianatra an'ity any ivelany aho. Ity dia... Tsy hanao na inona na inona hiteraka adi-hevitra aho. Fa raha tsy manana ny Fahamarinana isika, dia rahoviana isika no hanomboka? Tsy maintsy manana zavatra hiseho eto isika hanitsy antsika. Tsy maintsy manana ny fahasovan'ny

fampakarana isika eto ankehitriny. Tsy maintsy miseho ny Fahamarinana.

<sup>69</sup> Inona no hataon'ny olona iray raha marenina izy, sy jamba, ary tsy afaka miteny mihitsy? Afaka mandray ny Fanahy Masina ve izy? Ahoana moa raha tsy nanana lela izy eo ampanombohana, nefa te-ho voavonjy ilay olona mampalahelo? Hitanareo? Izany no Fanahy Masina, dia batisa iray. Ary avy eo, ireo fanomezana rehetra ireo tahaka ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, ny fandikana ny fiteny tsy fantatra, izany dia tonga aorian'ny idiranareo ao amin'ilay Vatana amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina. Satria ao anatin'ny Vatan'i Kristy ireo fanomezana ireo.

<sup>70</sup> Ankehitriny, ny antony ilazako...Ankehitriny, jereo eto. Ianareo ve afaka manantena ny fiangonana Katolika, izay fiangonana voalohany voarafitra teo amin'izao tontolo izao taorian'ireo apostoly...Noho izany dia voarafitra ny fiangonana Katolika, oh, an-jato taonany maro taorian'ny fahafatesan'ilay apostoly farany, teo amin'ny eninjato sy—taona taorian'ireo apostoly, taorian'ny Fivoriambe Niseana mihitsy, rehefa nivory niaraka ireo mopera Niseana ka nandrafitra; tamin'izay fotoana izay izy ireo no nametraka ny fiangonana maneran-tany, dia ny fiangonana Katolika. Tao izy ireo no nanangana fiangonana eran-tany iray. Ary ny teny hoe *katolika* dia midika hoe “maneran-tany”; izany hoe na aiza na aiza. Izy ireo...Romana—Roma mpanompo sampy dia nivadika ho Roma papaly. Ary nametraka papa iray izy ireo ho loha mba haka ny toeran'i Petera, izay noheverin'izy ireo sy nolazainy fa nomen'i Jesosy an'ireo fanalahidin'ny Fanjakana. Koa tsy mety diso io papa io, ary mbola izany izy androany ho an'ny fiangonana Katolika. Io...Ny teniny dia lalàna sy didy. Izy no papa tsy mety diso. Nekena izany.

<sup>71</sup> Ary noho izany, satria tsy nifanaraka tamin'io foto-pampianarana Katolika io izy ireo, dia novonoina ho faty, nodorana teo amin'ny vatan-kazo, sy ny zavatra hafa rehetra. Mahafantatra isika rehetra fa tamin'ny alàlan'ireo soratra masina an'i Josephus, sy ny *Fox's Book of the Martyrs*, ary maro amin'ireo masina hafa...*Two Babylons* an'i Hislop, ary ireo—ireo tantara malaza. Avy eo, izany—taorian'ny dimanjato sy arivo taona, araka ny fantatsika, an'ireo Taona Maizina, dia nesorina teo amin'ny olona ny Baiboly. Ary Izany dia—Izany dia nafenin'ny relijiozy kely iray, sy ny sisa, azontsika.

<sup>72</sup> Tonga taorian'izany avy eo ny fanavaozana voalohany dia i Martin Luther. Ary nanao dingana izy ka nilaza fa ilay kominio izay antsoin'ny Katolika hoe ny vatana—ny vatan'i Kristy ara-bakiteny, izany dia maneho fotsiny ihany ny vatan'i Kristy. Fa natsipiny teo amin'ny fehin'ny alitara ilay kominio, na teo amin'ny tohatra, ary nandà ny hiantso an'izany ho ny vatan'i Kristy ara-bakiteny, ka nitory hoe, “Ny marina ho

velona amin'ny finoana.” Ankehitriny, tsy afaka manantena ny fiangonana Katolika hifanaraka aminy ianareo, tsia tokoa, rehefa ilay lohan'izy ireo tsy mety diso no miteny amin'izy ireo hoe tsia. Eny àry.

<sup>73</sup> Avy eo taorian'i Martin Luther, nitory ny Fanamarinana, dia tonga i John Wesley nitory ny Fanamasinana. Ary nitory izy fa ny olona iray, rehefa avy nohamarinina (tena tsara izany) saingy tsy maintsy amasinina ianareo, diovina, nesorina tao aminareo tamin'ny alàlan'ny Ràn'i Jesosy ilay faka ratsy. Ankehitriny, tsy afaka manantena an'ireo Loterana hitory ny Fanamasinana ianareo, satria tsy hanao an'izany izy ireo.

<sup>74</sup> Rehefa avy nitory ny Fanamasinana i Wesley, ary nisy potipotiny kely maro avy tao amin'izany, izay lasa ny, Metodista Wesleyana, sy ny Nazareana, sy ny sisa, izay nitahiry an'ilay afo hirehitra nandritry ny taonan'izy ireo, avy eo dia tonga ny Pentekosta ka nanao hoe, “Nahoana, ny Fanahy Masina dia ny batisa, ary miteny amin'ny fiteny tsy fantatra isika rehefa manana Azy.” Azo antoka. Avy eo rehefa tonga izany, dia tsy afaka manantena an'ireo Nazareana ianareo, sy ireo Metodista Wesleyana, sy ny sisa hino an'izany. Tsy hanao an'izany izy ireo. Niantso an'izany ho ny devoly izy ireo. Eny àry. Inona no nitranga? Nanomboka lavo izy ireo; nanomboka niakatra ny Pentekosta. Ankehitriny dia tonga eo amin'ny toerana iray izany hany ka tsy nahazo ny fandonany ny Pentekosta. Voarafitra izy ary nivoaka, tsy manaiky na inona na inona hafa. Manana ny fitsipiny sy fitsipi-pitondrany manokana izy ireo, dia milamina hatreo izany.

<sup>75</sup> Ankehitriny, rehefa tonga ny Fanahy Masina ka manambara ny Fahamarinan'ny zavatra rehetra ary manaporofa an'izany amin'ny alàlan'Ny Fanatrehany manokana sy amin'ny alàlan'Ny Teniny, dia tsy afaka manantena ny olona Pentekotista ianareo hilaza hoe, “Hifanaraka amin'izany aho.” Tsy maintsy mijoro irey tahaka ny nataon'i Luther ianareo, tahaka ny nataon'i Wesley, sy tahaka ny nataon'ny sisa tamin'izy ireo. Tsy maintsy mijoro eo amin'izany ianareo satria eto ilay ora. Ary izany no manao ahy ho ganagana ratsy tarehy iray. Izany no manao ahy ho hafa.

<sup>76</sup> Ary izaho dia tsy afaka manomboka tahaka an'ny Rahalahiko sarobidy Oral Roberts, sy Tommy Osborn, Tommy Hicks, sy izy ireo, satria tsy hifanaraka amiko ireo fiangonana. Hoy izy ireo hoe, “Mino ny fiarovana mandrakizay izy. Batista iray izy. Tsy mino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ho porofa voalohan'ny Fanahy Masina izy. Alaviro io zalahy io!” Hitanareo?

<sup>77</sup> Fa avia hifanatrika amin'izany. Atreho izany. Afaka mifanatrika amin'ireo Loterana izy ireo, ny—ny Metodista no afaka. Afaka mifanatrika amin'ny Metodista ny Pentekotista.

Afaka mifanatrika amin'ny Pentekotista miaraka amin'izany aho. Tena marina mihitsy izany. Marina izany. Nahoana izany? Mandeha ao amin'ny Hazavana isika tahaka Azy tao amin'ny Hazavana. Hitanareo? Miakatra eo amin'ilay Lâla-malalaky ny Mpanjaka isika, ary arakaraky ny andehanan'izany lavitra kokoa, no anomezana fahasoavana betsaka, anomezana hery betsaka, anomezana ivelan'ny voajanahary betsaka. Ary eo isika izao. Izao no ora izay nidinan'ny Fanahy Masina tamin'ny endrika Hazavana iray tahaka Azy tany amin'ny voalohany, Andry Afo iray, ary naneho ny Tenany, manao an'ireo tena zavatra iray ihany mihitsy izay Nataony fony Izy teto an-tany. Ary hoy Jesosy hoe, "Ahoana no ahafantaranareo na marina izy ireo na tsia? Amin'ny voany no hahafantaranareo azy ireo. Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa. Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino."

<sup>78</sup> Ankehitriny, ry rahalahiko Pentekotista. Momba anareo aho. Isanareo aho. Manana ny Fanahy Masina aho. Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, saingy tsy nahazo an'izany tamin'ny fandraisana ny Fanahy Masina. Manana ny batisan'ny Fanahy Masina aho; niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, naminany, nanana ny fanomezam-pahasoavan'ny fahalalana, fahendrena, fandikan-teny, sy ny zavatra rehetra nitranga. Saingy afaka manana an'ireo zavatra rehetra ireo aho, satria zanak'Andriamanitra iray aho ankehitriny. Ny hery, ny Afon'Andriamanitra no ao anatin'ny fanahiko; io lela Afo izay nipetraka io—no tonga tao anatiko ary nandoro ny zavatra rehetra izay nifanohitra tamin'Andriamanitra, ka tarihin'Ny Fanahiny aho ankehitriny. Afaka miteny Izy hoe, "Mandehana *eto*," dia handeha aho. "Mandehana *eto*"; handeha aho. "Mitenena *eto*"; hiteny aho. "Ary ataovy *ity, itsy*, sy ny *hafa*." Eo ianareo izao, mitovy fotsiny. . . Tarihin'ny Fanahy ianareo. Izany no Andriamanitra ao anatinareo, manatanteraka ny Sitrapony. Tsy mampaninona na inona ilay izy, manatanteraka ny Sitrapony Izy.

<sup>79</sup> Ankehitriny, henoy. Mamelà ahy hahita hamaky eto alohan'ny hanombohantsika an'ireo fanontaniana eo amin'ilay leksika eto. Ankehitriny, avy amin'ny Fandikan'i Vatican, Laharana 7, 190—1205:

"Sarrotra ny hametra na feon'ireo olona miteny amin'ny fiteny vahiny ilay izy; na tatitra na tsaho ny amin'ny asan'ilay rivotra ivelan'ny voajanahary nifofofoko izay nanaitra ny vahoaka betsaka."

Tsy afaka nahazo an'izany izy ireo. Ankehitriny diniho. Na ireo olona no. . .

<sup>80</sup> Hanao kisarisary fotsiny aho. Indro ny andiana Galiliana mahantra iray, rovit'akanjo. Ary indro izy ireo nivoaka teny an-dalambe. Tsy mbola nahita zavatra tahaka an'izany mihitsy

izy ireo: ny tãnany nitsangana, avy tao amin'io efitra ambony io, nidina tamin'ireo tohatra ireo, nivoaka nankeo, feno fotsiny; tsy mbola niteny mihitsy izy ireo. Hitanareo? Indro tonga teo izy ireo. Koa ankehitriny, ndao ataontsika hoe, nivembena teo nanodidina an'io izy ireo. Ary nilaza ireo vahoaka. . . Manatona haingana ahy ny Grika iray ary, atao hoe, miteny Galiliana aho.

Manatona azy haingana ianareo ka manao hoe, “Fa inona ity manjò anao, ry Tovolahy?”

<sup>81</sup> “Feno ny Fanahy Masina aho. Nilatsaka tamiko tao anatin'io efitra eo io ny herin'Andriamanitra. Nisy zavatra nitranga tamiko. Oh, Voninahitra ho an'Andriamanitra!”

Ary ny olona iray hafa eto, niresaka tamin'ny Arabo iray izy, nefa izy Galiliana iray miteny Arabo—fiteny Arabo.

<sup>82</sup> Ankehitriny, tsy afaka niteny izy ireo hoe, izany ve ilay rivotra nifofofoto izay nisintona an'ireo olona ireo niaraka rehefa tonga niaraka ilay vahoaka betsaka, na izany ve ilay fitenenana amin'ny fiteny vahiny izay nitenenan'izy ireo? Ankehitriny, ny Baiboly dia tsy niteny marina. . . Manana zavatra roa izay azonareo dinihana ianareo. Ilay izy dia. . . Ilay—ilay tany ivelany dia nanao hoe, “Ahoana no andrenesantsika ny olona rehetra amin'ny fitenintsika manokana izay nahaterahantsika?” Izany dia tsy nilaza fa niteny an'izany izy ireo, fa nandre an'izany izy ireo.

<sup>83</sup> Avy eo ilay vondrona iray ihany, ilay vahoaka iray ihany, azavao izao. Niatra teo ambonin'ny zavatra iray i Petera ka nanao hoe, “Ianareo lehilahy avy any Galilia, ary ianareo izay monina ao Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao (nilaza ny olona fa tsy nanana fiteny Galiliana izy ireo) aoka ho fantatrareo izao ary henoy ny teniko (inona—amin'ny fiteny inona no nitenenany, tamin'izy rehetra ireo?); nahoana, tsy mamo araka ny heverinareo ireo, satria vao ora fahatelon'ny andro izao, fa izao ilay nampitenenina an'i Joela mpaminany hoe: ‘Ary izao no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, Izaho handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra. Ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany.’” Nanohy ary nanohy izy, ka nanao hoe, “Tamin'ny tãnana ratsy fanahy no nanohomboanareo ny Zanak'Andriamanitra tsy manan-tsiny. Niresaka ny Aminy i Davida. . . ‘tsy hahafoy ny Fanahiny any amin'ny helo, na hamela Ny Iray Masiny hahita ny fahalòvana Izy.’” Ary hoy izy, “Aoka ho fantatrareo fa Andriamanitra dia nanao an'iny Jesosy iray ihany izay nohombonareo iny ho Tompo sy Kristy.” Ary rehefa nandre an'izany izy ireo. . . Amena! Iza? Ny olona rehetra ambanin'ny lanitra. Inona no niseho? Tsy nilaza izy hoe, “Ankehitriny, hiteny amin'ny Galiliana aho; hiteny amin'ity aho; ary hiteny amin'ity aho. . . ? . . .”

<sup>84</sup> Raha mbola niteny an'ireo teny ireo i Petera, dia hoy izy ireo hoe, “Ry lehilahy sy rahalahy, inona no azonay hatao mba ho

voavonjy?” Dia nomen'i Petera azy ireo ilay fitsipika arahina. Izany foana no itrangan'ilay izy. Hitanareo?

<sup>85</sup> Izany dia ny mandroso, mankao amin'Andriamanitra, fandehanana akaiky. Ahoana no ahafantaranareo? Eny ankehitriny, rehefa nandray ny fanamarinana i Luther, dia niantso an'izany ho ny Fanahy Masina izy. Izy izany. Nandraraka kely ny amin'izany Andriamanitra. Inona no Nolazainy avy eo? Nandray ny Fanamasinana i Wesley, ka nanao hoe, “Ry Tovolahy, rehefa mihiakiaka ianareo, dia manana Azy.” Saingy maro tamin'izy ireo no nihiakiaka fa tsy nanana Azy. Rehefa niteny tamin'ny fiteny—fiteny tsy fantatra ny Pentekosta, dia hoy izy ireo hoe, “Ry Tovolahy, manana Azy ianareo.” Saingy maro tamin'izy ireo no tsy nanana Azy.

Tsy ireo karazana famantarana ireo no ahafantaranana an'izany. “Ny fomba tokana ahafantaranareo ny hazo iray,” hoy Jesosy, “dia amin'ny alàlan'ny voa izay entiny,” ireo asan'ny Fanahy, ny vokatry ny Fanahy. Amin'izay fotoana izay rehefa mahita olona iray izay feno hery ianareo, izay feno ny Fanahy Masina, amin'izay fotoana izay dia mahita fiainana iray izay niova. Mahita an'ireo famantarana izay manaraka an'ireo izay mino ianareo: “Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo, hiteny amin'ny fiteny vaovao. Raha manaikitra azy ireo ny bibilava iray, dia tsy hampaninona azy ireo izany. Raha nahazo zava-mahafaty izy ireo, misotro, dia tsy hahafaty azy ireo izany. Hametra-tànana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana izy ireny.” Oadray! Ireo karazana famantarana ireo no manaraka an'ireo izay mino. Fa ahoana no idiranareo ao amin'izany? Ao anatin'ilay Vatana ireo fanomezana ireo. Ahoana no idiranareo ao amin'ilay Vatana? Tsy amin'ny fitenenana no làlana idiranareo; fa amin'ny nanaovana batisa tao amin'ny Vatana iray (Korintiana Voalohany 12:13). Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ao amin'io Vatana io ary afaka manana an'ireo fanomezana rehetra. Ny Tompo hitahy anareo.

<sup>86</sup> Ankehitriny, raha misy olona iray handre an'ity horonampeo ity na olona iray tsy hifanaraka, tsarovy, ataovy ampisakaizana izany, rahalahy, satria tiako ianareo.

**93. Ny fanontaniana voalohany izao hariva izao: **Rahalahy Branham, heveriko fa ny televiziona dia ozona iray ho an'izao tontolo izao. Inona no hevitrao mikasika an'izany?****

<sup>87</sup> Eny, na iza na iza no nanoratra azy, dia hifanaraka aminao aho. Nanao an'izany ho ozona iray ho an'izao tontolo izao izy ireo. Nety ho fitahiana iray ho an'izao tontolo izao izy, saingy izy ireo no nanao azy ho ozona iray. Ny zavatra tahaka an'izany, ry olona malalako, dia ianareo no mijery an'izany amin'ny tenanareo. Raha ozona iray ny televiziona, amin'izay fotoana izay dia ozona iray ny gazety, amin'izay fotoana izay dia ozona iray ny radio, ary matetika ny telefona dia izany.

Hitanareo, hitanareo, hitanareo, hitanareo? Ilay izy dia izay anaovanareo azy. Fa araka ny nolazain'ilay rahalahy indray hariva, hoe saiky tsy misy fandaharana intsony eo amin'ny televiziona; vola be loatra izany. Ny mpitory teny mahantra iray izay mitory ny Filazantsara Feno dia tsy afaka hisahana fandaharana iray eo amin'ny televiziona. Koa noho izany... Nilaza ilay rahalahy indray hariva, mino aho, tany ho any, nanao hoe, "Esory ny vovoka amin'ny radio-nareo," na olona iray, na, "Avoahay avy ao amin'ilay zorony izy dia henoy ireo fandaharana ireo." Marina izany.

<sup>88</sup> Fa, ry olona malala, na iza ianao na iza, dia mifanaraka aminao tokoa aho. Lasa iray amin'ireo zava-boazona indrindra ho an'ny taranak'olombelona ilay izy. Ao izy ireo no maka ny vola rehetra eto izay tokony handeha any amin'ny governemanta ho an'ny hetra, ary manala an'izany amin'ny fanaovana dokambarotra eo amin'io fandaharan-tsigara sy whisky rehetra io ary ireo zavatra tahaka an'izany, ka manala avy amin'izany an'ireo hetran'ny governemanta; ary avy eo dia tonga izy ireo ka mitondra an'ireo mpitory teny ary mampiditra azy ireo eo amin'ny fitsarana mba hahazo vola kely avy amin'izy ireo. Mifanaraka aminao aho, zavatra iray mampahatahotra izany. Ankehitriny, izany dia tsy... Fantatrareo, zavatra iray hitanareo fotsiny izany. Misaotra anao, ranabavy, rahalahy, na iza na iza ianao izay nanontany an'izany.

**94.** Ankehitriny, ity misy anankiray tsara. Fanontaniana: **Misy toerana maro ao amin'ny Baiboly tahaka ny Samoela Voalohany 18:10, izay milaza fa nisy fanahy ratsy iray avy tamin'Andriamanitra nanao zavatra. Tsy azoko hoe ny "fanahy ratsy iray avy tamin'Andriamanitra."** Azafady azavao izany.

<sup>89</sup> Eny, angamba amin'ny fanampian'ny Tompo, dia vitako. Izany dia tsy midika fa Fanahy ratsy iray Andriamanitra. Fa ny fanahin'ny zavatra rehetra dia manaiky an'Andriamanitra. Ary Izy no manao ny zavatra rehetra hiasa arak'izay Sitran'ny Hitanareo?

<sup>90</sup> Ankehitriny, eo amin'ny fanontaniana, miresaka ny amin'ilay fanahy ratsy izay nivoaka avy tamin'Andriamanitra mba hampahory an'i Saoly ianao. Izy dia tao amin'ny endrika manjombona iray, trotraka tanteraka—toerana, satria, voalohany, dia niverin-dàlana izy. Ary rehefa miverin-dàlana ianareo, dia fanahy ratsy iray—hamela fanahy ratsy iray hampahory anareo Andriamanitra.

<sup>91</sup> Tiako ny hamaky zavatra iray aminareo ao—ao anatin'ny fotoana fohy. Manana fisainana hafa iray eo amin'izany aho eto. Hitanareo? Tsy maintsy manaiky an'Andriamanitra ny fanahy rehetra. Tsaroanareo ve rehefa handeha ho any amin'ny ady i Josafata sy Ahaba? Ary ny zavatra voalohany fantatrareo,



dia nisy ny—nipetraka teo amin’ny vavahady izy ireo. Ary lehilahy marina iray i Josafata, dia nilaza izy (nipetraka teo ireo mpanjaka roa, ary nanakambana ny tafiny niaraka izy ireo) ka noho izany dia hoy izy hoe, “Ndao isika hanontany ny Tompo na handeha isika na tsia.”

<sup>92</sup> Dia nandeha i Ahaba ka naka mpaminany efajato izay nananany, izy rehetra, nanao azy ireo ho voky sy hatavy sy ny sisa; tsara vatana izy ireo. Ary tonga teo izy ireo, ary naminany tamin’ny saina iray izy rehetra, nanao hoe, “Miakara, fa Andriamanitra no hanome anao ny fandresena. Miakara any Ramota-gileada fa any Andriamanitra no hitondra an’ily zavatra ho anao.” Ny iray tamin’izy ireo dia nanao tandroka ho an’ny tenany ary nanomboka nihazakazaka nanodidina ho kisarisary iray, nanao hoe, “Amin’ireto tandroka vy ireto, no hanosehanao azy ireo tanteraka hiala amin’ny firenena; anao izany.”

<sup>93</sup> Saingy fantatrareo, misy zavatra mikasika ny lehilahin’Andriamanitra iray izay tsy hirona amin’izany rehetra izany. Hitanareo? Rehefa tsy maneno miaraka amin’ny Soratra ilay izy, dia misy zavatra tsy mety ao. Ny mpino marina rehetra. . . Noho izany dia hoy i Josafata hoe, “Eny, toa mety tsara daholo izy efajato ireo. Toa tahaka ny olona tsara izy ireo.”

“Oh, izany izy ireo,” hoy angamba i Ahaba.

Fa hoy i Josafata hoe, “Tsy manana anankiray amboniny ve ianao?” Nahoana no anankiray amboniny nefa efa manana efajato iray saina ianareo? Satria fantany fa nisy zavatra izay tsy naneno tsara mihitsy teo. Hitanareo?

Hoy izy hoe, “Eny, manana anankiray amboniny izahay, ny zanak’i Jimla, eto,” hoy izy, “saingy halako izy.” Azo antoka. Hanidy ny fiangonany amin’ny fotoana rehetra izay ahavitanao ianao. Handroaka azy hiala amin’ny firenena ianao. Hitanareo? Azo antoka. “Halako izy.”

“Nahoana izy no halanao?”

“Maminany ratsy manohitra ahy foana izy.” Mino aho fa fantatr’i Josafata avy hatrany tamin’izay fotoana izay fa nisy—zavatra tsy nety.

Noho izany dia hoy izy hoe, “Mandehana ka alaivo i Mikaia.”

Noho izany dia lasa naka azy izy ireo, ary indro izy fa tonga. . . Noho izany rehefa nandeha izy ireo, dia naniraka iraka iray ka nanao hoe, “Ankehitriny, andraso iray minitra. Ankehitriny, manana Dokotera momba an’Andriamanitra efajato izy ireo any. Izy ireo no tsara indrindra izay misy eto amin’ny firenena, miaraka amin’ny Ph, LLD’s, sy ny sisa.” Hoy izy ireo, “Ankehitriny, fantatrao, ianao lehilahy mahantra kely

tsy nianatra io, tsy handeha ianao ka tsy hifanaraka amin'io mpitondra fivavahana rehetra io.”

<sup>94</sup> Iza no nolazain'i Jimla, na ny tiako ho lazaina, dia izao no nolazain'i Mikaia: “Tsy hilaza na inona na inona aho raha tsy Andriamanitra no mametraka an'izany ao am-bavako, ary amin'izay fotoana izay aho vao hiteny marina an'izay Lazainy.” Tiako izany. Tiako izany. Amin'ny teny hafa dia, “Hijanona miaraka amin'ny Teny aho.” Tsy mampaninona izay nolazain'ny sisa tamin'izy ireo. Hoy izy hoe, “Eny,” hoy izy, “lazaiko aminao. Raha tsy te-ho voaroaka ianao, dia tsaratsara kokoa aminao ny milaza an'ilay zavatra iray ihany.”

Noho izany dia nandeha teo izy. Ary hoy izy hoe, “Hiakatra ve aho?”

Hoy izy hoe, “Mandehana.” Hoy izy, “Omeo ahy ny anio alina. Mamelà ahy hiresaka an'izany amin'ny Tompo.” Tiako izany. Noho izany dia niseho taminy ny Tompo tamin'io alina io, ary nandeha izy ny ampitso. Ary nilaza izy, rehefa nandeha, hoy izy hoe, “Mandehana; saingy nahita ny Isiraely tahaka ny ondry tsy nisy mpiandry aho, nihahaka teny amin'ny havoana.” Oh, oadray! Izany no namoaka an'ilay rivotra avy tao aminy.

Dia hoy izy hoe, “Tsy efa niteny taminao ve aho? Fantatro ilay izy. Izany marina ilay fomba izay ataony amiko foana, milaza zavatra ratsy manohitra ahy.”

<sup>95</sup> Nahoana? Nijanona niaraka tamin'ny Teny izy. Nahoana? Ny mpaminany iray talohany, ny Tenin'Andriamanitra avy tamin'i Elia, ilay tena mpaminany, hoy izy hoe, “Satria nandatsaka ny ràn'i Nabota tsy manan-tsiny ianao, dia ireo alika no hilelaka ny rànao koa.” Ary niteny ratsy azy izy. Efa lasa tany An-danitra i Elisa. Saingy fantany fa nanana ny Tenin'Andriamanitra io Elisa io, noho izany dia nijanona niaraka tamin'ny Teny izy. Tiako izany. Mijanona miaraka amin'ny Teny.

<sup>96</sup> Raha ny Baiboly no nilaza fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay; dia mbola tsy miova ny Heriny; ny Fanahy Masina dia ho an'iza na iza mila, aoka izy ho avy, mijanona miaraka amin'ny Teny. Eny, tompoko! Tsy mampaninona izay lazain'ny sisa amin'izy ireo. Tsara fahana toy ny ahoana sy sekoly firy no nolalovan'izy ireo, tsy misy na inona na inona idiran'izany.

Koa noho izany dia nilaza izy... Ity lehilahy goavana be niaraka tamin'ny tandroka teo amin'ny lohany ity, handeha hanosika an'izany—ilay firenena hiala lavitra an'ilay mpanjaka, nandeha izy ary namely tehamaina azy teo amin'ny vava (ity mpitory teny kely ity). Fantany fa holy roller kely iray fotsiny izy ka noho izany dia tsy nisy na inona na inona holazaina mikasika an'izany, noho izany dia namely tehamaina azy fotsiny teo amin'ny vava izy. Hoy izy hoe, “Te-hanontany zavatra aminao aho.” Hoy izy, “Làlana aiza no nandehanan'ny

Fanahin'Andriamanitra rehefa niala tamiko Izy ka nahazo Azy ianao?"

<sup>97</sup> Hoy izy hoe, "Ho azonao rehefa hipetraka ao anatin'ilay efitrano kely any ianao toy ny babo iray." Hoy izy hoe, "Nahita an'Andriamanitra nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana iray aho (Amena! Henoy ankehitriny!), ary niangona nanodidina Azy ireo tafiky ny Lanitra." Inona ilay olana? Efa nilaza an'izay hitranga tamin'i Ahaba ilay Mpaminaniny. Andriamanitra... Tsy Elia no nilaza an'izany; izany dia ilay mpaminany voahosotra. Izany dia ny Tenin'ny Tompo hoe, HOY NY TOMPO HOE. Ary hoy i Mikaia hoe, "Nahita ny tafiky ny Lanitra rehetra aho niangona nanodidina an'Andriamanitra tao amin'ny kanferansa lehibe iray. Ary nifampiresaka izy ireo. Dia hoy ny Tompo hoe, 'Iza no Azontsika alefa midina iza aminareo no afaka handeha hidina ka hamitaka an'i Ahaba, hitondra azy hivoaka eo hanatanteraka ny Tenin'Andriamanitra, mba hanao azy ho voatifitra? Iza no Azontsika alefa midina?"

<sup>98</sup> Eny, nilaza ny anankiray hoe *ity* anankiray ity na *itsy* anankiray itsy. Ary afaka kelikely, fanahy ratsy iray, fanahy mandainga iray no niakatra avy tany ambany tany ka nanao hoe, "Raha hamela ahy fotsiny Ianao. Izaho dia fanahy mandainga iray. Handeha hidina aho ka hiditra ao amin'ireo mpitory teny rehetra ireo, satria tsy manana ny Fanahy Masina izy ireo; ary izaho no hanao azy ireo (zazalahy nofanin-tsekoly fotsiny izy ireo)—ary handeha hidina aho, ka hiditra ao anatin'ny tsirairay avy amin'izy ireo, sy hamitaka azy ireo, ary hanao azy ireo haminany lainga." Nilaza an'izany ve izy? Ary hoy izy hoe, "Tahaka an'izany no hamitahanay." Noho izany dia nidina izy.

Hoy Izy hoe—hoy Andriamanitra hoe, "Mahazo ny Fanomezan-dàlako handeha ianao."

<sup>99</sup> Dia nidina izy ary niditra tao anatin'ireo mpaminany sandoka ireo, asam-panompoana nofanin-tsekoly, ka nanao azy ireo haminany lainga. Izany no fanahy mandainga iray miasa ho an'ny sitrapon'Andriamanitra. Mamelà ahy. . . Zavatra hafa iray izay mety hitanareo fotsiny eto, iray minitra fotsiny. Diniho ity. Tiako ianareo hamadika miaraka amiko ao amin'ny Korintiana Voalohany ny toko faha-5, ny andininy faha-1, iray minitra fotsiny. Korintiana Voalohany. . . Ary diniho ity raha te-hahita zavatra ianareo, ny amin'Andriamanitra manao zavatra—hoe ahoana ireo fanahy ratsy ireo, ahoana fa izy ireo dia—izy ireo dia hihetsika. . . Eny ary, Paoly no miteny:

*Efa re marina tokoa fa misy fijangajangana eo anivonareo, dia karazana fijangajangana izay tsy. . . voatonona teo anivon'ireo Jentilisa, . . . (Inona no hevitrareo mikasika an'izany eo anivon'ny fiangonana?). . . fa nisy anankiray nanambady ny vadim-drainy.*

*Ary mbola mirehareha ihany ianareo, ka tsy... (Ndao jerentsika. Mino aho fa namadika pejy roa aho tao... )... Ianareo dia—Ary mirehareha ianareo, ka tsy mba nalahelo akory aza, mba... (Ankehitriny, andraso iray minitra eto. Izaho ve... Hia, marina izany. Hia.)... nalahelo... (Izay ilay izy)... mirehareha, ary tsy... nalahelo, mba hesorina tsy ho eo anivonareo izay nanao an'izany zavatra izany.*

<sup>100</sup> Tsy mahafantatra aho. Tsy mino aho fa hisy olona iray hilaza ambonin'ity na hanamaivana, saingy miaro fotsiny ihany an'izay inoako aho hoe: Raha vantany vao feno ny Fanahy ny olona iray dia tsy afaka mahavery an'izany izy. Hitanareo, hitanareo?

*Fa izaho marina tokoa, na dia tsy teo aza tamin'ny vatana, saingy manatrika amin'ny fanahy, dia efa nitsara sahady, toy ny hoe nanatrika aho, mikasika azy izay nanao an'izany zavatra izany,*

*Amin'ny anaran'ny Jesosy Kristy Tompontosika, rehefa tafangona miaraka ianareo, sy ny fanahiko, miaraka amin'ny herin'i Jesosy Kristy Tompo,*

*Hanolotra an'izany anankiray izany ho an'i Satana ho an'ny fanimbàna ny nofo, mba hahavoavonjy ny fanahy amin'ny andron'ny Tompo Jesosy.*

<sup>101</sup> Andriamanitra, izay niteny tamin'ilay Fiangonana masina, izay Ny Vatany eto an-tany eto, hoe (ankehitriny, ity dia taorian'ny Testamenta Taloha, ao amin'ny Vaovao) niteny ny lehilahy iray izay tena feno loto sy maloto eo anivon'ny olona izay niaina niaraka tamin'ny vadin-drainy izy. Hoy Izy, “Ny karazan-javatra tahaka an'izany ao amin'ny Vatan'i Kristy... Ianareo, ry Fiangonana, atolory ny devoly izy ho fanimbàna...” Hitanareo? Andriamanitra no mamela an'ilay... Ary rehefa manana zavatra iray Izy izay Hitany fa tokony ho natao, hamely karavasy eo amin'ny olona iray, dia hamotsotra fanahy ratsy iray eo amin'izy ireo Izy mba hampahorian'izy ireo an'io olona io sy—sy hamerina azy ireo indray. Ankehitriny, hitantsika fa ity lehilahy ity rehefa avy...

<sup>102</sup> Izay ilay olana amin'ireo fiangonana amin'izao andro izao. Rehefa miditra ao amin'ny Vatan'i Kristy ny olona iray ka lasa iray amin'ireo mambra nefa manomboka manao ratsy, raha tokony hivory hiaraka ianareo rehetra ka hanao an'io tena zavatra iray io ihany... Ary ianareo, ry Branham Tabernacle, ataovy izany. Satria raha mbola manohana azy foana ianareo, dia eo ambanin'ilay Rà izy. Ary hanohy hanao an'ilay zava-dratsy iray ihany hatrany sy hatrany ary hatrany foana izy. Mivoria miaraka ianareo dia atolory ho an'ny devoly izy ho fanimbàna ny nofo, ka ny fanahiny dia—toy ny—ho voavonjy amin'ny andron'ny Tompo. Ary diniho ilay

karavasin'Andriamanitra tonga. Diniho ilay devoly mihazona azy. Izany no fanahy ratsy iray izay mamely azy.

<sup>103</sup> Ary nanitsy ity zazalahy eto ity. Niverina izy. Hitantsika ao amin'ny Korintiana Faharoa fa tena nanadio teo anatrehan'Andriamanitra izy.

<sup>104</sup> Jereo i Joba, lehilahy tanteraka iray, lehilahy iray fotsiny. Fa navelan'Andriamanitra ho tonga teo aminy ilay devoly ratsy, ka nikapoka azy mafy, sy ny zavatra hafa rehetra ho an'ny fanatanterahana ny fanahiny. Hitanareo? Noho izany ireo fanahy ratsy dia . . . Andriamanitra dia mampiasa an'ireo fanahy ratsy matetika mba hanatanteraka ny Drafiny sy ny Sitrapony.

**95.** Ankehitriny, ity misy anankiray izay tena tsindrona iray. Fanontaniana (heveriko fa ilay olona iray ihany ilay izy, satria toa sora-tànana iray ihany izany): **Raha tsy maintsy manana ny Fanahy Masina ny olona iray tokony hanana ny Fanahy Masina mba hiova fo sy handeha ao amin'ny fampakarana, dia hanao ahoana ireo ankizy izay maty talohan'ny taonan'andraikitra? Ary rahoviana izy ireo no hitsangana?**

<sup>105</sup> Ankehitriny, rahalahiko, ranabaviko, tsy afaka miteny aminao an'izany aho. Tsy misy Soratra mikasika an'izany ao amin'ny Baiboly arak'izay hitako na aiza na aiza. Fa afaka maneho ny eritreritro aho. Ankehitriny, hampahery anareo izay mino ny fahasoavan'Andriamanitra ity. Hitanareo, te-hahafantatra ilay olona (izay fanontaniana tena tsara iray. Hitanareo?) te-hahafantatra ilay olona hoe fitsanganana inona— inona no hitranga amin'ny zazakely iray, hoe raha tokony handray ny Fanahy Masina izy mba handeha ao amin'ny fampakarana . . . Araka ny nolazaiko, marina izany. Izany dia araka ny Baiboly. Izany no fampianaran'ny Soratra. Tsy hoe tsy handeha any An-danitra . . . Satria ny olona feno ny Fanahy Masina no fitsanganana voalohany, ilay Voafidy. Ary ilay sisa nanamborana avy tamin'ireo . . . Ny sisa amin'ny maty dia tsy velona mandritry ny arivo taona. Aorian'ny Arivo taona, amin'izay fotoana izay ny fitsanganana faharoa, ilay Seza fiandrianana Fotsin'ny fitsarana. Hitanareo? Izany marina tokoa ny fitsipiky ny Baiboly. Fa te-hahafantatra mikasika an'ireo zazakely ireo ity olona ity. Izy ireo . . . Amin'ny teny hafa dia, efa nanana ny Fanahy Masina ve izy ireo talohan'ny nahaterahany? Efa nahazo an'Izany ve izy ireo? Ankehitriny, izany dia tsy azoko tenenina aminareo.

<sup>106</sup> Fa ankehitriny, ndao isika hilaza tahaka an'izao: Fantatsika fa ireo zazakely izay maty, tsy mampaninona ny amin'ireo raiamandreniny, dia voavonjy izy ireo. Ankehitriny, tsy mifanaraka amin'ny sekolin'ireo mpaminany aho eo amin'izany. Milaza izy ireo fa raha izy no—maty miaraka amin'ny raiamandreny mpanota iray, dia handeha any amin'ny helo

io zazakely io, ho lò tanteraka; tsy hisy intsony ny aminy. Eny, Jesosy... Nilaza i Jaona rehefa tonga Jesosy hoe, “Indro ny Zanak’ondrin’Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao.” Ary raha olombelona iray io zazakely io, izay tsy maintsy tonga eo ambanin’ireo fitsaran’Andriamanitra, nefa maty hanaisotra ny fahotana Jesosy, dia voafafa eo anatrehan’Andriamanitra ny fahotana rehetra rehefa maty ho an’io tanjona io Jesosy. Voavela ny fahotanareo. Voavela ny fahotako. Ary ny fomba tokana izay hany ahafahanareo ho voavela dia ny manaiky ny Famelàny. Ankehitriny, tsy afaka manaiky ny famelàny ilay zazakely, noho izany dia tsy nanao na inona na inona izy. Tsy nanao na inona na inona mihitsy izy. Noho izany dia afaka tanteraka handeha any An-danitra izy.

107 Fa hilaza ianareo hoe, “Handeha ao amin’ny fampakarana ve izy ireo?” Ankehitriny—ankehitriny, ity dia teniko manokana; ity dia ny eritreritro ankehitriny. Aza... Tsy afaka manaporofa an’izao amin’ny alàlan’ny Baiboly aho. Fa jereo. Raha Andriamanitra, talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao, dia nahafantatra ny olombelona rehetra izay hany hisy eto an-tany... Mino an’izany ve ianareo? Fantany ny lalitra kely rehetra, ny parasy rehetra, ny lalitra rehetra, Fantany ny zavatra rehetra izay hany hisy eto an-tany. Raha Fantany fa...

108 Jereo. Ndao alaintsika ohatra, i Mosesy. Rehefa teraka i Mosesy, dia mpaminany iray izy. Talohan’i Jeremia... Niteny tamin’i Jeremia Andriamanitra hoe, “Talohan’ny niforonanao tao an-kibon’ny reninao mihitsy aza, talohan’ny hany niforonanao tao an-kibony, dia nahafantatra anao Aho, sy nanamasina anao, ary nanendry anao ho mpaminany iray ho an’ny firenena.” Jaona Mpanao-batista, roa ambin’ny folo sy fitonjato taona talohan’ny nahaterahany, dia efa nahita azy tao amin’ny fahitana iray i Isaia, nanao hoe, “Izy no feon’ny anankiray miantso mafy any an-efitra.”

109 Ny fifidianana mialoha na ny fahalalana mialoha an’Andriamanitra dia mahafantatra ny rehetra mikasika an’ireo zaza kely (hitanareo?), inona no hataon’izy ireo. Ary Fantany fa ho faty izy ireo. Fantany. Tsy misy na inona na inona afaka hitranga raha tsy fantatr’Andriamanitra ny mikasika an’izany. Tsy misy na inona na inona afaka hitranga amin’ny... Tahaka an’ily Mpiandry Tsara fotsiny, ahoana no Andehany ao... Ankehitriny, ny handray an’ity amin’ny alàlan’ny Soratra, dia tsy hilaza aho hoe ny Soratra dia milaza an’izao-sy-izao. Miresaka an’ily izy araka ny eritreritro fotsiny aho.

**96.** Ankehitriny, ny fanontaniana manaraka dia anankiray izay heveriko fa angamba olona iray izay araka ny nolazaiko indray hariva. **Azavao ny vehivavy ho vonjena amin’ny fiterahan-jaza.**

110 Tsy voavonjy amin'ny fiterahan-jaza ny vady. Fa ndao isika hamadika ankehitriny ao amin'ny Timoty Voalohany 2:8 iray minitra fotsiny. Ary ndao isika habita an'izay lazain'ny Baiboly mikasika ny zanaka. Ankehitriny, fantatro fa foto-pampianarana Katolika iray izany, hoe ny Katolika dia milaza fa voavonjy amin'ny fananan-janaka ny vehivavy, amin'ny fiterahan-jaza. Fa ndao isika tsy... Tsy mino an'izany aho. Timoty Voalohany ny toko faha-2, ary ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-8, ka hamaky vetivety fotsiny ankehitriny. Eny àry, henoy.

*Ary toy izany koa, fa ny vehivavinareo dia handravaka ny tenany amin'ny fitafiana mahamendrika... (Tsy tokony hanontany an'izany isika, sa tsy izany? Henoy ity)... mbamin'ny fahamaotinana... (Fioo!)... sy fahononan-tena; fa tsy amin'ny fandrondranana ny volony, na volamena, na perla, na fitafy lafo vidy; (Ry rahalahy, manampy anareo aho eto, manantena aho. Ireo bonetra vaovao isan'andro na telo andro. Hitanareo? Tsy mendrika ny Kristiana izany.)*

*Fa (izay mahamendrika ny vehivavy manaiky ny fahatsarana) amin'ny asa tsara.*

*Aoka ny vehivavinareo hianatra mangingina amin'ny fanekena rehetra.*

*Fa tsy avelako hampianatra ny vehivavy, na hanana fahefana eo amin'ny... lahy, fa mba... hangina.*

*Fa Adama no natao aloha, ary avy eo i Eva.*

*...tsy Adama no voafitaka, fa ny vehivavy no voafitaka ka tonga tao amin'ny ota.*

*Nefa kosa dia hovonjena ihany izy amin'ny fiterahan-jaza raha... (Ankehitriny, tsy miresaka amin'ilay vehivavin'izao tontolo izao izy, izay mahazo zaza)... raha manohy amin'ny finoana izy... (Hitanareo? Raha manohy izy. Izy dia efa... Izany ilay vehivavy izay resahany, ilay vehivavy efa voavonjy. Hitanareo?)... sy fitiavana ary fahamasinana amin'ny fahononan-tena rehetra.*

111 Tsy hoe amin'ny fahazoana zaza iray no manao azy ho voavonjy, fa satria mitaiza zanaka izy, manao ny andraikiny, fa tsy mitaiza saka, alika, na inona koa haka ny toeran'ny zanaka iray, tahaka ny ataon'izy ireo amin'izao andro izao, manome azy ny fitiavan-dreny iray mba hahafahany mivoaka sy mandeha mihodinkodina ny alina manontolo. Manao an'izany ny olona sasany. Miala tsiny, fa manao an'izany izy ireo. Tena henjana loatra ho ahy ny milaza an'izany, saingy ny fahamarinana dia fahamarinana. Hitanareo? Tsy mila zazakely iray hifamatopatotra amin'izany izy ireo. Fa amin'ny fiterahan-jaza, raha manohy amin'ny finoana, fahamasinana,

sy fahononan-tena rehetra izy, dia ho voavonjy. Fa ilay *raha* dia hoe, ho voavonjy koa ianareo, *raha* nateraka indray. Afaka ny ho sitrana ianareo *raha* mino. Afaka mahazo ny Fanahy Masina ianareo *raha* mino an'Izany, mivonona ho an'Izany, *raha* vonona ho an'Izany ianareo. Ary ho vonjena izy raha manohy manao an'ireo zavatra ireo (hitanareo?), fa tsy hoe satria vehivavy iray izy. Koa marina izany, rahalahy, ranabavy. Tsy fampianarana Katolika mihitsy izany. Ankehitriny dia tiako. . . . Ity misy anankiray hafa izay tena manindrona iray. Avy eo dia manana anankiray amboniny isika. Mino aho fa manana fotoana ho an'izany angamba isika. Efa nanapitra ny fotoantsika fotsiny aho. Ankehitriny, ity fotsiny dia—ireo fiantraikan'ny fifohazana fotsiny ity. Ity dia ireo fiantraikan'ny fivoriana, ireto fanontaniana ireto.

**97. Ankehitriny: Rahalahy Branham** (nosoratana tamin'ny milina fanoratana ilay izy), **Soratra ve ny olona iray miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ary mandika ny hafany manokana? Raha izany, dia azavao azafady. Korintiana Voalohany na Korintiana 14:19 sy Korintiana 14:27 ihany koa.**

<sup>112</sup> Eny àry, ndao isika handeha eo amin'io Soratra io ka hahita izay lazainy. Ary ho hitantsika avy eo raha mihazona an'io ho ara-tSoratra isika. Tiantsika foana ny ho ara-tSoratra. Ary Korintiana 14. Ankehitriny, te-hahafantatra ilay olona raha ara-tSoratra ny olona iray mandika ny hafany manokana izay teneniny amin'ny fiteny tsy fantatra. “Raha izany, dia azavao ny Korintiana 14:19.” Ndao jerentsika, 14 sy 19. Eny àry, eto isika izao.

*Kanefa ao amin'ny fiangonana izaho. . . dia aleoko miteny teny dimy amin'ny fahalalako, mba ahafahako mampianatra ny hafa amin'ny feoko ihany koa, toy izay iray alina. . . amin'ny. . . fiteny tsy fantatra.*

Ankehitriny, ilay anankiray manaraka dia ny andininy faha-27, no tian'izy ireo ho fantatra.

*Raha misy olona miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, dia aoka izany ho roa, na amin'ny. . . fara-fahabetsany ho telo, izany dia ampifanarakarahina; ary aoka ny anankiray handika.*

<sup>113</sup> Ankehitriny, raisiko izay ezahan'ilay olona hahatongavana (fa tiako—hamaky zavatra iray aminareo vetivety fotsiny aho). Saingy heveriko fa ny ezahan'ilay rahalahy na anabavy hahatongavana dia hoe, “Mety amin'ny olona iray izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ve ny mandika ihany koa ny hafatra izay lazainy?” Ankehitriny, ry sakaiza malala indrindra, raha hamaky fotsiny ny andininy faha-13 ao amin'ilay toko iray ihany ianao, dia hiteny aminao izany hoe:



*Koa aoka izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra hangataka mba hahafahany mandika.*

114 Azo antoka. Afaka mandika ny hafany manokana izy. Ankehitriny, raha isika fotsiny... Ndao fotsiny isika... Eny, ianareo... Vakio ny rehetra amin'izany eto, dia afaka hahita ianareo fa Izany dia... Vakio fotsiny io toko manontolo io. Tena tsara izany, manazava an'ilay izy.

115 Ankehitriny, fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra... Ankehitriny, raha mbola eo amin'izany isika, ary raisim-peo ity, dia tiako ny milaza fa tena mino tokoa ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra aho tahaka ny inoako ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, sy ny—ny batisan'ny Fanahy Masina, ny fihavian'i Kristy faharoa, ary ny herin'izao tontolo izao ho avy; mino an'izany mihitsy tokoa aho araka ny inoako, saingy mino aho fa ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia manana ny toerana tahaka ny ananan'ny fihavian'i Kristy ny toerany mihitsy; manana ny toerany ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra; manana ny toerana ny zavatra rehetra.

116 Ankehitriny, ho anareo olona, manana anjara iray hilaza an'ity aho ankehitriny, ary tiako ny hanazava azy. Ary raha mandratra olona iray aho, dia tsy fanahy iniako izany. Tsy fanahy iniako ny miteraka fifanjevoana. Fa henoy. Ilay olona amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra tamin'ireo olona Pentekotista (izay ny tenako; Pentekotista aho. Hitanareo?)... Ankehitriny, ilay olana dia ity: hoe tsy nanaja an'izany izy ireo. Ary ny zavatra hafa iray, dia navelan'izy ireo handeha amin'ny kisendrasendra fotsiny ilay izy. Tsy miverina amin'ny Teny izy ireo.

117 Henoy ankehitriny. Ity ilay fomba—namelana—ity ilay fomba nandaminana ny fiangonana. Ankehitriny, tao amin'ny fiangonana Pentekotista iray, raha izaho no nitandrina an'io fiangonana io, dia hoteneniko aminareo hoe ahoana no ho nandaminako azy (hitanareo?), raha izaho no—ho eto foana hitandrina azy. Hosoratako ny fanomezam-pahasoavana rehetra ao amin'ny Baiboly. Hoteneniko ny mpino mba ho vita batisa ao amin'ny Fanahy Masina aloha. Ary amin'izay fotoana izay, dia tsy maintsy hiasa ao amin'ny fiangonako ny fanomezam-pahasoavana rehetra an'ny Korintiana Voalohany 12, raha afaka mampiditra azy ireo ao aho, ilay vatana manontolo no miasa.

118 Ankehitriny, raha mahamarika ianareo... Tsy hoe manao fanamarihana ankehitriny. Ary tsarovy, tsy hilaza teny iray hifanohitra aho—mety miteny ratsy ny Fanahy Masina aho. Ary Andriamanitra no mahafantatra fa tsy ho diso filaza an'izany aho. Hitanareo? Fa miteny an'izao fotsiny aho mba hiezaka hanome anareo ny fijerin'ny Soratra rehefa avy nianatra an'izany ankehitriny nandritry ny roapolo taona teo ho eo. Efa nitory teny nandritry ny telopolo taona teo ho eo aho. Ary

efa nandalo ny zavatra rehetra mihitsy aho, nandalo mihitsy; azonareo eritreretina hoe toy ny inona izany. Ary nandinika ny olona rehetra, sy ireo foto-pampianarany, nanerana an'izao tontolo izao. Ary naka an'izany satria tombony ho ahy ilay izy. Tombony ho an'ny olombelona rehetra ankoatry ny tenako izany. Tsy maintsy miala eto aho. Tsy maintsy miala eto ianareo. Ary raha mandeha ho toy ny mpaminany sandoka iray aho, dia hahavery ny fanahiko manokana ary hahavery ny anareo miaraka amiko. Koa izany dia mihoatra noho ny—mihoatra noho ny mofo isan'andro izany; mihoatra ny laza izany; mihoatra ny zavatra hafa rehetra izany; fiainana izany ho ahy. Hitanareo? Ary te-ho tena tso-po lalina indrindra foana aho.

<sup>119</sup> Ankehitriny, miditra ao amin'ny fiangonana Pentekotista iray ianareo, ny zavatra voalohany . . . (Tsy izy rehetra no tiako lazaina. Ny sasany amin'izy ireo dia . . .) Amin'ny ankapobeny dia miditra ao amin'ny fiangonana iray ianareo ary manomboka mitory teny; raha mbola mitory teny ianareo, dia hisy olona iray hitsangana ka hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Ankehitriny, mety ho feno ny Fanahy Masina tanteraka tokoa io olona malala io, ary mety ho ny Fanahy Masina no miteny amin'ny alàlan'io olona io, saingy ilay zavatra amin'ilay izy dia, tsy nofanina izy ireo. Raha mitory eo ambanin'ny tsindrimandry io mpitoriteny eo amin'ny lampihazo io, dia manaiky an'ilay mpaminany ny fanahin'ireo mpaminany. Hitanareo? “Aoka ny zavatra rehetra hatao . . .” Ankehitriny, diniho i Paoly eto hoe nahoana izy no milaza fa “rehefa miteny ny anankiray,” sy ny sisa . . . “rehefa niditra izy, dia nisy fifanjevoana fotsiny teo.”

<sup>120</sup> Ankehitriny, manao antso iray eny amin'ny alitara aho, ary mitsangana ny olona iray ka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Izany fotsiny . . . Eny, tsara ho anareo mihitsy ny mijanona tsy manao an'ilay antso eny amin'ny alitara. Izany no mampijanona an'ilay izy. Hitanareo?

<sup>121</sup> Ary avy eo, zavatra hafa iray. Matetika mitsangana ny olona ka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary ny olona mipetraka dia mitsako siligaoma, mijery manodidina. Raha miteny Andriamanitra, dia mipetraka tsara, mihainoa! Raha izany no Fahamarinana, raha izany no Fanahy Masina miteny ao amin'io olona io, dia mipetraka tsara ianareo ary mihainoa, aoka hanaja. Mety ho tonga aminareo ilay fandikana. Hitanareo? Mipetraka tsara; andraso ny fandikana. Ankehitriny, raha tsy misy mpandika ao amin'ilay fiangonana, amin'izay fotoana izay dia natao hihazona ny filaminany ao amin'ilay Vatana izy ireo.

<sup>122</sup> Ary amin'izay fotoana izay, rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra iray izy ireo, hoy ny Baiboly, dia avelao izy ireo hiteny aminy amin'ny tenany sy Andriamanitra. Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia mampandroso ny tenany. Ankehitriny, izany no fiteny tsy fantatra; ireo fitenim-paritra, hafa ireo fitenenana. “Tsinontsinona izy ireo,” hoy izy . . . Fa izay hanao

feo anankiray dia misy dikany iray. Fa ianareo . . . Raha maneno ny trompetra, dia tokony ho fantatrareo hoe toy ny ahoana no fanenony (. . . mitsoka azy fotsiny) raha tsy izany dia tsy ho fantatrareo hoe ahoana no hanomanana ny tenanareo ho amin'ny ady. Raha misy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ka hoe “toot” fotsiny; izay ihany ny amin'ilay izy, dia iza no hahafantatra izay hatao. Fa raha manomboka hoe *fifohazana* izany, dia midika hoe “mifohaza!” Raha mitsoka hoe *rôbine* izany, dia midika hoe “miondreha.” Hitanareo? Raha mitsoka hoe *manafiha* izany dia midika hoe “manafiha.” Tsy maintsy manome dikany iray izany, fa tsy hoe miteny irery fotsiny. Noho izany ao amin'ny fiangonana, raha tsy misy mpandika, fa raha misy mpandika iray, amin'izay fotoana izay dia an'ilay fiangonana ireo fiteny tsy fantatra.

<sup>123</sup> Ankehitriny, ho an'ny fanontaniana, ry sakaiza malala, izay manao hoe, “Aleoko miteny dimy arivo . . . teny dimy ao, sy mba ahafahan'ny olona mahazo ahy toy izay dimy arivo (na mbola firy lazainy) amin'ny fiteny tsy fantatra.” Marina izany. Fa manohiza mamaky: “. . . afa-tsy hoe avy amin'ny fanambarana ilay izy na avy amin'ny fandikana ho fampandrosoana.” Hitanareo? Hampandroso.

<sup>124</sup> Ankehitriny, somary hanome hevitra kely anareo fotsiny aho hoe ahoana moa—ahoana . . . Raha izaho no tsy maintsy nitandrina an'io fiangonana izay ho avy io, raha hiantso ahy hitandrina azy Andriamanitra, dia ity no fomba hitondrako azy: Hiezaka aho ny hahita ny olona rehetra ao izay nanana fanomezam-pahasoavana iray. Ary ho entiko ireo olona ireo hihaona eo amin'ny adiny iray mialohan'ny hanombohan'ny fotoana mihitsy, ao amin'ny efitra iray ho an'ny tenan'izy ireo. Avelako hipetraka eo ambanin'ny Fanahy izy ireo. Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, tonga ny anankiray, manana fanomezam-pahasoavana an'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra izy. Ary miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy. Ny olona rehetra mipetraka tsara. Dia mitsangana ny anankiray avy eo ka mandika an'izay lazainy. Ankehitriny, alohan'ny ahafahan'izany omena ny fiangonana, milaza ny Baiboly fa tsy maintsy tsaraina eo anelanelan'ny vavolombelona roa na telo izany. Ankehitriny, olona iray izay manana ny famantarana ny fanahy izany (hitanareo?), satria matetika dia ireo hery ratsy no miditra ao. (Hitanareo?) Paoly no niteny an'izany. Fa avy eo, ny herin'Andriamanitra dia ao ihany koa. Ilazao fiangonana iray izay tsy misy ratsy mipetraka aho. Ilazao aho hoe aiza no misy an'ireo zanak'Andriamanitra miara-mivory ka tsy eo afovoan'izy ireo i Satana. Amin'ny zavatra rehetra izany. Noho izany aza mikentrona handrina amin'izany. Hitanareo? Hatraiza hatraiza i Satana. Ankehitriny, eto isika izao. Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray. Ankehitriny, misy telo mitsangana eo izay manana ny Fanahin'ny famantarana. Ary miteny amin'ny fiteny

tsy fantatra ny anankiray ka manome hafatra iray. Ankehitriny, tsy mety ho fanononana Soratra izany, satria tsy mampiasa famerenam-poana Andriamanitra, ary niteny tamintsika Izy mba tsy hanao. Hitanareo? Koa tsy izany ilay izy. Izany dia hafatra iray ho an'ilay fiangonana.

<sup>125</sup> Efa nanana zavatra roa isika tao amin'ity fifohazana ity hatreto. Diniho fa ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia—tanteraka, hatrany amin'ny teboka mihitsy. Hitanareo? Niditra. Nitsangana ny olona iray, ary niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, ka nanome ny fandikana, ary niverina teo avy hatrany, ka nanamarina an'ilay hafatra izay nivoaka fotsiny. Ilay iray hafa dia nitsangana indray hariva, ka nilaza tao amin'ny—teo ambanin'ny tsindrimandrin'ny faminaniana, ary nilaza zavatra iray, tsy nahafantatra an'izay nolazainy; ary avy eo tamin'ny farany dia niteny izy hoe, “Isaorana anie izay avy amin'ny Anaran'ny Tompo.” Nisy zavatra nahazo ahy haingana mihitsy teo no ho eo ka nanao hoe, “Amin'ny teny hafa dia hoe sambatra izay mino fa izao no nahatongavan'ny Tompo.”

<sup>126</sup> Hitanareo ve ilay elanelana—nilatsaka tao amin'ny tranobe avy eo ny Fanahy Masina omaly hariva. Hitanareo? Ho fampandrosoana izany. Nitsangana teo aho niezaka niteny tamin'ny olona fa tsy maintsy mandray ny Fanahy Masina izy ireo. Ary niditra nanodidina ny olona ny devoly, nanao hoe, “Aza mihaino; mipetraha tsara.”

Hoy ny anabaviko hoe, “Bill, tena faly aho raha teo ampitoriana ianao; tsapako toy ny hoe afaka hitsangana aho ka hitsambikina eo amin'ilay rindrina.”

Hoy aho hoe, “Mitsangana dia mitsambikina.” Izay ihany.

Ary hoy izy hoe, “Fa rehefa nandeha nanao an'io ianao,” dia hoy izy, “nanomboka nikiakiaka ny olona,” hoy izy, “avy eo dia tsapako ho antitra iray tsinontsinona aho.”

<sup>127</sup> Hoy aho hoe, “Ny devoly izany. Satana izany. Rehefa tonga izy mba hanao an'izany,” hoy aho, “dia tokony nitsangana foana ianao na ahoana na ahoana.” Mpisoron'Andriamanitra isika, manafo fanatitra ara-panahy—fanatitra, ireo vokatry ny molotrantsika izay manome ny dera ho an'Ny Anarany. Hitanareo?

<sup>128</sup> Ankehitriny, ankehitriny, dia ity no nitranga. Nitsofoka ny Fanahy Masina avy eo, satria izany fotsiny dia... “Sambatra izay mino.” Roa, hariva telo nitohy no niezahako nametraka an'izany teo; ary tamin'izay fotoana izay, dia niteny ny Fanahy Masina ka nilaza (teo ambanin'ny tsindrimandry) nanao hoe, “Isaorana anie izay avy amin'ny Anaran'ny Tompo.” Ary talohan'ny nahafahako nilaza zavatra iray, dia naveriko ilay izy. “Sambatra izay mino fa ao amin'izao no tonga ny Tompo.” Hitanareo? Ary izany mihitsy no noresahako, Andriamanitra Izy tenany ao anatinareo ny Fanahy Masina. Hitanareo? Ary azon'izy

ireo ilay izy. Hitanareo? Ary nilatsaka teo anivon'ny olona ny Fanahy Masina avy eo. Hitanareo ve hoe toy ny ahoana Izany—no ampandrosoan'Izany, ny faminania?

<sup>129</sup> Ankehitriny, misy fahasamihafana iray eo amin'ny faminania sy ny mpaminany. Ny faminania dia mandeha avy eo amin'ny anankiray mankany amin'ny iray hafa, fa ny mpaminany dia teraka ho mpaminany hatrany amin'ny fandrian-jaza. Manana ny HOY NY TOMPO HOE izy ireo! Aza mitsara azy ireo. Tsy mahita azy ireo mitsangana eo anoloan'i Isaia ianareo, na Jeremia, ny iray amin'ireo mpaminany ireo, satria nanana ny HOY NY TOMPO HOE izy ireo! Fa ny fanahin'ny faminania eo anivon'ny olona; tsy maintsy miambina an'izany ianareo, satria hitsofoka ao anatiny ao i Satana. Hitanareo? Ankehitriny. Fa tsy maintsy tsarina izany.

<sup>130</sup> Ankehitriny, isika dia—hanana fifohazana iray isika. Ankehitriny, diniho tsara mihitsy izao ankehitriny, ianareo mpitoriteny. Hanomana fifohazana iray isika. Eny àry. Na angamba hanana fotoam-piangonana mahazatra iray fotsiny isika. Mirehitra ilay fiangonana. Tokony ho izany foana izy. Eny, angamba manana olona dimy na enina isika izay olona manana fanomezam-pahasoavana; ny anankiray miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ny roa na telo angamba miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, efatra na dimy amin'ny fiteny tsy fantatra, manana ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny tsy fantatra, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Ny roa na telo amin'izy ireo dia afaka mandika. Angamba misy iray—roa, na telo amin'izy ireo manana ny fanomezam-pahasoavan'ny fahendrena. Eny àry. Mivory izy rehetra, ireo olona manana fanomezam-pahasoavana ireo... Ianareo... Ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia nomena anareo fa tsy ilalaovana, tsy hilazana hoe, “Voninahitra ho an'Andriamanitra, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho! Haleloia!” Ianareo dia—ianareo dia—manala baraka ny tenanareo ianareo. Izy ireo dia, nomena anareo mba hiasana. Ary ny anjaranareo ao amin'ny fiangonana dia tokony ho tonga alohan'ny hanombohan'ny fotoan-dehibe, satria hisy an'ilay tsy nampianarina eo anivontsika.

<sup>131</sup> Amin'izay fotoana izay dia mihataka ao amin'ilay efitra ianareo, ary mipetraka ao, ianareo olona miaraka, satria mpiara-miasa ao amin'ny Filazantsara ianareo. Noho izany dia mipetraka ao ianareo. “Tompo, misy zavatra izay Tianao ho fantatray ve izao hariva izao? Mitenena aminay, oh, Ray any andanitra,” manolotra vavaka, fiangaviana; mihira hira. Midina avy hatrany ny Fanahy, milatsaka eo amin'ny olona iray, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Mitsangana ny anankiray ka manao hoe, “HOY NY TOMPO HOE.” Inona izany? Henoy. “Mandehana miteny amin-dRahalahy Jones hifindra hiala amin'ny toerana izay ipetrahanay, satria hisy rivo-doza iray hamely an'io firenena

io rahampitso tolakandro; ary haka ny tranony izany. Ento ny entany dia mialà!”

<sup>132</sup> Ankehitriny, izany—izany dia maneno tsara. Fa andraso iray minitra. Tsy maintsy misy olona telo eo izay manana ny Fanahin’ny famantarana. Ny iray amin’izy ireo manao hoe, “Avy tamin’ny Tompo izany.” Ilay iray hafa manao hoe, “Avy tamin’ny Tompo izany.” Izany no roa amin’ny telo—vavolombelona roa na telo. Eny àry. Manoratra an’izany eo amin’ny silan-taratasy iray izy ireo. Izany no nolazain’ny Fanahy. Eny àry. Miverina izy ireo mba hivavaka, hisaotra ny Tompo.

<sup>133</sup> Afaka kelikely, “HOY NY TOMPO HOE (mitsangana ny mpaminany iray) HOY NY TOMPO HOE, izao hariva izao, dia hisy vehivavy iray avy any New York City; eo ambonin’ny filanjana iray izy; hiditra ao amin’ny tranobe izy eo ambonin’ny filanjana iray. Manana saron-doha maitso iray izy manodidina ny lohany. Eo am-pahafatesana miaraka amin’ny homamiadana izy. Izany no nahatonga azy ho tahaka an’io, ny Tompo no manohitra azy—nangalatra vola tao amin’Ny Fiangonany izy indray mandeha fony izy enina ambin’ny folo taona. Teneno Rahalahy Branham mba hiteny aminy an’ireo zavatra ireo. HOY NY TOMPO HOE, raha hanitsy an’izany izy, dia ho sitrana.” Andraso iray minitra. Tena maneno tsara mihitsy izany, saingy andraso iray minitra. Hametraka ny anaranao eo amin’ity taratasy ity ve ianao, ry mpamantatra? Hametraka ny anaranao ve ianao?

<sup>134</sup> “Avy tamin’ny Tompo izany.” Hoy ny iray hoe, “Avy tamin’ny Tompo izany.” Noho izany—noho izany dia soraty ilay izy hoe, “HOY NY TOMPO HOE, hisy vehivavy iray hiditra izao hariva izao, zavatra *izao-izao*.” Ilay anankiray miaraka amin’ny famantarana ny fanahy, ny roa na telo amin’izy ireo dia manao sonia ny anarany eo amin’izany. Nomena ireo hafatra rehetra ireo. Eny àry.

<sup>135</sup> Avy eo afaka kelikely dia manomboka mandre ny feondakolosy izy ireo. Manomboka ny fiangonana. Amin’izay fotoana izay dia mitondra an’ireo hafatra ireo izy ireo, mametraka azy ireo avy hatrany eto amin’ny birao. Eto mihitsy no natao hipetrahan’izy ireo. Any ivelany any ho any aho mianatra, mivavaka. Afaka kelikely dia mivoaka aho rehefa avy nohiraina ireo hira. Ao amin’ny lamina tanteraka ny fiangonana, tonga ny olona, mipetraka, misaintsaina, mivavaka; izany no nasaina hataonareo. Tsy hoe tonga ao am-piangonana ka hifampiresaka, tonga ao am-piangonana mba hiresaka amin’Andriamanitra. Ataovy ao ivelany ao ny fiombonanareo. Hitanareo? Miombona amin’Andriamanitra isika ankehitriny. Ary tonga eto isika hiresaka, ny zavatra rehetra dia moramora, am-panajana, mihetsika ny Fanahy. Manatona ny piano ny mpitendry piano eo amin’ny dimy minitra alohan’ny hanombohan’ny hiran’ny fotoana, manomboka tena moramora mihitsy ny hoe:

Teo amin'ny hazo fijaliana izay nahafatesan'ny  
 Mpamonjiko,  
 Teo aho no niantsoantso ho fanadiovana ny  
 ota, . . .

Na hira malefaka tsara iray, tena moramora. Izany no mitondra ny Fanatrehan'ny Fanahy Masina ao amin'ny fivoriana. Hitanareo? Eny àry.

<sup>136</sup> Mipetraka eo ny olona. Ny sasany amin'izy ireo dia tena—manomboka mitomany ary manatona ny alitara, mibebaka alohan'ny anombohan'ny fotoana mihitsy. Eo ny Fanahy Masina. Hitanareo? Eo am-piasana ny fiangonana. Mivavaka ireo Kristiana; maka ny toerany izy ireo. Tsy mipetraka eo izy ireo hitsako siligaoma, manao hoe, “Hey, Liddie, omeo ny sasany amin'ny lokomenanao aho; izaho dia mila . . . Fantatrao. Fantatrao. Izaho dia mila . . . Fantatrao, indray andro rehefa niantseña tany aho, lazaiko anao, dia saika nanitsaka ny tongotrao. Efa mba nahita an'izany ve aho . . . Inona no hevitrao mikasika an'izany?” Oh, mamindrà fo! Nefa dia miantso an'izany ho ny tranon'Andriamanitra. Nahoana, fahafahambaraka iray izany. Tonga miaraka ny Vatan'i Kristy. Eo isika no mipetraka.

Ilay lehilahy mipetraka eo akaiky, “Hono ho'aho, fantatrao fa rehefa nandeha tany isika, io *izao-sy-izao* ary *izao-sy-izao-sy-izao* . . .” Mety daholo izany any ivelany, fa ato dia tranon'Andriamanitra.

<sup>137</sup> Midira amin'ny fivavahana; raiso ny toeranareo. Miresaka aho ankehitriny, tsy amin'ny fiangonanareo, rahalahy. Tsy fantatro izay ataonareo; miresaka amin'ity tabernakla ity aho. Miresaka amin'ny oloko manokana aho. Hitanareo? Marina izany.

<sup>138</sup> Ankehitriny, rehefa miditra tahaka an'izany ianareo, amin'izay fotoana izay ny zavatra voalohany fantatrareo, mivoaka ilay pasitera. Mangatsiatsiaka tsara izy. Tsy mila mamaly an'ity, *itsy*, ary ny *hafa* izy. Mivoaka avy hatrany avy ao amin'ilay—ilay andon'ny asam-panompoany izy. Efa teo ambanin'ny herin'ny Fanahy Masina izy. Miditra avy hatrany eo amin'izay iangonan'ny lela afo betsaka miaraka izy. Izany dia saiky andry iray ankehitriny (hitanareo?), mihetsika manodidina izy. Mandroso eto izy, maka an'ity. “Hafatra iray avy amin'ny fiangonana: ‘HOY NY TOMPO HOE, Rahalahy Jones dia tokony hiala amin'ny tranony. Hamely ny fireneny ny rivo-doza iray rahampitso tolakandro amin'ny roa. Ento ireo zavany dia mialà.’” Azon-dRahalahy Jones izany. Eny àry. Eo amin'ny firaiketana izany. “HOY NY TOMPO HOE, hisy vehivavy iray amin'ny anarana hoe *Ranona-sy-ranona* ho tonga eto izao hariva izao, ary izany dia—izy dia nanao an'izao-sy-izao.” (Arak'izay vao avy nolazaiko, hitanareo, tahaka an'izany.)

Eny àry, mipetraka eo izany. Izay ilay izy. Efa mipetraka eo amin'ny toerany izy ireo ankehitriny ao amin'ny fiangonana. Eny àry.

<sup>139</sup> Maka ny hafatra izy avy eo. Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, dia manomboka mitory teny izy. Tsy misy na inona na inona hampiato; efa niseho ilay izy. Ankehitriny, mandroso isika, mitory ny hafatra isika.

<sup>140</sup> Ary afaka kelikely rehefa ny...Ny zavatra voalohany fantatrareo rehefa mifarana ny hafatra, dia manomboka ny laharan'ny fanasitranana. Indro tonga ny vehivavy iray. Nisy olona iray niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ary nilaza fa tonga izy. Hitanareo? Mahafantatra ny tsirairay avy amintsika hoe inona no hitranga. Mahafantatra an'izany ny tsirairay avy amintsika. Hitanareo ve hoe ahoana no anombohan'ilay finoana manorina miaraka amin'ireo lela afo mitsangana eo amboninareo ireo ankehitriny. Manomboka miara-manangona izy ireo. Nahoana, asa vita iray fotsiny ilay izy; dia izay ihany.

Io vehivavy io...Hataoko hoe, "Rtoa. *Ranona-sy-ranona*, avy any New York City, mipetraka eto..." Hitanareo?

"Oh, marina izany. Ahoana no nahafantaranao an'izany?"

"Izany dia hafatra iray avy amin'ny Tompo ho an'ny fiangonana. Fony ianao enina ambin'ny folo taona, tsy efa tao amin'ny toerana *izao-izao* ve ianao ary nanao—naka vola sasany avy tao amin'ny fiangonana, ka nangalatra an'izany, ary nivoaka, ka nivity akanjo vaovao tamin'izany?"

"Oh, marina izany. Marina izany."

"Izany marina no notenenin'Andriamanitra taminay tamin'ny alàlan'ny Rahalahy iray *Ranona-sy-ranona*, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra; Rahalahy *Ranona-sy-ranona* no nandika; Rahalahy *Ranona-sy-ranona* eto no nilaza, avy tamin'ny famantarana, nilaza fa avy tamin'ny Tompo izany. Ary izany no fahamarinana."

"Eny!"

"Noho izany, HOY NY TOMPO HOE, mandehana ahitsiho izany, dia ho sitrana amin'ny homamiadanao ianao."

<sup>141</sup> Mandeha mody any an-tranony Rahalahy Jones, maka an'ireo fiara fitondrana entana, mihemotra, maka ny entany, ary miala eo. Amin'ny roa rahampitso tolakandro: Zowie! mifaoka ny zavatra manontolo. Hitanareo? Amin'izay fotoana izay ny fiangonana dia manome voninahitra... "Misaotra anao, Tompo Jesosy, noho ny Fahatsaranao." Ankehitriny, izay ilay izy, hampandroso, ho an'ny fiangonana.

<sup>142</sup> Ankehitriny, ahoana moa raha tsy mitranga ilay izy taorian'ny nilazan'izy ireo an'izany? Amin'izay fotoana izay dia manana fanahy ratsy iray ianareo eo anivonareo. Tsy mila an'io zavatra ratsy io ianareo. Nahoana ianareo no mila zavatra ratsy



nefa ny—ny lanitra dia feno ny tena Pentekotista? Aza maka mpisololo ratsy iray avy amin'ny devoly. Alaivo ny tena zavatra. Manana an'izany ho anareo Andriamanitra. Amin'izay fotoana izay dia aza manao fivoriana intsony, sy mametraka zavatra eto, raha tsy Andriamanitra no efa manamarina fa marina ianareo, satria mpanampy iray ho an'ny fiangonana ianareo ao amin'ny asan'ny Filazantsara. Ankehitriny, azonareo ve hoe inona ilay izy?

143 Ary ny fiteny, ny fiteny tsy fantatra...Tsy misy olona izay izy—mahafantatra izay resahany. Miteny izy; saingy ny feo rehetra dia manana dikany iray. Manana dikany iray izao [Mitehaka ny tãnany Rahalahy Branham—Mpand.] “Glak, glak, glak!” Izany dia manana—izany dia ny—fitenenana iray any ho any izany.

144 Rehefa tany Afrika aho, tsy nino an'ilay izy mihitsy aho, saingy ny zavatra rehetra izay nanao tabataba iray dia nanana karazana dikany iray ho an'izany. Nilaza ny Baiboly fa tsy misy feo tsy misy heviny, tsy misy dikany iray. Ny feo rehetra izay natao dia manana dikany iray ho an'ny zavatra anankiray. Nahoana, efa nandre ny olona aho nilaza . . .Hoy aho hoe, “Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra.”

145 Ny iray tamin'izy ireo dia nanao hoe. [Manao an'ilay feon'ny mpandika Afrikana iray Rahalahy Branham—Mpand.] Ny iray hafa nanao hoe. [Manao kisarisary indray Rahalahy Branham.] Ary izany dia hoe, “Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra.” Hitanareo? Izany dia nanana ny . . .Ary tsy nidika na inona na inona izany ho ahy, saingy ho azy ireo dia fitenenana iray izany tahaka ahy miresaka aminareo mihitsy. Rehefa ilay mpandika amin'ny Zoulou, ny Xhosa, ny Basuto, sy inona koa, no tonga, ny tsirairay avy izay voalaza, dia azon'ny tsirairay. Ary ireo zavatra rehetra izay andrenesanareo an'ireo olona ireo mingonongonona fotsiny ireo, sy heverinareo fa finanananana betsaka izany, dia tsy izany ilay izy; manana dikany iray izany. Noho izany dia tokony hanaja an'izany isika, mametraka an'izany amin'ny toerany.

146 Ankehitriny, angamba tsy nisy hafatra. Ankehitriny, mifarana ny fivoriana; natao ny antso eny amin'ny alitara. Ary afaka kelikely misy olona iray (tsy nisy hafatra teo) mitsangana ny olona anankiray vantany vao manana anjara iray hitsangana izy ireo. Ny Fanahy Masina . . .Ankehitriny, hoy ny Baiboly hoe, “Raha tsy misy mpandika, dia aoka izy hihazona ny filaminany.” Tsy mampaninona na mafy toy ny ahoana aza no ezahany hiteny, hazòny ny filaminanareo.

147 Hoy ianareo, “Tsy afaka manao an'izany aho.” Ny Baiboly no nilaza fa afaka ianareo. Hitanareo? Noho izany—milamina hatreo izany. Hitanareo? Aoka izy hihazona ny filaminany.

148 Avy eo, rehefa izany, dia tonga ilay anjara izay misy ny zavatra rehetra amin'ny lamina, amin'izay fotoana izay raha midina eo aminy ny Fanahy Masina mba hanome an'ilay hafatra, amin'izay fotoana izay dia omeo ilay izy. Izany marina tokoa no tokony hataonareo. Tonga avy eo ny fandikana, nanao hoe, "Misy vehivavy iray ato amin'ny anarana hoe Sally Jones (manantena aho fa tsy ato ilay vehivavy amin'izany anarana izany, fa . . .) Sally Jones. (Hitanareo?) Teneno aminy fa ity no hariva farany an'ny fiantsoana azy. Ahitsiho amin'Andriamanitra ilay izy satria fotoana fohy sisa no ananany haha-eto azy." Ankehitriny, mihazakazaka eo amin'ny alitara i Sally Jones haingana mihitsy arak'izay ahafahany ho tonga eo (hitanareo?), satria izany no antso farany ho azy. Hitanareo? Izany no hoe manome hafatra, na fanamarinana iray, na zavatra anankiray.

149 Izany no fiangonana Pentekotista eo am-piasana. Tsy misy ahafahan'ny fanahy ratsy hitsofoka ao, satria ilay izy efa . . . Ny Baiboly dia manome marina tokoa hoe, "Aoka hampifanarakarahina ilay izy, ary izany dia telo; ary aoka ny roa na mihoatra no hitsara." Izany no fiangonana. Saingy aiza no itondrantsika an'ilay izy amin'izao andro izao? Mitsambikina, manao hadalana, mihomehy ary manohy raha mbola eo ampitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray; ny iray hafa mijery, miresaka mikasika zavatra hafa sy mitangorona; ilay pasitera manao zavatra iray; na mitangorona ny olona. Eny, tsy tsara izany. Angamba eo am-pitoriana teny ilay pasitera, ka mitsangana ny olona iray ary mampiato azy ao amin'ny . . . Angamba eo am-pamakiana ny Baiboly izy dia misy olona iray . . . Mamaky ny Baiboly, dia misy olona iray ery aoriana ery miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Oh, tsia! Hitanareo? Mitory teny eo amin'ny polipitra ny mpitory teny, dia mitsangana ny olona iray ka mampiato azy, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Mety tsara izany. Tsy milaza aho hoe tsy ny Fanahy Masina izany, saingy tokony ho fantatrareo hoe ahoana no ampiasaina ny Fanahy Masina (hitanareo?), ny hampiasaina Azy.

Ankehitriny, izaho—izaho dia handray . . . Mbola manana efitra ho an'ny anankiray amboniny ve ianareo? Noho izany, Alahady rahampitso. Noho izany, isika dia . . . Ndao fotsiny isika . . . Ity ny anankiray. Heveriko fa izy no tsara fanahy indrindra. Ary ankehitriny, raha hiaritra hiaraka amiko mandritry ny minitra vitsy fotsiny ianareo rehetra, azafady. Ary avy eo, izaho dia . . . Tiako ianareo—tiako ianareo hahazo an'ity. Nisy tanjona no nitehirizako an'ity. Ity no anankiray farany ho ahy.

Ankehitriny, voalohany, hamaky an'ireo zavatra roa izay nanontanian'ilay olona aho. Eo ambonin'ny silan-taratasy tranainy iray izany, nosoratana tamin'ny sora-tànana tsara tarehy. Tsy manana hevitra aho hoe iza ilay izy, tsy nisy anarana voasonia eo—eo amin'ny iray amin'izy ireo.

**98. Rahalahy Branham, mety amin'ny mpitoriteny ve ny mitaky vola lava ao amin'ny fivorian'izy ireo, miteny fa Andriamanitra no niteny tamin'izy ireo hoe natao hanome betsaka ny maro amin'ny mpanatrika? Raha marina izany, dia te-hahafantatra aho. Na raha diso izany, dia te-hahafantatra aho. Nanakorontana ahy mafy mihitsy io.**

150 Ankehitriny, hitanao, ry sakaiza, hiteny aminao aho, hiteny aminao izay heveriko aho. Hitanao? Ankehitriny, tsy midika izany fa marina ilay izy. Heveriko fa mahatsiravina izany.

151 Ankehitriny, izao no heveriko. Andriamanitra no naniraka ahy teny amin'ny saha. Efa hitako ny fotoana izay toy ny hoe izaho dia farafahakeliny... Ary izaho—tsy nanam-bola mihitsy aho. Ka hoy aho hoe, “Ampandalovy fotsiny ny vilia fanatazana.”

Ary nanatona ahy ilay mpikarakara dia nanao hoe, “Jereo, Billy, tratry ny fatiantoka dimy arivo dolara izahay izao hariva izao, ry Tovolahy. Manam-bola ve ianao any Jeffersonville handoavana an'izany?”

152 Hoy aho hoe, “Mety tsara izany. Andriamanitra no naniraka ahy teto, raha tsy izany dia tsy ho tonga aho. (Hitanareo?) Ampandalovy fotsiny ny vilia fanatazana.”

Ary talohan'ny nifaranan'ny fivoriana, dia hoy ny olona iray hoe, “Fantatrao, ny Tompo no nametraka tao am-poko mba hanome dimy arivo dolara ho an'ity.” Hitanareo, hitanareo? Voalohany, aoka ho voatarika hanao an'ilay izy.

153 Izaho dia tsy mino ny fitakiana, sy fiangaviana, ary fangataham-bola. Heveriko fa zavatra ratsy iray izany. Ankehitriny, rahalahy, raha manao an'izany ianareo, aza avela handratra ny fihetseham-ponareo aho. Hitanareo? Ianareo—ianareo dia mety manana zò hanao an'izany avy amin'Andriamanitra. Fa miteny fotsiny ho an'ny tenako aho. Tsy mino an'izany aho.

154 Ankehitriny, efa nahafantatra mpitoriteny mihitsy aza aho nandeha ka nilaza... Nijoro teo mihitsy aho, vao tsy ela akory izay... Ankehitriny, tsy ireo Pentekotista izany, izany dia... Eny, fiangonana izany (hitanareo?), fiangonana hafa. Tao amin'ny lasim-pivoriana goavana iray izany. Gertie, niaraka tamiko ianao, ny sasany maro izay manatrika. Ary nalain'izy ireo ny tolakandro manontolo tao amin'ny anaram-piangonana malaza iray—niaraka ny roa na telo tamin'izy ireo (ireo fiangonana mahazatra mahazatra izany, tahaka an'ireo fiangonantsika moderina eto amin'ny tanàna, sy ny sisa) tao amin'ny fivoriambe goavana iray—ary nalain'izy ireo ny tolakandro manontolo, nitsangana teo amin'ny lampihazo—ary nandrahona fa handoro ny vokatr'izy ireo Andriamanitra, hanome lefak'ozatra ny zanak'izy ireo, sy ny sisa tahaka an'izany, raha tsy mametraka ao amin'io fivoriana io izy ireo. Izany

marina tokoa no fahamarinana, miaraka amin'ity Baiboly eto anoloako ity. Hoy aho hoe, “Fitenenan-dratsy an'Andriamanitra sy ny mpanaraka Azy izany.” Raha Andriamanitra no maniraka anareo, dia Izy no hiahy anareo. Raha tsy Izy no naniraka anareo, amin'izay fotoana izay dia aoka ilay anaram-piangonana no hiahy anareo raha izany. Fa—fa ianareo. . . Raha Andriamanitra no maniraka anareo, dia Izy no hiahy anareo.

### **99. Ahoana ny mikasika ny tantara an-tsehatra Krismasy ao amin'ny fiangonan'ny Fanahy Masina iray?**

<sup>155</sup> Eny, raha mikasika an'i Kristy ilay izy, dia mety ho tena tsara. Fa raha mikasika an'i Santa Claus ilay izy, dia tsy mino azy aho. Izaho—izaho dia efa nitombo—efa nitombo niala lavitra an'izany aho. Tsy mino an'i Santa Claus mihitsy aho. Hitanareo? Ary ny sasany amin'ireo zavatra kelin'ny Krismasy izay ananan'izy ireo, dia heveriko fa mahatsikaiky. Ary. . . Fa heveriko fa navoakan'izy ireo avy tao amin'ny Krismasy tanteraka Kristy ka i Santa Claus no napetrany tao.

<sup>156</sup> Ary Santa Claus dia tantara foronina. (Tsy mandratra ny iray amin'ireo fihetseham-ponareo aho, manantena aho, mikasika an'ireo ankizy.) Fa hiteny aminareo aho. Teto vao tsy ela akory izay, teo amin'ny dimy amby roapolo, telopolo taona lasa teo, rehefa ny mpitoriteny iray teto amin'ity tanàna ity, ilay pasiteran'ny—ny fiangonana goavana iray teto amin'ny tanàna, izay tena fantatro tsara mihitsy, sakaizako akaiky, nanatona ahy izy. Ary Charlie Bohannon (Rahalaky Mike, tsaroanao i Charlie Bohannon, sakaizako tsara iray). . . Nipetraka teo amin'ny biraony ka nanao hoe, “Tsy hiteny amin'ireo zanako mihitsy aho na hamela an'ireo zafikeliko hiteny an'io lainga io intsony.” Hoy izy hoe, “Nanatona ahy ny zanako lahikely manokana rehefa teo amin'ny roa ambin'ny folo taona teo izy, ka niresaka mikasika an'i Santa Claus. . .” Ary izy, nanao hoe, “Nahoana. . . Malala, manan-javatra ho tenenina anao aho,” Hoy izy, “Mama. . .” Fantatrareo, dia nandeha teo ka niteny taminy an'izay nataony.

Avy eo rehefa niverina izy, hoy izy, “Noho izany, ry Dada, io Jesosy io ihany ve ity?”

<sup>157</sup> Teneno ny marina. Santa Claus dia famoronana Katolika iray mikasika ny olona anankiray, Kriss Kringle iray na Saint Nicholas, na olo-masina Katolika Alemandy fahiny iray tamin'ny taona maro lasa izay nandeha nanodidina nanao soa ho an'ny ankizy. Ary nataon'izy ireo ho fomba iray izany. Fa Jesosy Kristy dia Zanak'Andriamanitra. Tena misy Izy, ary velona Izy.

Ankehitriny, ity misy fanontaniana iray, ny anankiray farany, izay tena. . .

<sup>158</sup> Jereo ankehitriny. Mety tsy hifanaraka amiko ianareo amin'ity. Fa raha tsy mifanaraka amiko ianareo, dia tsarovy, aoka ho amin'ny fisakaizana ilay izy, sitrakareo ve? Tiako

ianareo, ary tsy tiako ny—tsy tiako ny handratra anareo. Izaho fotsiny, te-hahitsy fo aho. Raha tsy afaka aho . . . raha miteny lainga amin'ny zanakolahy aho, amin'izay fotoana izay dia mpandainga iray aho. Hitanareo? Te-hiteny aminy ny fahamarinana aho.

<sup>159</sup> Ankehitriny, miteny aminy mikasika an'i Santa Claus aho, hoy aho hoe, “Hia, azo antoka, fa misy ny Santa Claus. Diniho i Dada amin'ny alin'ny Krismasy.” Hitanareo? Hia.

<sup>160</sup> Fantatrareo, teto aho indray andro, ary mizaha toetra an'izany teo amin'ny zazavavy kely iray mba hahita fotsiny. Azoko antoka fa nahazo ny valin'ny nataoko aho afak'omaly. Tao amin'ny tranobe iray aho. Ary nitsangana teo izy ireo, teto tao amin'ny Quaker Maid. Nandeha tany aho mba hividy an'ireo enta-madinika. Ary noho izany izahay, izaho sy ny vadiko, dia niditra tao. Ary nisy zazavavy kely bitika tao, tsy mihoatra ny valo ambin'ny folo volana, ary nitsangana teo izy, nandeha, nihira hoe, “Feon-Dakolosy, Feon-Dakolosy . . .” Dia hoy aho hoe . . . Tao amin'ny toerana keliny, fantatrareo, nipetraka taorian'ilay sarety kely.

Hoy aho hoe, “Mitady an'i Santa Claus ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Dadako izany, Ramose.”

Hoy aho hoe, “Ho tahiana anie ny fo kelinao, ry Malala. Manana fahendrena ianao.”

Ankehitriny, ity dia tena manindrona iray, ry sakaiza. Ary ao amin'ity . . . Hamarana aho avy eo. Oh, izany dia—Soratra mahafinaritra iray izany, saingy manindrona iray ho an'ny olona rehetra izay manao azy ho toy izany. Ary niraikitra tamiko nandritry ny taona sy taona izany; fa nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra irery ihany . . . Ary ny vadiko sarobidy, mipetraka iry aoriana iry ankehitriny, rehefa nandre izy fa nanana an'ity fanontaniana ity aho izao tolakandro izao, dia hoy izy hoe, “Bill, ahoana no hamalianao an'io?” Hoy izy hoe, “Efa nanontany ny tenako an'izany foana aho.” Hoy izy, “Tsy nety azoko mihitsy ilay izy.” Dia hoy izy . . .

Hoy aho hoe, “Tongava rahariva, ry Malalan'ny foko. Hanao ny tsarako indrindra aho nohon'ny fanampian'Andriamanitra.”

### **100. Rahalahy Branham, azafady azavao ny Hebreo 6:4 hatramin'ny 6.**

<sup>161</sup> Izany indray mandeha dia tena . . . Hitanareo, tsy maintsy mitandrina ianareo eto ankehitriny eo amin'ny finoantsika, ny fahasoavana, ny fiarovana an'ireo mpino, ny faharetan'ireo olo-masina, faharetana, raha ny marina, an'ireo olo-masina. Hebreo ny toko faha-6, 4 hatramin'ny 6.

Ankehitriny, vantany vao . . . vita ity, amin'izay fotoana izay dia manantena aho fa hanampy ahy Andriamanitra amin'ny fanaovana azy ho tena mazava aminareo. Miala tsiny aho,

izaho—manana ny Hafatro ho an'izao hariva izao aho; hitory an'ilay zavatra iray ihany aho angamba ny maraina amin'ny—amin'ny fotoana. Avy eo dia handeha aho.

<sup>162</sup> Ankehitriny, tena manindrona iray ity. Hitanareo? Ankehitriny, tsy maintsy mitandrana ianareo. Tsarovy ankehitriny, isika dia mino sy mampianatra ato amin'ity fiangonana ity, hoe tsy ny zavatra rehetra izay tonga sy mihiakiaka, ny zavatra rehetra izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ny zavatra rehetra izay mandray tana an'ilay mpitory teny, no manana ny Fiainana Mandrakizay. Fa mino isika hoe raha manana ny Fiainana Mandrakizay ianareo, raha nanome anareo ny Fiainana Mandrakizay Andriamanitra, dia manana Azy mandrakizay ianareo. Hitanareo? Satria jereo. Raha tsy izany, dia hita ho mpampianatra sandoka iray Jesosy. Ao amin'ny Masindahy Jaona 5:24, hoy Izy hoe, “Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana Fiainana Mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fitsarana mihitsy, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana.” Ankehitriny, miadia hevitra Aminy. “Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy. . . Tsy misy olona mahay manatona Ahy raha tsy ny Ray no mitarika azy. (Manonona ny Soratra aho.) Izay rehetra manatona. . . Tsy misy olona mahay manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no mitarika azy aloha. Ary izay rehetra nomen'Ny Raiko Ahy no hanatona Ahy. (Hitanareo?) Ary izay rehetra manatona Ahy, dia Izaho no hanome azy ireo Fiainana Mandrakizay (Masindahy Jaona 6), ary hanangana azy amin'ny andro farany.” Izany ireo Teniny.

<sup>163</sup> Jereo ankehitriny. Raha te-hiverina ao amin'ny Efesiana ny toko faha-1 aho, Paoly no mitory teny. . . Ankehitriny, ireo Korintiana, ny tsirairay avy dia nanana fiteny tsy fantatra iray sy salamo iray. Mahamarika ianareo fa tsy nanana an'io olana io ireo fiangonana hafa. Tsy nilaza na inona na inona momba an'izany izy. Efa mba niresaka fiteny tsy fantatra ve izy na taiza na taiza tao amin'ilay fiangonana Efesiana, ilay fiangonana Romana? Tsia! Nanana fiteny tsy fantatra sy ny zavatra rehetra tahaka ny nananan'ireo Korintiana mihitsy izy ireo, saingy napetrak'izy ireo tao amin'ny lamina izany. Tsy afaka nanao an'izany tao amin'ny lamina mihitsy ireo Korintiana. Hitanareo? Fa nandeha tany i Paoly ary nametraka an'ilay fiangonana tao amin'ny lamina.

Ankehitriny, izy. . . Mino aho, tahaka ny lazain'i Oral Roberts hoe, “Andriamanitra dia Andriamanitra tsara iray.” Tsy mino an'izany ve ianareo?

<sup>164</sup> Dia hoy ianareo hoe, “Eny, ahoana ny amin'ireo Pentekotista miaraka amin'ny fiteny tsy fantatra raha izany, Rahalahy Branham?” Heveriko fa nanana ny Fanahy Masina izy ireo. Azo antoka fa nanana izy ireo. Eny ary, nahoana? Jereo. Mino ve

ianareo fa Andriamanitra tsara iray Izy? Hoy i Tomasy indray andro hoe, “Fantatrao, Tompo . . .”

Ny sisa rehetra tamin’izy ireo dia nino Azy. Hoy izy ireo, “Oh, fantatray fa tena misy Izy!”

“Oh,” hoy i Tomasy, “tsia, tsia, tsy mino an’izany aho. Ny fomba tokana hinoako an’izany, dia tsy maintsy manana profo iray aho. Hametaka ny rantsan-tànako eo amin’ny Lanivohony aho ary eo amin’ny diam-pantsika eo amin’ny Tànany.”

Andriamanitra tsara iray Izy. Hoy Izy hoe, “Avia, ry Tomasy. Eo ianao izao.”

“Oh,” hoy i Tomasy, “ankehitryny dia mino aho.”

165 Hoy Izy hoe, “Eny, ry Tomasy, rehefa avy nahita Ahy ianao, sy nahatsapa Ahy, ary nametraka ny Tànako . . . ny tanaanao teo amin’ny Lanivohoko, dia mino ianao. Fa lehibe toy ny ahoana ny valim-pitian’ireo izay tsy nahita mihitsy nefa mino.” Andriamanitra tsara iray Izy. Izy dia manome anareo ny fanirian’ny fonareo, mazava ho azy. Ndao isika hino Azy fotsiny. Izany ilay—izany ilay—izany ilay fahafatesana namely an’i Satana. Rehefa mandray an’Andriamanitra amin’Ny Teniny ny olona iray, rahalahy, dia izany no hamono an’i Satana foana. Izany ilay famelezana mafy indrindra azon’i Satana raisina, rehefa handray an’Andriamanitra amin’Ny Teniny ny olona iray. Eny, tompoko. Araka ny nolazaiko hoe, “Tsy ny mofo ihany no hiveloman’ny olona (Jesosy, indray hariva), fa ny Teny rehetra izay aloaky ny . . .”

166 Ankehitryny, mariho ity. Ankehitryny dia hanomboka an’ily andininy voalohany aho:

*Koa aoka hilaozantsika ny abidim-pianarana ny amin’i Kristy, fa aoka isika handroso ho amin’ny fahatanterahana; . . .* (Ankehitryny, ny zavatra voalohany tiako ho fantatrarao: iza no iresahan’i Paoly eto? Hebreo. Hoy izy ireo hoe, “Hebreo,” eo amin’ny tampony, ny Bokin’ny Hebreo. Marina ve izany? Ireo Jiosy izay nandà an’i Jesosy . . . Afaka ve ianareo—azonareo ve ilay izy ankehitryny? Miresaka amin’ireo Jiosy izy, maneho amin’izy ireo an’ily aloky ny lalàna ho tandindon’i Kristy. Ny zavatra taloha rehetra dia tandindon’ny vaovao. Diniho ankehitryny.)

*. . . hilaozantsika ny abidim-pianarana ny amin’i Kristy, fa aoka isika handroso ho amin’ny fahatanterahana; . . .*

167 Ankehitryny, niresaka tamin’izy ireo mikasika ny foto-pampianarana izy. Aoka isika handroso ary hiresaka mikasika an’ireo zavatra tanteraka. Ankehitryny, tanteraka ao amin’Andriamanitra ianareo rehefa vita tombokase tamin’ny Fanahy Masina *hatramin’ny* andro fanavotana anareo. “Izay

naterak'Andriamanitra (Jaona Voalohany) dia tsy manota; satria tsy mahay manota izy, fa ny Voan'Andriamanitra no mitoetra ao aminy.”

168 Ny olona iray izay feno ny Fanahy Masina, tsy hoe mihevitra fa feno izy, fa izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra dia tsy manota, satria ny Voan'Andriamanitra no ao aminy, ka tsy mahay manota izy. Hitanareo? Milaza an'izany ve ny Baiboly? Noho izany dia io ilay izy. Ianareo dia . . . Tsy hoe izay ataonareo, inona, hoe inona, tsy izay iheveran'izao tontolo izao anareo, ilay izy dia izay iheveran'Andriamanitra anareo. Hitanareo, hitanareo? Tsy afaka ianareo . . . Ahoana no ahafahako mahazo baiko iray voasoratra ny ben'ny tana, hoe afaka mandeha efapolo maily isan'ora aho manerana ny tana, nefa hisy polisy iray hampijanona ahy? Tsy afaka aho. Ahoana no ahafahako manota nefa misy fanatitra ra iray tsy ankitsahatra eo anatrehan'Andriamanitra, izay tsy Ahafahany mahita ahy akory aza; nefa misy arom-pifandonana iray eo amin'ny—eo amin'ny . . . eo anatrehako sy Andriamanitra, ampingan-dRa iray? Fa maty isika, ary ny fiainantsika dia miafina ao amin'i Kristy amin'ny alalan'Andriamanitra, voaisy tombokase tamin'ny Fanahy Masina. Ahoana marina moa no ahafahanareo hanao zavatra ratsy iray eo imason'Andriamanitra? “Raha minia manota isika (Hebreo 10) rehefa avy nandray ny fahalalana ny Fahamarinana, dia tsy misy fanatitra ho an'ny ota intsony.” Ato anatin'ny ato dia tsy azo atao (hitanareo?) ny minia manota.

169 Ankehitriny, ndao isika handroso ary hamaky. Eny àry.

*. . . fahatanterahana; tsy hanao fanorenana indray an'ny—an'ny fibebahana hahafahana amin'ireo asa maty, sy . . . finoana momba an'Andriamanitra,*

*Amin'ny fampianarana ny batisa, . . . fametrahan-tana, sy amin'ny fitsanganana amin'ny maty, ary . . . fitsarana mandrakizay.*

*Ary izany . . . no ataontsika, raha avelan'Andriamanitra.*

(Ankehitriny dia eto no tian'izy ireo hanombohana, manomboka amin'ny andininy faha-4.) *Fa tsy azo atao ho an'ireo . . . efa nohazavaina indray mandeha, sy efa nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra, ary efa natao ho mpandray anjara amin'ny Fanahy Masina,*

*Ary efa nanandrana ny teny tsaran'Andriamanitra, sy ny herin'ny fiainana ho avy,*

*Raha hihemotra izy ireo, ny hanavao—hanavao azy ireo indray ho amin'ny fibebahana; satria manombo amin'ny tenany ny Zanak'Andriamanitra indray izy ireo, ary mametraka azy ao amin'ny henatra miharihary.*



170 Ankehitriny, ankehitriny, izany dia toy ny hoe, avy amin'ny fomba amakianareo azy eto, hoe afaka mahazo ny Fanahy Masina ny olona iray, ary miverin-dàlana avy eo dia ho very. Fa tsy azo atao aminy ny manao an'izany. Hitanareo? Tsy afaka manao an'izany izy. Raha nanao izy, dia nandainga Kristy. Hitanareo? Tsy azo atao izany ho an'ireo efa nohazavaina indray mandeha. Ankehitriny, diniho eto. Iza no iresahany? Miresaka amin'ireo Jiosy mpanara-tsisiny izy. Tsy nilaza mihitsy izy hoe olona iray izay feno ny Fanahy Masina; hoy izy hoe, "Raha efa nanandrana ny Tenin'Andriamanitra izy."

171 Ankehitriny, mamelà ahy hanome azy ao anatin'ny fanoharana iray fotsiny, mba hahitanareo sy tsy ho diso an'izany ankehitriny. Ankehitriny, manoratra ho an'ireo Jiosy ireo izy. Ny sasany amin'izy ireo dia mpino mpanara-tsisiny. Hitanareo? Hoy izy hoe, "Ankehitriny, hilaozantsika ireo asa ireo ka handroso hiresaka mikasika ny fahatanterahana." Hoy izy, "Ankehitriny, miresaka ny amin'ny batisa isika, sy ny fitsanganana amin'ny maty, ary ny fametrahan-tànana, sy ny sisa; fa ndao isika handroso ankehitriny hiresaka mikasika ny fahatanterahana. Ankehitriny, hiresaka isika mikasika ny hoe rehefa miditra ao amin'ny Fanahy Masina ianareo. Ankehitriny, efa ela no nanarahanareo ny fivoriana . . ."

172 Ary efa hitanareo ireo olona ireo. Hijanona eo izy ireo; tsy hiditra izy ireo na hivoaka. Mankasitraka ny Fanahy Masina izy ireo. Ho tonga eo izy ireo. Ary angamba hanao zavatra iray ny Fanahy Masina ka, ireo olona, hitsangana izy ireo sady hikiakiaka, sy hitsambikina ambony sy ambany eo amin'ny gorodona mikasika an'izany, nefa tsy tian'izy ireo mihitsy ny handray an'izany ho an'ny tenany. Tsia, tsia! Hitanareo? Dia hilaza izy ireo hoe, "Oh, eny, tsara izany. Oh, tsy mahafantatra ny mikasika an'izany aho ankehitriny." Hitanareo, hitanareo, hitanareo? Mpino mpanara-tsisiny. Tena efa akaiky mba ahafahan'izy ireo hanandrana an'izany, saingy mbola tsy mandray an'izany izy ireo. Hitanareo? Ankehitriny, efa ela loatra no nanarahan'izy ireo tahaka an'izany hany ka afaka kelikely dia lasa nivily tanteraka izy ireo. Afaka manonona ny anaran'ny maro izay tato amin'ny tabernakla aho, izay nanao an'ilay zavatra iray ihany. Lavo tanteraka indray, ny hanavao ny tenany ho amin'ny fibebahana, dia tsy misy intsony ny fibebahana ho azy ireo. Nampalahelo ny Fanahy fotsiny izy ireo hanalavitra azy ireo. Efa tena akaiky izy ireo hany ka . . .

173 Eto, raha hamadika miaraka amiko ianareo (tsy manana fotoana ianareo, fantatro, ankehitriny) fa raha hamadika ao amin'ny Deuteronomia ny toko faha-1 ianareo ka hamaky an'izany, dia hahita an'ilay zavatra iray ihany. Raiso naoty izany ankehitriny, Deuteronomia ny toko faha-1. Ankehitriny, ary manomboha amin'ny andininy faha-19 dia vakio hatrany amin'ny faha-26. Deuteronomia . . . Hahita ianareo . . . Jereo

ankehitriny. Ny Isiraely rehetra . . . Izay nataon'ireo olona ireo, tonga tao Kadesy-barnea izy ireo. Oh, mahita zavatra iray aho! Ity tabernakla ity, ity tontolo Pentekotista ity dia ao Kadesy-barnea izao ankehitriny izao. Tena marina tokoa izany, Rahalahy Neville. Ao Kadesy-barnea isika izao, ilay sezam-pitsarana an'izao tontolo izao (izany no sezam-pitsarana).

<sup>174</sup> Ary nivoaka ireo mpisafo tany. Hoy Josoa eto hoe, “Ankehitriny, naniraka an'ireo mpisafo tany aho,” na Mosesy, raha ny marina, “naniraka an'ireo mpisafo tany aho, roa ambin'ny folo, iray amin'ny, lehilahy iray avy amin'ny tsirairay avy amin'ny fokonareo. Naniraka azy ireo aho hisafo an'ilay tany ka hiverina hanao tatitra.” Marina ve izany?

Ary rehefa niverina izy ireo, dia nisy sivy tamin'ny roa ambin'ny folo nanao hoe, “Oh, tany tsara iray ilay izy, saingy oh, mamindrà fo, tsy afaka maka azy isika. Oh, oadray! Ao ireo Amorita, ary toy ny tsingetana isika eo anilan'izy ireo. Lehilahy mitam-piadiana izy ireo. Goavana ny rindrin'izy ireo. Oh, ilay izy tena . . . nahoana, maniry aho ny mba nahafatesanay tany Egypta tany toy izay nentinao teto izahay.”

<sup>175</sup> Fa, nitsangana teo i Kaleba antitra kely sy Josoa ka nampangiana azy ireo; nanao hoe, “Mahay mihoatra lavitra isika haka azy.” Eny, tompoko! Izany ilay anankiray. Jereo ankehitriny. Inona no nitranga? Fantatr'i Kaleba sy Josoa fa Andriamanitra no nanome ny teny fikasana ho an'izany: “Tsy ahoako na goavana toy ny ahoana aza ilay izy, na sakana firy no misy, na lava toy ny ahoana aza izy ireo, na lehibe toy ahoana aza izy ireo, tsy misy idiran'izany. Andriamanitra no niteny an'izany, ka afaka maka azy isika.” Ary fantatrareo ve fa olona roa fotsiny ihany izy no, avy tao amin'io roa tapitrisa sy sasany io, no hany niampita niditra tao amin'ilay tany? Satria nihazona ny finoany tao amin'izay nolazain'Andriamanitra ho ny Fahamarinana izy ireo. Amena!

<sup>176</sup> Ny tabernakla, izao ankehitriny izao, dia mitsangana ao Kadesy-barnea. Jereo, ireo olona dia tena akaiky hany ka nanandrana an'ireo voaloboka avy tao amin'ilay tany mihitsy aza izy ireo. Nihinana an'ireo voaloboka izy ireo. Rehefa nandeha tany i Kaleba sy izy ireo ka nitondra an'ireo voaloboka niverina, dia naka sasantsasany ireo olona ireo ka nihinana azy ireo. “Oh, tsara izy ireo, saingy tsy afaka manao an'ilay izy isika.” “Ireo izay nanandrana an'ilay asa tsaran'Andriamanitra, efa nanandrana ny Fanahy Masina, efa nahita ny fahatsaran'Izany, nanandrana an'Izany, efa nanandrana ny Tenin'Andriamanitra. . .” Hitanareo ve izany? Tsy nisy na ny iray tamin'ireo lehilahy ireo aza, tsy nisy iray tamin'izy ireo mba navela hiditra. Levona tao amin'ireo taniny manokana izy ireo, tao amin'ny an-efitra eto io. Tsy niditra mihitsy izy ireo, kanefa dia tena akaiky mba hanandrana

an'Izany, fa tsy ampy fahasoavana sy finoana haka Azy. Izay ilay izy.

<sup>177</sup> Ankehitriny. Henoy ankehitriny ity olona malala izay nanoratra an'ity taratasy ity. Ndao isika hamaky mihitsy an'ilay andininy manaraka. Diniho iray minitra fotsiny. Diniho i Paoly. Ndao isika ankehitriny hamaky ny faha-7:

*Fa izay tany . . . mifoka ny ranonorana izay milatsaka aminy matetika, ka maniry anana fihinana ho an'ireo iasana azy, dia mahazo fitahiana avy amin'Andriamanitra:*

*Fa izay maniry tsilo sy songosongo kosa dia lavina, sady akaikin'ny ozona; ary ny fiafarany dia ny ho dorana.*

<sup>178</sup> Ankehitriny, hitanareo ve izay lazainy? Diniho ankehitriny. Misy an'ity fanontaniana ity eto; ankehitriny, ary avy eo dia hamarana isika . . . Ity zavatra ity dia toy ny hoe namono ahy nandritry ny taona maro.

<sup>179</sup> Nandeha tany amin'ny fivoriana iray aho indray mandeha izay nisy olona niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra tany Mishawaka, Indiana. Ankehitriny, eo anatrehan'ny vahoakako manokana aho. Efa nandre an'ireo olona ireo ianareo . . . nandre ahy niteny ny tantaram-piainako, ary mikasika ny lehilahy mainty hoditra iray izay nanao hoe, "Indro izy. Indro izy." Ankehitriny, efa niteny an'izany aho.

<sup>180</sup> Fa ny ambin'izany dia: nahita lehilahy roa aho. Izy ireo dia . . . Ny iray nanome hafatra iray, ilay anankiray hafa nandika an'izany. Ilay iray hafa dia nanome hafatra iray, ary ilay anankiray hafa nandika an'izany. Ary rahalahy, marina izy ireo. Izao fotsiny . . . Nieritreritra aho hoe, "Mamindrà fo! Tsy mbola nahita zavatra tahaka an'izany mihitsy aho." Hoy aho hoe, "Eo anivon'ireo anjely no misy ahy." Nieritreritra aho, tsy mbola nahita zavatra mihitsy aho . . . Ny anankiray niteny, ary ilay iray hafa . . .

<sup>181</sup> Ary nipetraka teny aoriana aho, amin'ny maha-mpitory teny antitra kely, ianareo . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . lehilahy roa matetika ary mandray ny tânany. Tsy mbola nahita lehilahy tahaka an'izany mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Niteny hafatra iray izy ireo, ary ilay iray hafa nandika an'izany. Ary oadray, oadray! Nahafinaritra izany! Ny iray, niteny ary ilay anankiray hafa nandika. Izy roa . . . Ary nivadika tsaoka fotsy mihitsy izy ireo rehefa nanangana ny tânany. Nieritreritra aho hoe, "Oh oadray, oadray, taiza àry aho teo amin'ny fiainako rehetra. Ity ilay zavatra!" Hoy aho hoe, "Oadray, marina ny an'ireo Pentekotista." Tena marina tokoa izany.

<sup>182</sup> Tsy mbola nahita betsaka aho afa-tsy izay nisy teto amin'ny manodidina teto fotsiny, izany ny . . . Angamba vehivavy roa niaraka tamin'ny misiona tany ho any. Ary nifamaly izy ireo;

ary ny iray niantso an'ilay anankiray hafa hoe, “fihantonampapango,” ary, fantatrareo, tahaka an'izany fotsiny, karazana fifamaliana. Tsy hoe tsy fanajana an'ireo vehivavy ankehitriny na inona na inona, fa izao fotsiny . . . Izany—izany dia toa mihena ambany. Raha misy aminareo . . . Tsaroanao, Rahalahy Graham. Zazalahy kely iray fotsiny ianao tamin'izany fotoana izany. Ary noho izany, dia tahaka an'izany ilay izy.

Ary nihaino an'izany aho, dia nieritreritra hoe, “Oh, oadray, nandona anjely aho.”

<sup>183</sup> Indray andro rehefa tonga teo an-joron'ilay trano, teo amin'ny andro faharoa, dia nihaona tamin'ny iray tamin'ireo lehilahy aho. Hoy aho hoe, “Manao ahoana ianao, Tompoko?”

Hoy izy hoe, “Manao ahoana ianao?” Hoy izy hoe, “Ianao ve. . . Iza no anaranao?”

Ary hoy aho hoe, “Branham.”

Hoy izy hoe, “Avy aiza ianao? Eto?”

Ary hoy aho hoe, “Tsia, avy any Jeffersonville aho.”

Hoy izy hoe, “Eny, tsara izany. Pentekotista ve ianao?”

Hoy aho hoe, “Tsia, tompoko, tsy izy aho.” Hoy aho hoe, “Tsy manaiky ny Pentekotista fotsiny aho amin'ny fomba fandraisana ny Fanahy Masina,” hoy aho, “na izany aza,” hoy aho, “dia eto aho mba hianatra.”

<sup>184</sup> Hoy izy hoe, “Eny, tena tsara mihitsy izany.” Ary niresaka taminy aho, nahazo ny fanahiny (tahaka an'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana), tena Kristiana iray izy. Rahalahy, ny tiako ho lazaina dia hoe tena mifikitra tsara izy. Tsara izy. Ankehitriny, ianareo rehetra . . . Firy no tao amin'ireo fivoriako ka nahita an'ireo zavatra nitranga? Hitanareo? Ary ilay lehilahy dia tena tsara tanteraka tokoa. Koa noho izany, izaho—nieritreritra aho hoe, “Izay! Oadray, mahafinaritra toy ny ahoana!”

<sup>185</sup> Saiky tamin'io hariva io, teo amin'ny tolakandro teo, dia nihaona tamin'ilay iray hafa aho. Hoy aho hoe, “Manao ahoana ianao, Tompoko?”

Hoy izy hoe, “Manao ahoana ianao? Iza no anaranao?” Dia noteneniko taminy. Ary hoy izy hoe, “Manana . . . Ianao ve—Pentekotista iray ve ianao?”

Hoy aho hoe, “Tsia, tompoko, tsy dia Pentekotista loatra, tsy mihevitra aho.” Hoy aho hoe, “Eto fotsiny aho mba hianatra.”

Hoy izy, hoy aho, hoy izy hoe, “Efa mba manana ny Fanahy Masina ve ianao?”

Hoy aho hoe, “Izaho—tsy mahafantatra aho.” Hoy aho hoe, “Arak'izay ananareo rehetra, dia ataoko fa tsy manana aho.”

Ary hoy izy hoe, “Efa mba niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra?” Hoy aho hoe, “Tsia, tompoko!”

Hoy izy hoe, “Noho izany dia tsy nanana Azy ianao.”

<sup>186</sup> Ary hoy aho hoe, “Eny, izaho—mihevitra aho fa marina izany.” Hoy aho hoe, “Tsy fantatro. Efa nitory teny teo amin’ny roa taona teo aho, na latsaka,” ary hoy aho hoe, “tsy mahafantatra betsaka loatra mikasika an’Izany aho.” Hoy aho hoe, “Angamba tsy fantatro.” Hoy aho hoe, “Tsy mety azoko . . .” Satria inona, niezaka nihazona azy teo aho (hitanareo?), mba hahazo an’ily izy. Ary rehefa nihazona aho, raha hany nihaona tamin’ny mpihatsaravelatsihy iray aho, dia io no anankiray amin’izy ireo. Ny vadiny dia mainty volo; nefa izy niaina niaraka tamin’ny vehivavy mena volo iray, nanan-janaka roa taminy; nefa niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra, nandika an’izany tena tanteraka tokoa arak’izay naha-izy azy. Dia hoy aho hoe, “Ankehitriny, Tompo, tafiditra tao anatin’ny inona aho?” Avy amin’ny anjely, dia tsy fantatro hoe niditra tao anatin’ny inona aho. Hoy aho hoe, “Izaho—izaho—mpanara-pototra aho; izany dia tsy maintsy ho ny Baiboly. Izany no tsy maintsy ho marina. Misy zavatra tsy mety any ho any, Tompo. Ahoana no hampety an’izany?”

<sup>187</sup> Nandeha tao amin’ny fivoriana aho io hariva io, ary nirotsaka ny Fanahy; ary rahalahy, afaka nahatsapa Azy ianareo, hoe Izany no Fanahy Masina. Eny, tompoko! Raha tsy Izy izany, nanambara niaraka tamin’ny fanahiko Izy fa Izany no Fanahy Masina. Ary mpitory teny tanora iray fotsiny aho, ka tsy nahafantatra hoe ahoana, betsaka mikasika ny famantarana ny fanahy. Fa nipetraka teo aho. Ary fantatro fa ilay tena Andriamanitra izay namonjy ahy mihitsy, izany ilay fihetseham-po iray ihany . . . Tsapako toy ny hoe handeha eo amin’ily tafo aho, tena fihetseham-po nahafinaritra iray izany tao amin’io tranobe io. Dia nieritreritra aho . . .

<sup>188</sup> Teo amin’ny dimanjato sy arivo teo no tao. Ary nieritreritra aho hoe, “Oadray, oh oadray!” Andiany roa na telo tamin’izy ireo no niara-nivory. Dia nieritreritra aho hoe, “Hono ho’aho, oadray! Ahoana no hampety an’izany? Ankehitriny, ilay Fanahy lehibe ato amin’ity tranobe ity dia nirotsaka tahaka an’izany; nefa indro, jereo io miseho eto io, ireo zalaha niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra, nandika, nanome hafatra tanteraka tokoa—nefa mpihatsaravelatsihy ny iray tamin’izy ireo ary tena lehilahin’Andriamanitra ny anankiray hafa.” Dia nieritreritra aho hoe, “Ankehitriny, misavoritaka tanteraka aho. Tsy fantatro izay hatao.”

<sup>189</sup> Eny, taorian’izany avy hatrany, ny sakaizako tsara iray, Rahalahy Davis (fantatrareo), dia nanomboka nilaza fa saribakoly iray aho. Izany hoe kilalaon-jazavavy iray, fantatrareo. Ary noho izany, tokan-tena aho, ary noho izany aho . . . Nanomboka nanadala ahy izy, ary avy eo dia nanohy, somary nanorisory ahy.

<sup>190</sup> Ary izahay dia nanana kely...Ary ny reninareo sy isika rehetra dia nanana an'ireo fivoriana kely nanerana ny toerana samihafa. Ny tabernakla dia tsy—tsy mbola niasa tamin'izany fotoana izany, ary nanana an'ireo fivoriana kely tamin'ny toerana samihafa isika. Ary farany indray andro, rehefa voaorina ny tabernakla, taona maro taty aoriana, dia nandeha tany Green's Mill aho nankao amin'ny zohiko mba hivavaka, satria Rahalahy Davis dia nilaza zavatra nampahatahotra mikasika ahy tao amin'ilay—tao—tao amin'ny gazetiny. Tiako izy. Tsy nila na inona na inona hitranga aho, ary izaho—nandeha tany aho mba hivavaka ho azy. Ary nandeha tany aho, ka niditra tao anatin'ilay zohy. Dia nipetraka tao aho teo amin'ny roa andro teo. Ary hoy aho hoe, "Tampo, mamelà azy. Izy—tsy fanahy iniany—tsy fanahy iniany izany." Dia nieritreritra aho hoe, "Fantatrao..." Sendra nieritreritra Soratra iray fotsiny aho.

<sup>191</sup> Dia nivoaka aho. Ary nisy vatan-kazo iray teo (mbola mipetraka ao foana io vatan-kazo io, teo ambonin'io aho teto vao tsy ela akory izay) nianjera avy teo an-tendrombohitra ary nipetraka nitsivalana teo amin'ny lâlana kely iray izay avy any amin'ilay rian-drano. Dia nosabakaiko fotsiny ilay vatan-kazo, nijery nanerana an'ireo tendrombohitra lavitra—lavitra teo, ary nametraka ny Baiboliko tahaka an'izao. Nieritreritra aho hoe, "Fantatrao..." Nieritreritra Soratra iray aho hoe: "Ilay mpandrendrim-by, nanao ratsy betsaka ahy izy, ary nilaza zavatra." Fantatrareo...Nieritreritra aho hoe, "Mino aho fa hamaky an'izany fotsiny." Nosokafako ny Baiboliko, dia hoy aho hoe, "Eny..." Nofafako ny tavako, ary nitsoka ny rivotra, dia nivadika tao amin'ny Hebreo 6 izany. "Eny," hoy aho hoe, "tsy ity ilay misy azy." Ary naveriko napetraka tahaka an'izao Izy. Dia nitsoka indray ny rivotra ka namadika Azy indray. Dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, hafahafa izany, ilay rivotra no namerina azy tahaka an'izao." Noho izany dia nieritreritra aho hoe, "Eny, mino aho fa hovakiako izany." Dia izao no voalaza:

*Fa tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha...natao ho mpandray anjara amin'ny Fanahy Masina, ka nanandrana ny... Tenin'Andriamanitra, sy ny zavatra ny fiainana ho avy.*

Nieritreritra aho hoe, "Eny, tsy mahita na inona na inona amin'izany aho." Nanohy namaky nidina, ny ambin'ilay toko. Tsy nisy na inona na inona tao amin'izany. Hoy aho hoe, "Eny, izany dia—izany no mampilamina an'ity ho an'io." Ary izaho—nahita an'ilay izy tahaka an'izany aho, ary niverina indray izany. Dia noraisiko Izy, ary nieritreritra aho hoe, "Eny, inona izany?" Nanohy namaky azy aho, dia namaky azy, dia namaky azy, hoy aho hoe, "Eny, tsy mety azoko." Avy eo dia nanohy aho...Ary nanohy namaky nidina:

*... dia tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, ...*

Izany dia tonga teo amin'ity toerana iray eto ity izay nilazana hoe:

*Fa izay tany... mifoka ny ranonorana izay milatsaka aminy matetika, mba haniry anana fihinana ho an'ireo iasana azy, dia mahazo fitahiana avy amin'Andriamanitra:*

*Fa izay maniry tsilo sy songosongo kosa dia lavina, sady... akaikin'ny ozona; ary ny fitsarana azy dia ny ho dorana.*

<sup>192</sup> Hoy aho hoe, “Manontany aho hoe inona no dikan'izany?” Izaho fotsiny dia... Ankehitriny, tsy nieritreritra na inona na inona aho tany. Nieritreritra an'izany fotsiny. Ary tamin'izay fotoana izay indrindra raha nipetraka teo aho, dia nihevitra fa hanome ahy fahitana iray mikasika an-dRahalahy Davis sy izy ireo ny Tompo teo. Koa nipetraka teo aho; nijery, ary nahita zavatra iray nihodinkodina teo ampitan'ilay lempona teo anoloako. Ary tany mihodina iray izany. Ary hitako fa potipotika tanteraka ilay izy, toy ny hoe voaasa tanteraka mihitsy. Ary nanatona ny Lehilahy iray niaraka tamin'ny—ny—ny zavatra goavana be iray feno voa teo Anoloany, ary nanipy an'ilay voa nanerana ny tany rehetra Izy arakaraky ny Nandehanany. Ary nandeha nihodina an'ilay faravodilanitry ny tany Izy, ary nivoaka tsy tazan'ny masoko Izy. Ary vantany vao nivoaka tsy tazan'ny masoko Izy, dia indro tonga ny lehilahy iray tena mpitsaitsaika, niakanjo fitafiana mainty, nandeha nanodidina tahaka an'izao, nandeha, fioo, fioo, nanipy voa ratsy, fioo, fioo. Dia nandinika an'izany aho, ary satria nitohy nihodina ny tany...

<sup>193</sup> Afaka kelikely dia nitsangana ny vary. Ary rehefa nitsangana ny vary, dia nivoaka avy tao ireo songosongo, sy tsilotsilo, sy tsilo, sy laingo maimbo, ary nitsiry ny zavatra rehetra, fandrotrarana, ary nitsiry tao amin'ilay vary ny zavatra rehetra. Dia niara-nitombo izy rehetra. Koa indro tonga ny tena, hain-tany mafy, ka nanondrika ny lohany tahaka an'izao ilay vary kely, ary ilay songosongo kely, sy tsilotsilo, tsilo, nanondrika ny lohany izy ireo. Ny ahitra tsirairay dia izao fotsiny [Manao feo miahahanana iray Rahalahy Branham—Mpand.] miaina tahaka an'izany. Afaka nandre azy ireo mihitsy ianareo. Ary izy ireo dia niantso ranonorana, ranonorana.

<sup>194</sup> Ary afaka kelikely, tonga avy any ny rahona goavana be iray, ary nigorodana nidina ny rano. Ary rehefa nilatsaka teo izany, dia niharina ilay vary ary nanomboka nihorakoraka hoe, “Voninahitra, Haleloia, Deraina ny Tompo!” Niharina ilay laingo maimbo kely ka nihorakoraka hoe, “Voninahitra, Deraina

ny Tompo, Haleloia!” Ireo tsilo sy izy rehetra ireo, nandihy nanerana an'ilay saha rehetra nihorakoraka hoe, “Voninahitra, Haleloia, Deraina ny Tompo!”

Eny, hoy aho hoe, “Tsy mety azoko izany.”

<sup>195</sup> Niala tamiko ilay fahitana; tonga tamin'ity indray aho avy eo hoe: “Ireo songosongo dia akaikin'ny fandavana.” Tamin'izay fotoana izay dia azoko ilay izy. Hoy Jesosy hoe, “Ny ranonorana dia milatsaka eo amin'ny marina sy ny tsy marina.” Afaka mipetraka ao amin'ny fivoriana ny olona iray, afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, afaka mihiakiaka ary manao mihitsy tahaka ny sisa amin'izy ireo miaraka amin'ny Fanahy Masina tena izy nefa mbola tsy ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra foana. Tena marina tokoa izany. Tsy nilaza ve Jesosy hoe, “Maro no hitsangana amin'izany andro izany ka hanao hoe, “Tampo, tsy efa nandroaka devoly tamin'Ny Anaranao ve aho; tsy efa naminany (nitory teny) tamin'Ny Anaranao ve aho; tsy efa nanao asa mahery maro tamin'Ny Anaranao ve aho?”” Hoy Jesosy hoe, “Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka, tsy nahafantatra anareo akory aza Aho.” Ahoana ny amin'izany?

<sup>196</sup> Ity marina tokoa no dikan'izany eto. Hitanareo? Nanandrana an'ilay ranonorana tsara avy tany An-danitra izy ireo. Saingy teo am-panombohana, dia efa diso izy ireo. Teo am-panombohana dia efa tsy tsara ny tanjon'izy ireo; tsy tsara ny anton'izy ireo. Fa, tsy afaka miteny ianareo. Ny . . . Fantatrareo, tao amin'ilay fijinjana dia hoy izy hoe, “Handeha ve aho ka hanongotra azy rehetra ireo?”

<sup>197</sup> Hoy Izy hoe, “Avelao izy ireo hiara-haniry, fa amin'izany andro izany ireo tsilo sy tsilotsilo ireo dia hiaraka hodorana, fa ny vary no handeha ho any an-tsompitra.” Ankehitriny, ahoana no hahafantaranareo hoe iza no tsilo iray, na iza no tsilotsilo iray, na iza no vary iray? “Ny voany no hahafantaranareo azy ireo.” Hitanareo, rahalahy, ranabavy, tsy afaka mamokatra voa ratsy ny hazo tsara iray. Tsy mampaninona, fa any ho any eny andalana, dia hahatratra anareo izany. Noho izany, ianareo eo am-pitadiavana ny batisan'ny Fanahy Masina . . . Faly aho amin'izay nanoratra an'ity. Hitanareo?

<sup>198</sup> Ankehitriny, ireo mpino mpanara-tsisiny teo ireo, niaraka tamin'ireo mihitsy izy ireo. Voafora tamin'ny famorany izy ireo. Nandeha tany amin'ilay tany izay nampanantenain'Andriamanitra mihitsy izy ireo, teo amin'ilay sisin'izany mihitsy. Maro ny olona tonga teo amin'io sisiny io. Handeha hatrany amin'ny batisan'ny Fanahy Masina mihitsy izy nefa handà an'ilay izy. Tsy te-hamoy an'izany izy. Handeha hatrany amin'ny batisa ara-tSoratra amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy mihitsy izy, nefa hanatodika ny lamosiny, ary handà an'izany mba hiala tsy hijery azy.



199 Tsy misy Soratra iray ao amin'ny Baiboly manontolo izay nisy olona iray mba natao batisa tamin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina, tsy misy Soratra iray. Ny fiangonana Katolika no nanomboka an'izany, niditra tao amin'i Luther, nidina tao amin'i Wesley, ary notaritina hatreto. Tena marina tokoa izany. Fa ny fitsipika ara-tSoratra dia amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Izany no batisa apostolika. Tsy afaka manao an'izany ianareo nefa hijanona ao amin'ny anaram-piangonana iray. Marina izany.

200 Ankehitriny, hitanareo ve ireo zavatra ireo? Ny batisan'ny Fanahy Masina, ireo fanomezan'ny Fanahy, ireo zavatra izay vokarin'Andriamanitra . . . Ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fahari-po (oh, hoy ianareo hoe, “Fa Rahalahy Branham, isaorana Andriamanitra, mahari-po aho.” Toy ny hoe tahaka an'izany ilay izy. Nandeha nankany Ohio aho teto vao tsy ela akory izay, ary nisy olona anankiray nanontany ahy, nanoratra taratasy iray teto ary nanontany ahy raha nanao batisa olona tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho. Tsy nilaza teny iray mihitsy aho. Fa hitan'izy ireo izany na ahoana na ahoana, ary mpitoriteny enina ambin'ny folo niara-niasa no nisintaka. Izany ve ilay fahari-po sa tsy izany!)—fahari-po, fanaovan-tsoa, fahalemempahy, fahamoram-panahy, faharetana, ary ny Fanahy Masina. Hitanareo?

201 Oh, rahalahy, ranabavy, isika dia—ao Kadesy-barnea isika. Manandrana ianareo ankehitriny. Nilatsaka tamintsika ny Fanahy Masina omaly hariva, niditra ao amintsika, niditra tahaka ny rivotra nifofofoto. Nipetraka teo amin'ny maro taminareo Izany. Androany dia nitsidika tokantrano ireo mpitoriteny teto sy tetsy, nametra-tànana ary nivavaka ho an'ireo izay nitady ny Fanahy Masina. Aza maka mpisololo iray ianareo. Aza maka karazana tabataba iray ianareo. Aza maka karazana fahatsapana iray ianareo. Miandrasa mandra-pandasitr'Andriamanitra anareo sy hanao anareo ho olom-baovao iray, hanao anareo ho olona vaovao iray. Manandrana Azy ianareo ankehitriny, manandrana Azy fotsiny, fa aoka ilay Voromailala no hitarika anareo avy hatrany eo amin'ilay latabatra, ka—ka hiara-hipetraka ny Zanak'ondry sy ny Voromailala, ary hisakafo mandrakizay eo amin'ny Tenin'Andriamanitra. Fa haharitra Izany rehefa tsy misy intsony ny lanitra sy ny tany; ny Tenin'Andriamanitra dia haharitra. Marina izany.

202 Azafady aza mihevitra hoe mpifikitra aho. Raha efa izany aho, dia tsy fanahy iniako ny ho izany. Raha izaho . . . Manantena aho fa nahavaly an'ireo fanontaniana ireo; nahavaly aho, ny tsara indrindra amin'ny fahalalako.

203 Ary noho izany, ao amin'ny Hebreo 6, raha hijery ianareo, dia i Paoly no miresaka amin'ireo Hebreo izay nanao hoe, “Eny, handeha hiaraka aminareo hatreto izahay.” Ho avy izy ireo.

Hitanareo? Hoy izy, “Ankehitriny, ianareo dia...” Ireo izay tonga ka efa nanandrana.

<sup>204</sup> Sendra nijery mihitsy ny tery aoriana ato amin'ny tranobe aho. Mba haneho aminareo ny porofon'ny Andriamanitra Velona iray. Manantena aho fa tsy manao an'izao ho fiderana olona. Avy tany amin'ny fivoriana iray aho vao tsy ela akory izay, ary tonga teto, ka nilaza taminareo fa ny sakaiza tsara iray, sakaizako akaiky manokana, namana mpihaza iray, lehilahy izay efa tsara tamiko, lehilahy iray izay efa teto amin'ny fiangonako, sy efa rahalahiko; izaho no niantso azy hoe Busty. Ny anarany dia Everett Rodgers; nipetraka tany Milltown. Firy no mahatsiaro ahy tonga teo ka nilaza an'izany? Nandry tao amin'ny hopitaly teto izy; nandidy azy ireo dokotera, nanokatra azy, ary tena feno homamiadana izy ka nozairin'izy ireo fotsiny. Hoy izy ireo, “Hifintina avy hatrany izy; ao anatin'ny herinandro vitsy dia ho lasa izy; ho izay ihany ny ho amin'io. Ho vita izy, izay ihany.”

<sup>205</sup> Tsaroanareo ve hoe ahoana no nitsanganako teto amin'ny lampihazo, nivavaka ho azy? Nandeha tany aho ary niditra tao amin'ilay efitra, nisy zavatra nihinana tao amin'ny foko. Niditra tao amin'ilay efitra aho, ary vantany vao nanao ny olona rehetra hivoaka aho mba hahafahako... Nandry teo Rahalahy Everett. Ary hotsaroanareo izao. Niditra aho; hoy aho hoe, “Rahalahy—Rahalahy Busty.” (Izaho no niantso azy hoe Busty.)

<sup>206</sup> Efa ela rehefa nanao an'ireo fivoriana teo ambanin'ny rantsan-kazo isika tany, ireo Metodista rehetra dia teo ambonin'ilay havoana tany (Gertie, no iray amin'izy ireo), nitsofoka nanodidina, nangarangerana teo amin'ilay rantsamboaloboka mba hahita izay holazaiko, sy tahaka an'izany, natahotra hoe handroaka azy ireo ilay fiangonana Metodista. Fa avy eo, dia nandeha aho ka nahita fahitana iray teo, ary nahita hena voafatratra tanteraka tao anatin'ny vifotsy iray aho. Nahazo andian-trondro iray aho ary nofatorako izy ireo, nametraka—nametraka azy ireo teo amin'ireo tady ireo, ary nofatorako ireo tady. Koa rehefa nijery aho... Ary izany rehetra izany dia tao amin'ny fahitana iray; navelako—navelako nitsangana tao ambanin'ilay rantsan-kazo ny andian'olona iray tamin'io hariva io ary niakatra teny an-tampon'ilay havoana aho tao amin-dry Rahalahy Wright. Saingy tsy afaka nahita ahy akory aza izy ireo ny ampitso maraina. Hoy aho hoe, “Aoka tsy hisy iray aminareo...”

<sup>207</sup> Raha mbola nitsangana teo aho nitory teny, dia indro tonga io Hazavana io; io Andry Afo mihantona eto anoloako io mihitsy ka nanao hoe, “Mialà eto ary mandehana mankany anaty ala; hiresaka aminao Aho.” Io andro io ihany izany, ny ampitso rehefa nahita ahy teo ambonin'ilay havoana izy ireo. Ary tany aho; nafeniko tao anatin'ireo ahitra ny fiarako, ary tany ambonin'ny tendrombohitra iray aho nivavaka ny alina manontolo sy ny ampitso manontolo. Niakatra teo ny sasany tamin'izy ireo,

nahita an'ilay fiara ary niakatra teo. . . Izany ilay andro izay nandraisan-dRahalahy Graham Snelling, eto, ny Fanahy Masina sy ilay antso ho ao amin'ny asam-panompoana.

<sup>208</sup> Teo amin'ny ilan'ilay havoana izay nipetrahako teo, ary Izy—Izy dia niteny tamiko zavatra samihafa mba hatao sy ny fifandraisana izay nanananay niaraka. Nanome ahy fahitana iray Izy ny amin'ny nahitana an'ireo trondro nifatotra ireo, nanao hoe, “Ity no fiangonanao ao Milltown.”

Ary nidaraboka ny efatra na dimy tamin'izy ireo; dia hoy aho hoe, “Iza izany?”

Hoy Izy, “Ny iray amin'izy ireo dia i Guy Spencer sy ny vadiny. Ny anankiray hafa dia Spencer hafa iray any, sy ny azy ireo.” Ary niteny tamiko an'ireo olona samihafa Izy, izay hidaraboka.

<sup>209</sup> Niteny tamin'izy ireo aho; hoy aho hoe, “Aza misy mihinana ny iray aminareo.” Izaho sy ny vadiko dia tsy. . . Talohan'ny nivadianay izany; dia nandeha nody izy mba hijanona hiaraka amin-dRanabavy Spencer ny alina manontolo, vehivavy iray mahafinaritra. Lehilahy mahafinaritra, Guy Spencer dia tena tsara iray tahaka ny lehilahy iray mitsangana ao anaty kiraro hoditra. Ary izy—ary nandeha teo izy, ary hoy i Opal hoe, “Ankehitriny, jereo. . .” Tamin'i Meda, dia hoy izy hoe, “Ankehitriny, Meda, mino an-dRahalahy Bill aho.” Hoy izy hoe, “Saingy rehefa noana i Opal, dia tokony haka fen-kisoa sy atody izy.” Noho izany dia lasa tany izy, ary nanendy ny fen-kisoany sy ny atody, dia nipetraka mba hihinana azy ireo, ka nanomboka nanao ny fisaorana, ary niankohoka teo amin'ilay latabatra, nitomany, tsy afaka nikasika an'ilay izy. Avy eo dia tonga izy ireo nitady.

<sup>210</sup> Ary teo ambonin'ilay havoana tamin'io andro io, dia niteny tamiko marina tokoa an'izay hiseho Izy. Hoy Izy hoe, “Ireto no hiala, ary avy eo dia ireto no hiala.” Fa nanana andiana hena am-bifotsy goavana iray Izy. Hoy Izy hoe, “Tehirizo io fa ilaina atsy ho atsy ho an'ireo vahoakan'i Milltown.” Ary indray hariva rehefa nandre an-dRahalahy Creech aho. . . Nipetraka teto izy omaly hariva. Izaho tsy. . . Rahalahy Creech, ato ve ianao izao hariva izao? Rehefa nanatona ahy Rahalahy Creech, niantso ahy, ary Ranabavy Creech, nitomany; nandry teo ny dadany. Hoy izy, “Ranadahy Bill, aza miteny aminy. Eo am-pahafatesana izy.” Hoy izy, “Lanin'ny homamiadana izy; nanokatra azy ireo dokotera, ary feno homamiadana mihitsy arak'izay maha-izy azy izy.” Ary Will Hall (fa mahatsiaro azy ianareo rehetra), rehefa nanokatra azy ilay dokotera iray ihany dia tena feno homamiadana izy. . . Nanomboka nandeha nihaza vontsira aho tamin'io maraina io, ary nahita an'ireo paoma nihantona teo amin'ilay efitra. (Tsaroanareo ve ilay tantaran'izany?) Fa velona

ilay lehilahy androany. Efa taona maro lasa izany. Izy sy Rahalahy Busty dia mpisakaiza.

<sup>211</sup> Ary nandeha tany amin'ny hopitaly aho, ilay hopitaly vaovao (adinoko hoe iza no iantsoan'izy ireo azy, any New Albany) ilay hopitaly vaovao. Koa nandeha tany aho mba hijery an'i Busty; ary rehefa niditra tao amin'ilay efitra aho, dia hoy aho hoe, "Rahalahy Busty."

Hoy izy hoe, "Rahalahy Bill." Namikitra mafy ny tânako tamin'ilay fandraisan-tânana goavana tranainy; mpiady tranainy iray an'ny Ady Lehibe Voalohany, tsy hoe milaza an'izany eo amin'ny fanatrehany, fa fo tsara iray fotsiny izay hany nidoboka tao ambanin'ilay lobaka manga tranainy. Nihazona ny tânako izy. Efa tao an-tranony aho; nisakafa tao an-tranony; natory tao an-tranony, toy ny hoe rahalahiny mihitsy aho. Ireo zanany sy ny rehetra, izahay fotsiny—toy ny mpifato-drà fotsiny. Lehilahy mahafinaritra.

<sup>212</sup> Ary izy...Fa tsy nandeha niaraka tamin'ny Tompo lalina mihitsy izy. Izy...Nataoko batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy. Saingy tamin'io andro io rehefa nilaza ilay mpitory teny Metodista hoe, "Ny olona rehetra izay natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia mivoaha miala eo ambanin'ny tranolaiko." Nety izany. Nivoaka i George Wright sy izy ireo. Tamin'io tolakandro io dia nandeha teo aho mba hanao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy tao Totten Ford. Nidina tao anatin'ilay rano ny fiangonany manontolo ary natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Noho izany dia nanohy aho. Nety tsara izany. Raha Andriamanitra no momba anareo, dia iza no afaka hanohitra anareo? Tsy fantatro akory aza hoe lasa aiza ilay lehilahy, inona no nitranga taminy.

<sup>213</sup> Na izany aza, dia niditra tao amin'ilay hopitaly aho. Nandry teo i Busty tena feno homamiadana, ireo dokotera aza dia tsy te-hanao akory, tsy nanao afa-tsy nanakambana azy miaraka fotsiny. Fa nilaza tamiko i Busty; hoy izy hoe, "Rahalahy Bill, ho an'ny tanjona iray izao. Nisy zavatra nitranga."

Hoy aho hoe, "Eny, Busty." Nanomboka nahatsapa an'ilay Fanahy tahaka an'io rivotra nifofofoto izay noresahako io aho, fantatrareo, niditra.

Nilaza izy...Rehefa niditra teo aho, dia nisy avana iray teo amin'ilay zoron-trano, nitsangana teo amin'ilay zoron-trano. Ny avana dia fanekena iray; faneken'Andriamanitra. Nanao fanekena iray tamiko Andriamanitra teo amin'ilay tendrombohitra tamin'io andro io. Napetrako teo amin-dRahalahy Busty ny tânako ary nivavaka ho azy.

Hoy ilay dokotera hoe, "Hifintina izy. Hihena fotsiny izy. Tsy misy na inona na inona atao...Ho lasa fotsiny izy ao anatin'ny andro vitsy." Ary Busty Rodgers...Efa herinandro sy herinandro ary herinandro lasa izay, ary Busty Rodgers, dia

mipetraka eto aoriana eto mihitsy ato amin'ny fiangonana izao hariva izao, salama sy matanjaka araka ny nahitako azy mihitsy teo amin'ny fiainako. Mitsangàna, Rahalahy Busty. Io izy. Ndao isika hanome ny dera ho an'Andriamanitra, ny olona rehetra.

Niangona tao amin'ny efitra ambony izy ireo,  
Ny rehetra nivavaka tamin'Ny Anarany.  
Vita batisan'ny Fanahy Masina,  
Sy ny hery satria tonga ny asa.  
Ankehitriny, izay Nataony ho azy ireo tamin'io  
andro io,  
Dia izany ihany no Hataony ho anao.  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
aho."

Isan'izy ireo aho, isan'izy ireo;  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
aho." (Haleloia!)  
Isan'izy ireo, isan'izy ireo aho;  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
aho."

Na dia mety tsy misehoseho aza ireo olona ireo,  
Na mihambo amin'ny lazan'izao tontolo izao,  
Dia nahazo ny Pentekostany izy rehetra,  
Natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy.  
Ary miteny izy ireo ankehitriny hatraiza hatraiza  
hoe,  
Mbola tsy miova ny Heriny.  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
aho."

Isan'izy ireo aho, isan'izy ireo aho;  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
aho." (Haleloia!)  
Isan'izy ireo, isan'izy ireo aho;  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
aho."

Ankehitriny, avia ry rahalahiko, hitady an'io  
fitahiana io  
Izay hanadio ny fonao amin'ny fahotana,  
Ka hanomboka haneno ireo lakolosim-pifaliana,  
Ary hihazona ny fanahinao hirehitra.  
Oh, mandoro ao anatin'ny foko izany ankehitriny,  
Oh, voninahitra ho an'Ny Anarany.  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
aho." (Ndao isika hihira an'izany!)

Oh, isan'izy ireo, isan'izy ireo;  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
aho." (Haleloia!)

Isan'izy ireo, isan'izy ireo;  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo aho." (Firy no isan'izy ireo, atsangano ny tãnanareo? Oh, oadray! Oh, faly toy ny ahoana aho fa isan'izy ireo aho.)

Isan'izy ireo, isan'izy ireo;  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo aho." (Haleloia!)  
Isan'izy ireo, isan'izy ireo;  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo aho."

Niangona tao amin'io efitra ambony io izy ireo,  
Ny rehetra nivavaka tamin'Ny Anarany.  
Vita batisan'ny Fanahy Masina izy ireo,  
Avy eo dia satria tonga ny asa.  
Ankehitriny, izay Nataony ho azy ireo tamin'io andro io,  
Dia izany ihany no Hataony ho anao.  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo aho."

Oh, isan'izy ireo, isan'izy ireo;  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo aho." (Haleloia!)  
Isan'izy ireo, isan'izy ireo;  
Tena faly aho fa afaka milaza. "Isan'izy ireo aho."

Ankehitriny, raha mbola mihira an'izany isan'andiny izany isika, dia tiako ny tsirairay avy aminareo hitodika, ka handray ny tãnan'ny olona iray akaikinareo, ary hanao hoe, "Isan'izy ireo ve ianao?" Hitanareo? Eny àry.

Oh, isan'izy ireo (Fantatro fa izy ianao, Rahalahy Neville. Fantatro fa izy ianao, Rahalahy Capps. Fantatro fa izy ianao. Fantatro fa izy ianao...?....)  
... isan'izy ireo.

Oh, isan'izy ireo, isan'izy ireo;  
Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo aho."

214 Oh, tsy faly ve ianareo fa isan'izy ireo ianareo. Firy no te-ho anankiray, atsangano ny tãnanareo? Eny àry. Ankehitriny, hihira an'ity ho anareo aho:

Noho izany dia avia ry rahalahiko, hitady an'io fitahiana io  
Izay hanadio ny fonao amin'ny fahotana,  
Ka hanomboka haneno ireo lakolosim-fialiana,

Ary hihazona ny fonao hirehitra.  
 Oh, mandoro ao anatin'ny foko izany ankehitriny,  
 Oh, voninahitra ho an'Ny Anarany.  
 Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
 aho."

Oh, isan'izy ireo, isan'izy ireo;  
 Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
 aho." (Haleloia!)  
 Isan'izy ireo, isan'izy ireo aho,  
 Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
 aho."

<sup>215</sup> Tsaroanareo ve izay nolazain'ilay zazavavy kely tamin'i Petera hoe, "Isan'izy ireo ve ianao?" Tena faly aho, ary ianareo? Fantatrareo, nilaza i Petera tamin'ny andron'ny Pentekosta hoe, "Ity Izany!" Ankehitriny, nilaza foana aho hoe, "Raha tsy *ity* no Izany, dia faly aho fa manana an'*ity*, miandry an'Izany ho avy." Marina izany. Faly aho ny amin'ity.

Satria isan'izy ireo aho, isan'izy ireo aho;  
 Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
 aho."  
 Oh, isan'izy ireo, isan'izy ireo;  
 Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Isan'izy ireo  
 aho."

<sup>216</sup> Oh, tsy mahafinaritra ve izany, miara-mipetraka ao amin'ny toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy, miombona amin'ny Fanahy, miombona eo amin'ny Teny, miresaka an'ireo zavatra tsara ho avy. Tena tsara izany. Tena faly aho mahafantatra an'izany, ary ianareo? Tsy faly ve ianareo fa Kristiana iray? Tsy faly ve ianareo fa eo ambanin'ny Rà ny fahotanareo? Ho avy Izy indray andro any, ary handeha hiaraka Aminy isika. Avy eo dia eritrereto, hiendaka amintsika ny fahanterana rehetra; ny aretina rehetra, ny fahoriana rehetra, hiova ny fiainana mety maty rehetra. Oh, oadray! Azoko eritreretina fotsiny ireo rahalahy antitra malala izay nitsangana teto. Tsaroako... Firy no mahatsiaro an'i Rabbi Lawson? Oadray, ny maro aminareo. Afaka mahita azy manantona an'ilay tehina antitra eto mihitsy aho. Ary nipetraka tery aoriana tery aho. Izy nihira an'ity hira kely ity... (Iray minitra fotsiny Teddy, rahalahy.) Hanandrana aho, hahita raha afaka hahita an'ilay isan'andinin'ny. Tsy fantatro.

Miandry ahy any ny ampitso faly iray,  
 Izay misy an'ireo vavahady perla misokatra  
 midanadana,  
 Ka rehefa hiampita an'io lohasahan'ny alahelo io  
 aho,  
 Dia hitsahatra aho eo amin'ilay ilany hafa.

Indray andro any ankoatry ny fahatakaran'ny  
 fahalalana mety maty,  
 Indray andro any, Andriamanitra fotsiny ihany no  
 mahafantatra hoe aiza na rahoviana,  
 Hipetraka tsara ireo kodiaran'ny fiainana mety  
 maty,  
 Amin'izay fotoana izay dia handeha hitoetra eo  
 amin'ny havoanan'i Ziona aho. (Hia.)

<sup>217</sup> Ireo kodiarana kely izay mihodina ao anatintsika ireo—  
 mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, ary mandre, ireo  
 taovam-panamboloana kely sy kodiarana izay mihodina ao  
 anatin'ity fiainana mety maty ity, hipetraka tsara izy ireo indray  
 andro any. Amin'izay fotoana izay aho, ny tenako, ary ianareo,  
 handeha hitoetra eo amin'ny havoanan'i Ziona isika. Oh, tiako  
 izany, ary ianareo? Mahafantatra fa manana an'izany antoka  
 voatahy izany isika. Eny àry. Firy no mahafantatra an'ilay  
 hirantsika fahiny fanaovana batisa? Ankehitriny, hovaintsika  
 izany. Ndao isika haka ny hira fampiravantsika:

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,  
 Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;  
 Hanome fifaliana sy fiononana ho anao izany,  
 Raiso izany na aiza na aiza alehanao.

<sup>218</sup> Raiso eo aminareo ny Anaran'i Jesosy. Ataovy fotsiny  
 izany, raha mandeha ianareo. Eny àry, ny rehetra ankehitriny.  
 Aza adino, amin'ny valo maraina no ho zaraina ireo karatra  
 fangataham-bavaka ho an'ny fivoriana. Ny fivoriana dia  
 hanomboka amin'ny sivy sy sasany. Hitory teny aho amin'ny folo.  
 Ny fotoam-bavaka ho an'ny marary dia hanomboka eo amin'ny  
 iraika amin'ny folo eo.

<sup>219</sup> Rahampitso tolakandro, rahampitso hariva dia hisy hafatra  
 ara-pilazantsara iray eto amin'ny tabernakla. Ary rahampitso  
 hariva, ianareo rehetra izay nibebaka tamin'ny fahotanareo  
 ka tsy mbola natao batisa mihitsy, dia hisy...hisokatra ny  
 dobo; hanao batisa ny olona amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy  
 Tompo izahay.

<sup>220</sup> Ny olona rehetra miaraka ankehitriny, raha mbola mihira  
 amin'ny tampon'ny feontsika isika. Rahalahy Busty, tsy  
 fantatrao hoe faly sy mankasitraka an'Andriamanitra toy ny  
 ahoana aho. Fantatrareo, nandeha tany amin'ilay dokotera  
 izy. Ary niteny tamiko izy ireo fa nijery azy ilay dokotera,  
 ka tsy nahafantatra fotsiny an'izay ho eritreretina. Tsy nino izy  
 hoe ilay zalahy iray ihany ilay izy. Oh, tsy misy tsiambaratelo  
 ny amin'izay azon'Andriamanitra hatao. Tsy marina ve izany?  
 Eny àry.

Raiso eo aminao ny Anarana (Ampanenoy izany!)  
 an'i Jesosy,  
 Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;




Hanome fifaliana sy fiononana ho anao izany,  
Ankehitriny, raiso izany na aiza na aiza alehanao.

Anarana sarobidy (Anarana sarobidy!), O tena  
mamy!

Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;  
Anarana sarobidy (Oh, Anarana sarobidy!), O tena  
mamy!

Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

<sup>221</sup> Eny àry. Averiko amin'ny pasitera ny fotoana ankehitriny.  
Hanana teny vitsivitsy izy, na hiteny amin'ny olona iray  
hampirava antsika, na inona na inona ao an-tsainy. 

*FANONTANIANA SY VALINY MIKASIKA NY FANAHY MASINA* MAG59-1219  
(Questions And Answers On The Holy Ghost)

ANDIAN'NY FITONDRANA, LAMINA ARY FOTO-PAMPIANARAN'NY FIANGONANA

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Sabotsy hariva, 19 Desambra 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)